Malagasy
The Unveiling Of God
64-0614M

Torinten'i
William Marrion Branham

"... in the days of the voice ..." Rev. 10:7

Andriamanitra Voaseho

Jeffersonville, IN USA
14 Jona 1964

Teny fampidirana

Ny asampanompoana hafa kely an'i William Branham dia valin'ny Fanahy Masina ny amin'ny faminanian'ny Soratra Masina ao amin'ny Malakia 3:23–24, Lioka 17:30, ary Apokalipsy 10:7. Io asampanompoana manerantany dia faratampony amin'ireo faminaniana hafa ara-baiboly, ary ny fitohizan'ny asan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina amin'izao andro farany izao. Io asampanompoana io dia voalaza ao amin'ny Soratra Masina, mba hanomana ny olona ho amin'ny Fihavin'i Jesosy Kristy Fanindroany.

Mivavaka izahay mba hahatonga ny Teny voadika printy ho voasoratra ao anantin'ny fonareo raha feno vavaka ianareo eo ampamakiana ity hafatra ity.

Ny rakipeo sy ny dika soratra amin'ireo torinteny mihoatra ny 1 100 nentin'i William Branham dia azo alaina sy avoaka printy maimaimpoana amin'ny fiteny maro samy hafa ao amin'ny

www.messagehub.info

Rehefa natao daholo ny ezaka rehetra mba ahazoana antoka ny fandikana, dia miangavy anareo mba hijery ny rakipeo voalohany tamin'ny teny Anglisy izay mirakitra marina tsara ny toriteny.

Ity asa ity dia azo adika ary zaraina raha toa ka adika manontolo, tsy ovaina, ary mamaimpoana ny fizarana azy.

Any an-danitra, dia ho satrohantsika mpanjakan'ny mpanjaka Izy,
Tapitra ny diantsika.
Anarana saro-bidy, Anarana saro-bidy,
Fanantenan'ny tany, fifalian'ny Lanitra,
Anarana saro-bidy, Anarana mamy loatra,
Fanantenan'ny tany, fifalian'ny Lanitra.

382 Ho tonga eto i Billy, eo amin'ny enina eo, hizara ireo karatra fangatahampivavahana ho an'ireo izay manana faniriana handalo amin'ny laharana hivavahana. Heveriko fa aleo manao an'izany. Tsy nanana fikasana ny hanao izany isika, kanefa satria betsaka ny olona, dia atao ihany izany, hitanareo.

383 Aoka hatsiaro Azy hianareo izao! Tehirizo ao an-tsainareo mandrakariva Izy, ao am-ponareo. Amin'ny toerana rehetra izay halehanareo, hitanareo, tehirizo ao an-tsainareo Jesosy.

Mitafia ny Anaran'i Jesosy hianao, (ankehitriny henoinareo)
Ho toy ny fiarovana mahery; (inona no zavatra mitranga?)
Rehefa tonga ireo fakam-panahy, (inona no tokony ataonareo?)
Tonony amin'ny fivavahana fotsiny Ilay Anarana Masina.
Anarana saro-bidy, Anarana saro-bidy, Anarana mamy loatra!
Fanantenan'ny tany, fifalian'ny Lanitra;
Anarana saro-bidy, Anarana mamy loatra!
Fanantenan'ny tany, fifalian'ny Lanitra.

384 Izao dia hanondrika ny lohatsika isika. Mangataka ny pastora aho raha tiany ny ho tonga mba hamarana ny fivoriana. Rahalahy Neville; Andriamanitra anie hitahy anao, Rahalahy Neville.

Andriamanitra Voaseho

1 Hijanona hitsangana fotoana fohy isika ka hanondrika ny loha mba hivavaka.

2 Ry Tomponay tsara indrindra, izahay dia tena mahatsapa ankehitriny ny amin'ny tombon-tsoa izay anananay ny mba ahafahanay mivory ety ambonin'ny tàny alohan'ny Fihavian'ny Tompo. Ho afaka handinika ny fonay anie izahay ankehitriny, amin'ny alalan'ny Teninao, ka hijery izahay raha ao amin'ny Finoana, mba hahatonga anay ho vonona, mba, amin'ny ora Fisehoany, izahay mba, ho toy ny voalazan'ny Soratra Masina, «Ary izy rehetra dia niara-niakatra, niaraka tamin'ireo izay efa nody mandry, hitsena ny Tompo eny amin'ny rahon'ny lanitra, ary mba hiaraka Aminy mandrakizay isika».

3 Misaotra Anao izahay nohon'ny Fanahy tena Kristiana izay mbola eto amin'izao tontolo izao, eo amin'ny olona, ny hinoany indray ny Aminao sy ny amin'ny Teninao. Ary koa mangataka izahay mba ho eo aminay anie ireo Fitahianao rehetra anio, mba harotsakao aminay tsirairay avy izay zavatra ilainay, mba hahatonga anay ho voatondraky ny Teny, mba hafahanay mitombo ary ho lasa fitaovana ilaina eo An-tànanao, amin'izao andro farany izao. Ary mangataka an'izany izahay amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo, Mpiandry ondry lehibe, izay andrasanay ny fihaviany. Amena.

4 Afaka mipetraka hianareo. Tiako ny milaza fa tsapako ho tombon-tsoa lehibe indray ny mbola maha-eto izao maraina izao. Malahelo aho fa tsy manana toerana ampy ipetrahana isika. Ary hiezaka isika, androany hariva, eo, mba hivavaka ho an'ireo marary; ankehitriny, izao maraina izao, dia sarotra izany.

5 Ary-ary ny faniriko, dia ny mba handraketana ny hafatra anio. Izaho... Toa tahaka ny nanao zavatra tamiko ny Tompo ny amin'ny loha-hevitra, ô, efa ho iray na roa volana, ary Hafatra lava izany. Tsy manana fotoana ampy aho mandritr'ireo fivoriana any amin'ny toeran-kafa. Satria natokantsika ho telopolo na efapolo minitra ny fivoriana. Ary koa isika… Satria ireo sasany mbola hamonjy fiasana sy zavatra hafa, nahatsapa aho fa tsaratsara kokoa ny hanaovako an'ireo Hafatra fohy. Ary amin'ny toeran-kafa, tsy nanana fotoana nanaovana izany raki-peo izany isika, noho izany niteny fotsiny aho fa hiandry ny fahatongavana eto, amin'ny Tabernakely, ary eto no hanaovako an'izany fandraketam-peo izany. Lava kely izany, ary fantatro fa mitsangana hianareo, ary koa izaho-izaho handeha haingakaingana aho, hanao haingana araka izay azo atao. Ary, eny, tsy mampaninona ahy, raha toa ka mifanakalo toerana hianareo, na inona koa, izany-izany zavatra izany dia milamina, satria andro natokana ny andro androany, natokana hanaovana ireo fandraketam-peo.

6 Ary, koa, manana tatitra maro izay tokony hatao isika ny amin'izay efa nataon'ny Tompo teo amin'ny sahan'asa, nefa azo antoka fa hiresaka kokoa ny amin'izany isika anio hariva, rehefa afaka manokana fotoana bebe kokoa ny amin'izany, ary mety hanana fotoana ny amin'izany isika.

7 Ary ankehitriny dia apetratsika amin'ny Tompo ny fahatokiantsika mba

hitahiany ny tsirairay aminareo. Fantatro fa feno hafaliana fonareo, raha miandry ny Fihavian'ny Tompo. Ary ny ahy koa, dia feno hafaliana, ny mahita ny fomba hitrangan'ireo zavatra. Ary-ary ny adin'ireo firenena, ny fiangonana eo amin'ny toerana izay misy azy, ny mahita an'ireo famantarana ny amin'ny Fihaviany, izay eo amin'ny ara-nofo sy amin'ny ara-panahy, ny fahafantarana fa ny fotoana Fisehoany dia efa tena manakaiky, tena mameno fifaliana fontsika izany, ny fahalalana fa hovaina isika, indray andro any. Hisy fanovana hahazo antsika, tsy ho tahaka ireo famoronana misy antsika izao intsony isika.

8 Ankehitriny, mino aho, raha azoko tsara, fa mifandray amintsika an-taroby ireo toerana sasany, fa tonga any Phoenix izao hafatra izao, ary amin'ny-ary any amin'ireo toerana samihafa, amin'ny fifandraisana an-taroby. Ary koa, ankehitriny, manantena isika fa, raha izay no izy… tsy mahalala aho; nolazaina tamiko fotsiny izany talohan'ny nahatongavako. Ary-ary, mba tena hifaly amin'ny fahasalamana anie ireo olona any ary-ary mba ny Voninahitry ny Tompo anie ho amin'izy ireo.

9 Ankehitriny-ankehitriny dia hanokatra ny Tenin'ny Tompo isika. Ary ny rehetra, ny antony maha-eto antsika izao, dia ny mba hifaliantsika ary hiambenana ny amin'izay... Isika-isika dia tsy hoe tonga fotsiny, ary isika… Ho an'izay rehetra tonga eto, tsy misy olona afaka hino fa afaka mipetraka amin'izao toerana mafana tahaka izao, ka ny hoe mba handeha aty fotsiny. Tonga eto isika amin'ny tanjona iray, dia ny mba hanana "fandeha akaiky kokoa miaraka amin'Andriamanitra". Ny zavatra tokana azontsika atao, dia ny mino fa miaraka amintsika ny Tompo Jesosy. Ary tonga eto isika mba-mba handeha manakaiky Azy bebe kokoa.

10 Kanefa, tsy dia zakako loatra izao hafanana izao. Izaho manokana dia azo lazaina fa zatra ny hafanana maina izay misy amintsika any Tucson, izay... Ny hamandoan-drivotra izay misy eto izao; ny hafanana izay misy any amintsika any, dia mafana lavitra noho izao, kanefa maina izany. Matetika dia ny ampahany roapolo amin'ny iray isan-jato ny hamandoan- drivotra, angamba, zavatra tahaka an'izany, tahaka ny miaina ao anaty trano-lay misy rivotra madio. Nefa aty, dia misy ny-ny-ny hamandoana ao anaty rivotra, ary miaraka amin'izany, mahatsapa ny tena fa "foana tanteraka", hoy ny fiteny azy taloha. Ary, sarotra ny miaritra an'izany, noho izany, fantatro izany, ary hianareo reny, izay manana zazakely, ary ny sasany aminareo izay mitsangana, ireo antitra sy tanora, sady mitoetra amin'izao fahaterena misy anareo izao. Ary amin'izany isika-isika dia manantena fa hamaly soa betsaka ho anareo Andriamanitra ny amin'ny fandavan-tenanareo.

11 Araka ny fahafantarako, dia manodidina eo ihany Rahalahy Roy Borders. Naheno azy voatonina teo amin'ny fanamafisam-peo aho, kanefa mieritreritra aho, angamba tsy tafiditra izy. Tsara. Mpandamina ireo fivoriana izy.

12 Koa, ankehitriny, tsara ny ilazantsika fa misy olona iray izay teto amintsika fahiny nalain'ny Tompo izao maraina izao, lehilahy iray, Rahalahy

telo amby telopolo taona izay, dia toy izao no fahatsapako ny tenako. Ary, raha maharitra Izy, indray andro any dia hanakipy ny masoko aho, ary dia handeha toy izao ihany koa. Amena!

Mahatalanjona, mahatalanjona, Jesosiko,
Mpanolo-tsaina Izy, Andriamanitra Mahery, Andrian'ny Fiadanako;
Namonjy ahy Izy, mitahiry ahy ao Aminy mandrakizay Izy,
Mahatalanjona, ny Mpamonjiko, ny Andriamanitro, ny Mpanjakako!

378 Afaka ny handany ny sisa amin'ny andro eto aho, hilomano ao anatin'Izany. Hoy Paoly hoe: "Raha mihira aho, dia mihira ao amin'ny Fanahy." Eny. "Raha mitory Teny aho, dia mitory Teny ao amin'ny Fanahy. Raha mandeha aho, dia mandeha ao amin'ny Fanahy. Raha miteny aho, dia miteny ao amin'ny Fanahy." Mba hatao amin'ny Teny sy amin'ny Fanahy anie ny zavatra rehetra. Eny tompoko Amena! Izany rehetra izany, dia Fahamarinan'Andriamanitra.

379 Mahita Azy aho, Ilay Andriamanitra Mahery, voaseho. Mahita Azy mampihataka ireo fampianaram-piangonana, ireo anaram-piangonana; mampihataka ireo-ireo tsy mino ny fahamarinana, ireo lamina momba ny fampianarana, sy ny rehetra; mandroso, mitsangana eo. Heverinareo ve fa afaky ny handresy Azy ny fampianaram-piangonana? Heverinareo ve afaka ny handresy Azy ny anaram-piangonana? Heverinareo ve fa afaka ny handresy Azy ny Fiombonana maneran-tany? Nandresy ny zavatra rehetra Izy, nanapaka ny gadra rehetra, nanokatra ny fiainan-tsihita; nanongotra ny tombokase Izy, niditra tao anatin'ny toerana Masina indrindra Izy; naneho ny Tenany tamintsika Izy, toy ny Teny, Ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Amena. Tiako Izy.

380 Ankehitriny, mandra-pifankahitantsika androany hariva, dia hanao zavatra iray isika, ary izany dia:

Mitafia ny anaran'i Jesosy hianao,
O hianao, ilay zaza mahonena;
Hanome fifaliana ho anao Izy,
O, raiso izany amin'ny toerana rehetra izay alehanao.
Anarana saro-bidy, Anarana mamy loatra!
Fanantenan'ny tany, fifalian'ny Lanitra;
Anarana saro-bidy … (eny, efa miasa ao anatin'Izany sahady aho) …
Anarana mamy loatra!
Fanantenan'ny tany …

[Niresaka tamin'ny olona iray teo ambonin'ny lampihazo Rahalahy Branham.-Mpandika.]

381 Raha manandrana maka fanahy anareo Satana, mba tsy hijerenareo ny zavatra marina, dia asehoy azy ny Teny, tahaka izay nataon'i Jesosy. Hitanareo? Hitanareo, Amena!

Miondrika amin'ny Anaran'i Jesosy isika,
Lavo miankohoka eo amin'ny Tongony,

Ô, manapaka ny gadra rehetra Jesosy, (hitahy anao anie Andriamanitra, ry rahalahy.)
Ô, ary mamela anao ho afaka Izy!
Hidera Azy aho, hidera hatrany, (Ilay Andriamanitra Mahery)
Hi … ("Ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay", niova endrika fotsiny Izy)…hidera hatrany,
Hidera Azy aho, hidera hatrany, Satria Izy (no nanala ahy tamin'ny fampianaram-piangonana rehetra) nametraka ahy eo …

(mba hahafahako mino ny Teniny).

373 Ô, tsy henonareo ve ny fandehandehanan'ny Lokangan'ny Mpampianatra, ny tahon-dokanga izay mandehandeha eo ambonin'ity Teny ity? Izy no tsy miova omaly sy anio!

Hidera Azy aho, hidera hatrany,
Hidera Azy aho, hidera hatrany,
Hi… (Izy, Ilay Teny!)…
hidera Azy, hidera, hatrany, (Inona no nataony?)
Satria nametraka ahy (tao ambadiky ny efitra lamba) ho afaka Izy!

374 Hoderaina anie Andriamanitra! Tiako Izy. Tia Azy hianareo, tsy izany ve? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena"-Mpandika.] Tsy zavatry ny Lanitra ve izany? [Amena!] Tiako ireo toetran'ny Teny ireo, hitanareo, ny fahatongavan'ny Fanahy Masina amin'ny fomba izay tena malefaka, feno fanetren-tena. Izaho-tiako loatra Izany. Ô, mba saino kely ange!

Any ampitan'ny Jordana, (efa manakaiky ny fahatongavako any, eo)
Ao anatin'ny saha … (maharitra mandrakizay) mahafinaritry ny Edena … (inona no ho hitako ao?)
Amin'ny toeran' ny Hazon'… (Izay tao amin'ny saha Edena) mamoa,
No hahitako ny fitsaharana.

375 Te-handeha ho any ve hianareo? Manapaka ny gadra rehetra Izy.

Manapaka (ny fombafomba rehetra) ny gadra rehetra Jesosy,
Manapaka ny gadra rehetra Jesosy (ny anaram-piangonana rehetra, ny fampianaram-piangonana rehetra),
Manapaka ny gadra rehetra,
Ary namela anao ho afaka Izy!

376 Hoderaina anie Andriamanitra! Satria tiako Izy. Tsy mahagaga raha nilaza Isaia hoe: "Mpanolo-tsaina Izy, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra Mahery, Rain'ny Mandrakizay, Mahagaga!"

Mahatalanjona, mahatalanjona, Jesosiko,
Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Andrian'ny Fiadanana;
Namonjy ahy Izy, mitahiry ahy ao Aminy mandrakizay Izy,
Mahatalanjona, ny Mpamonjiko, ny Andriamanitro, ny Mpanjakako!

377 O! La la! Manetsika ny foko izany. Tena mahafinaritra Izy! Milaza izany aminareo aho, tsy misy farany ny amin'Izany! Rehefa tafiditra Tao aho, efa

Jackson, avy ao Sturgis, faritra ao Michigan. Tsy misy olona mahalala ireo zavatra nitranga tamin'ny nandehanany, na izay nanjo azy. Salama tsara izy, fa izao fotsiny, izy… Heveriko fa nisy nahita fa maty izy, na izay. Izaho-izaho dia tsy naharay ireo antsipirihany rehetra. Ary isika dia mankasitraka an'Andriamanitra ny amin'i Rahalahy Jackson izay tena kristiana. Efa taona maro izay no tsy nahita azy aho, kanefa naira-nipetraka teto amintsika izy, ary an'isany iray tamintsika izy. Andriamanitra anie hanome fitsaharana ny fanahany sarobidy! Tamin'ny nandehanany tampoka tahaka izany, mino isika fa, angamba izany zavatra izany, mba efa fotoana handehanany. Ny Tompo dia tsy mba nilaza an'izany mialoha tamintsika, na izy koa aza, lasa izy, izay fotsiny. Tahaka izany no nitranga. Ary tiako ny hiantso ny vadiny rehefa azo hatao, ary haneho aminy ny fiarahantsika miory. Ary isika rehetra dia te-hankasitraka an'Andriamanitra ny amin'ny fiainany kristianina sarobidy, ary koa ny amin'ny maha-izy azy rehetra tety an-tàny, ary teto amintsika fiangonana manokana, eto.

13 Ankehitriny, izao hariva izao, efa nilaza aho fa hivavaka ho an'ireo marary anio hariva, ary hiresaka betsaka mikasika ireo marary aho androany hariva.

14 Nefa alohan'izany, hiditra amin'ny Tenin'Andriamanitra avy hatrany isika izao, satria betsaka ny olona sady mafana. Hiditra avy hatrany isika amin'ny Tenin' Andriamanitra. Te-hamaky andian-tsoratra Masina roa aho izao maraina izao, lava izy ireo, ary izy ireo no hanome ahy hevitra kely hiankinana ny amin'ny zavatra tiako lazaina.

15 Ary, ankehitriny, tiako raha tazomin'izy ireo ny horonam-peo, dia Rahalahy Sothmann sy ireo hafa koa, raha azo atao, alohan'ny hivarotana azy, izaho-tiako ny hihaino azy alohan'ny isika... alohan'ny hanaparitahana azy.

16 Ankehitriny, ao… hamaky aho ao amin'ny Filipiana, toko faha-2, andininy 1 ka hatramin'ny faha-8; sy ao amin'ny II.Korontiana toko faha-3, manomboka amin'ny andininy faha-6, ary hamaky isika hatramin'ny toko faha-4 amin'ny II.Korintiana, mba hanome antsika teny ahafahana manomboka. Ankehitriny, dia ao amin'ny Filipiana, toko faha-2 no vakiako mialoha.

Alohan'ny hamakiana, hivavaka isika.

17 Tompo Jesosy, ny Teninao no Fahamarinana. Ary amin'izao ora feno korontana izay hivelomanay izao, firenena mitsangana mamely firenena, ny pesta, ireo horohoron-tany amin'ireo toerana maro, ny fon'ireo olona izay efa miha-potika, ny tahotra, hitanay ny soratra eny amin'ny rindrina. Nefa izany, dia amin'ny sehatra ara-nofo, mba hahafahan'izao tontolo izao mahita an'ireo zavatra ireo. Kanefa, ankehitriny, misy koa ny sehatra ara-panahy, hitanay ireo zava-dehibe izay mitranga, ary te-hiresaka ny amin'izany izahay anio.

18 Tahio ny Teninao ao am-ponay. Fantatray fa tsy nisy olona tany an-danitra, na tety an-tany, izay hita mendrika handray ity Boky, hamaha ireo tombo-kase, na ny hijery Azy akory aza. Kanefa misy Olona iray izay

nitsangana, ny Zanak'ondry izay efa voavono, izay feno Rà, tonga Izy ary nandray ny Boky, mendrika Izy ary Izy ihany no afaka nanokatra Izany. Ô ry Zanak'ondrin'Andriamanitra, asehoy ao am-ponay ny Teninao anio, mba hahitanay ny fampiononana ao amin'Izany. Mpanomponao izahay. Mamela ireo helokay, Tompo ô. Ary izay rehetra mety hanakana ny Teny hivoaka amin'ny hery lehibe sy ny fisintonana rehetra misy eo amin'ireo fiainanay ankehitriny, hesory izany, Tompo, ny sakana rehetra, mba hahafahanay miditra tanteraka amin'ireo fitahiana rehetra izay nampanantenaina ho anay tamin'ny alalan'ny Teninao. Mangataka an'izany izahay amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

19 Filipiana 2:

Koa raha misy famporisihana amin'i Kristy, raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavana, raha misy firaisana avy amin'ny Fanahy, raha misy famindrampo sy fiantrana,

Dia tanteraho ny fifaliako, mba hiraisanareo saina, miray fitiavana, miray fo, miray hevitra.

Tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana; fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany.

Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany koa.

Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa,

Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny ny fitoviana amin'Andriamanitra,

Fa nofohanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona;

Ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay amin'ny hazo fijaliana.

20 Amin'izao fotoana izao, raha ankasitrahantsika izao, raisintsika II.Korintiana, toko faha-3, hatomboka amin'ny andininy faha-6, ary hamaky hatramin'ny andininy faha-18 isika, ary koa ampahany amin'ny toko faha-4.

Izay efa nampahaleo anay koa ho mpanompo amin'izay fanekena vaovao, nefa tsy amin'ny soratra, fa amin'ny Fanahy; fa ny soratra mahafaty, fa ny Fanahy no mahavelona.

Fa raha ny fanompoana mitondra fahafatesana aza, dia ilay voasoratra teo amin'ny vato, no nisy voninahitra, ka ny Zanak'Isiraely tsy nahabanjina ny tavan'i Mosesy noho ny voninahitry ny tavany, izay nihalevona,

Tsy mainka hisy voninahitra va ny fanompoana omban'ny Fanahy!

Fa raha nisy voninahitra ny fanompoana nitondra ny fanamelohana, mainka hanan-tombom-boninahitra ny fanompoana mitondra ny fahamarinana.

Mamonjy ahy Izy, mitahiry ahy lavitry ny ota rehetra Izy.
Mahatalanjona dia ny Mpamonjiko, voninahitra ho an'ny Anarany!
O! Mahatalanjona, mahatalanjona, Jesosiko.
Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Andrian'ny Fiadanana.
Namonjy ahy Izy, mitahiry ahy ho Azy mandrakizay Izy,
Mahatalanjona dia ny Mpamonjiko,
ny Andriamanitro, ny Mpamonjiko!

370 Firy no mahita Azy, Ilay Mpandresy Mahery, izay mitsangana eto, Ilay Teny tonga nofo, voaseho eo anoloantsika; Ilay Alfa sy Omega; Ilay efa nisy, misy, ary Ilay ho avy; ny Fiandohana sy ny Taranak'I Davida; efa Zanak'olona Izy, Zanak'Andriamanitra, Zanak'olona, ary ho Zanak'i Davida. Mino Izany amin'ny fonareo rehetra ve hianareo? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena"-Mpandika.] Tao amin'ny taona tsirairay dia naneho ny Tenany Izy mba hiseho amin'ny mpino, nanafina ny Tenany tao anatin'ny nofon'olombelona tamin'ny tsy mpino Izy. Niafina tao ambadiky ny fisaronana Izy. Andriamanitra anie hamotika ny fisaronana rehetra, ka mba ho hitantsika anie ny maha-Izy Azy!

Manapaka ny gadra rehetra Jesosy,
Manapaka ny gadra rehetra Jesosy,
O, manapaka ny gadra rehetra Jesosy,
Rehefa mamela anao ho afaka Izy!
Any am-pitan'ny Jordana,
Ao anatin'ny saha mahafinaritry ny Edena,
Amin'ny toerana izay mampivelatra ny Hazon'Aina,
No hahitako ny fitsaharana.
Manapaka ny gadra …

Tsy te-hamaky ny Jordana ve hianareo, izao ankehitriny izao? Efa ela no naha-tao anatin'ny tany hay antsika, tsy tsikaritrareo ve izany? Hiampita isika, aoka horombahantsika ireo Teny fampanantenana!

Manapaka ny gadra rehetra Jesosy,
Manapaka ny gadra rehetra Jesosy,
O, rehefa mamela anao ho afaka Izy

371 Atsangatsika ny tànantsika ankehitriny.

Hidera Azy aho, hidera hatrany,
Hidera Azy aho, hidera hatrany,
Hidera Azy aho, hidera hatrany,
Satria namela ahy ho afaka Izy!

372 Amena! Tsy mahafaly ve izany? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena"-Mpandika.] Ô, mahafinaritra izany! Tena mahafinaritra Izy, eo, tsy izany ve? Aoka isika hifandray tànana, izao, hiteny hoe:

Manapaka ny gadra rehetra Jesosy,
Manapaka ny gadra rehetra Jesosy,

tànana rehetra ireo!

365 Ireo izay any ivelany, tsarovinareo, mety tsy ho hitako mihitsy ny tànanareo. Na izany aza, ny fahitako izany, tsy izany-tsy izany akory no zava-dehibe; fa amin'Andriamanitra ihany izany. Ny ataon'izany amiko, amiko manokana, izany dia maneho fotsiny amiko fa ny-ny Voa dia latsaka any ho any, ary, fa Andriamanitra no mahita izay tena ao anatin'ny fo.

366 Raha misy ny sasany izay tsy mbola nanangana ny tànana, ka mba te-hanangana an'izany amin'izao fotoana izao, atsangano ny tànana mba ahatsiarovana anareo am-bavaka. Atsangano ny tànanareo. Hitahy anareo anie Andriamanitra. Tsara izany. Hitahy anareo anie Andriamanitra.

367 Ray ô, mivavaka izahay ankehitriny ho an'ireo olona ireo, Tompo ô, ireo izay mbola tsy namaky tao ambadik'io fisaronana io. Eo izy ireo, tahaka ny Isiraely; mijery izy ireo. Mino izy ireo, kanefa mbola tsy tafiditra ao anatin'Izany izy ireo, mba hahita an'ity Fahazavana be voninahitry Shekinah ity, na amin'ny ara-panahy na amin'ny ara-nofo, satria tsy mijanona ny fakana an-tsary an'izany amin'ny fijerin'ny fitaovana mekanika; vao roa herinandro fotsiny izay, mbola hazo sary indray Izany. Miseho Hianao, Tompo ô, ilay Andriamanitra Mahery voaseho amin'ny mpino; mbola voafina amin'ny tsy mino, fa voaseho amin'ny mpino.

Mba hiditra ao anatiny anie izy ireo ankehitriny, Tompo ô, mba hahita anie izy ireo ny Famirapiratany lehibe sy ny Voninahiny. Mba hovaina anie ny fon'ireo alohan'ny hiverenanay aty am-piangonana androany hariva. Aoka ho feno ny Fanahinao izy rehetra, ny Fanatrehanao. Mba ho raisin'ilay Olo-mahay anie ny finoana izay ananan'ireo, ka Halefany mandeha eo amin'ny Teny izany; ary mba hiverina amin'ireo ilay tonin-kira: "Efa voafidy hianao, talohan'ny nanorenana izao tontolo izao, mba hino Izao. Minoa, ry Zanako, ary aoka ho vonjena."

368 Andriamanitra Rainay ô, mametraka azy ireo Ampela-tànanao izahay ankehitriny, fantatray fa tsy misy zavatra azonay atao mihoatra noho izao. Eo Ampela-tànanao, ny zava-drehetra ankehitriny, ry Ray. Mametraka azy ireo eo Aminao aho. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Zanakao. Amena.

Tiako Izy, tiako Izy,
Satria … nitia ahy taloha
Ka maty ho famonjena ahy
Teo amin'ny hazo tao kalvary

369 Tia Azy ve hianareo? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.]

Mahatalanjona, mahatalanjona, Jesosiko
Mpanolo-tsaina, Andriamanitra Mahery, Andrian'ny Fiadanana;
Mamonjy ahy Izy, mitahiry ahy ho Azy mandrakizay Izy.
Mahatalanjona dia ny Mpamonjiko,
ny Andriamanitro, ny Mpanjakako!
Efa very aho, voavonjy aho, tsy misy fanamelohana intsony.
Afaka aho ao amin'i Jesosy, famonjena tanteraka no hazoko.

Ary izay nisy voninahitra aza dia tsy manana voninahitra kosa amin'izao noho ny voninahitra izay manan-tombo.

Fa raha nihalevona aza nisy voninahitra, mainka fa ny mitoetra no misy voninahitra.

Koa amin'izany, satria manana izany fanantenana izany izahay, isika dia tokony… sahy, dia sahy tokoa,

Ary tsy tahaka an'i Mosesy, izay nanarona ny tavany tamin'ny fisalobonana, mba tsy hibanjinan'ny zanak'Isiraely ny faran'izay nihalevona;

Fa efa donto ny sainy; fa ambarak'androany dia mbola tsy nesoriny ihany izany fisalobonana izany, raha vakina ny tenin'ny fanekena taloha, satria ao amin' i Kristy ihany no anesorana izany.

Fa misy fisalobonana manarona ny fony am-baraka androany, raha vakina ny tenin'i Mosesy.

Kanefa rehefa miverina amin'ny Tompo izy, dia hesorina ihany ny fisalobonana.

Ary ny Tompo izany Fanahy izany; ary izay… itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana.

Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izanendrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy.

Ary amin'izany, satria manana izany fanompona izany izahay, araka ny nahazoanay famindrampo, dia tsy ketraka.

Fa efa nolavinay ny zavatra takona maha-menatra, ka tsy mandeha amin'ny fihendrena, na manatsatso ny tenin'Andriamanitra izahay, fa fanehoana ny marina no ideranay tena amin'ny fieritreretan'ny olona rehetra eo imason'Andriamanitra.

Fa raha miafina ny filazantsaranay, dia miafina amin' izay ho very izany.

21 Ny Tompo anie hanampy ireo Fitahiany rehetra tamin'ny famakiana ny Teny!

22 Ankehitriny, ny loha-hevitro izao maraina izao... Mametraka ny fahatokiako amin'Andriamanitra aho mba Izy no haneho an'izany zavatra izany. Ary, isaka ny, raha, hianareo izay mandray ireo horonam-peo ary mihaino an'ireo, ary, mino sy manantena aho fa-fa voarainareo ny hevitra ara-panahy ny amin'izay zavatra tian'Andriamanitra ho hitan'ny Fiangonana na dia tsy lazainy mivantana aza. Hitanareo? Zavatra, indraindray, ilaina ny miteny amin'ny fomba mba hiparitahana, amin'ny fomba mba hahatonga ny sasany handeha, ny sasany mba hiala, ary ny sasany mba-mba-mba-hieritreritra. Nefa niniana natao izany. Fa tsy maintsy natao tahak'izany ihany.

23 Noho izany, mety hisy ny sasany hilaza hoe: "Milaza ve hianareo fa Andriamanitra hanao zavatra toy izany, fanahiniana?" Tsy misy fisalasalana fa nanao an'izany Izy. Mbola manao an'izany Izy ankehitriny.

24 Nilaza Izy, indray andro rehefa nisy amin'arivony nanodidina Azy, hoy Izy hoe:

"Raha tsy mihinana ny Nofon'ny Zanak'Andriamanitra hianareo, na, ny Zanak'olona, ary raha tsy misotro ny Ràny, dia tsy manana Fiainana ao aminareo mihitsy."

25 Filazana manao ahoana no eritreretinareo hasehon'ny dokotera na mpitsabo, na olona hafa tena manan-tsaina, ahoana no fihevitr'ireo ny amin'izany, avy amin'ny Lehilahy izay nanana fanompoana toy ny Azy? Hitanareo, hiteny izy hoe: "Mihinana nofo? Izany, dia mpihinan'olona! Misotro ràn'olona? Izany dia Vampira! Amin'ny fiteny hafa, tiany hatao mpihinan'olona sy mpihinan-drà isika." Ary ny mpihaino rehetra dia nandao Azy.

26 Nisy mpikambana mpitory teny niaraka Taminy, fitopolo no voafidy tamin'izany. Nitodika tamin'ireo Izy, ary hoy Izy: "Inona ary no holazainareo raha mahita ny Zanak'olona ho any amin'ny toerana nisy azy taloha?" Nefa, tsy nanazava an'izany Izy. Tsy nanazava mihitsy Izy hoe ahoana, fa i Paoly no nanao izany taty aoriana. Niteny an'izany Izy, dia izay. Hitanareo? Ary nefa, tamin'izany fotoana izany, hoy Izy hoe: "Inona no holazainareo", tamin'ireo mpitory teny, "Raha mahita ny Zanak'olona miakatra hianareo ho any amin'ilay toerana nisy Azy taloha?"

27 Azo antoka fa nilaza ireo lehilahy ireo hoe: «Andraso kely, eo, ô, miara-mihinana Aminy izahay, miara-manjono Aminy izahay. Miara-matory Aminy izahay. Izahay-izahay dia mahalala ny toerana nahaterahany. Hitanay ny fitoerana izay-izay nandrotsirotsiana Azy. Ary, nahoana ity Lehilahy ity… Mafy izany teny izany".

28 Ary ny Baiboly milaza fa: "tsy niaraka Taminy intsony ireo." Nandao Azy ireo.

29 Teo dia roa ambin'ny folo sisa no nijanona teo Aminy. Izy no nifidy an'ireo roa ambin'ny folo ireo, ary ny iray tamin'izy ireo dia devoly, izany no nolazainy. Ka dia nitodika tamin'ireo Izy.

Ary tsy nisy afaka nanazava ny zavatra vao nambarany. "Ahoana no ataon'ireo raha hinana ny Nofony sy hisotro ny Ràny? Ary ahoana no nidinany, nefa Izy dia teraka tety ambonin'ny tàny? "Hitanareo? Tsy afaka ny nahazo Azy izy ireo.

Avy eo nitodika tamin'ireo mpianatra Izy, ka nilaza hoe: "Hianareo koa va mba te-handeha?

30 Ary teo no nanaovan'i Apostoly Petera ilay filazana be voninahitra nanao hoe: "Tompo ô, hankany amin'iza moa izahay?" Hitanareo? "Satria resy lahatra izahay. Fantatray am-pahatokiana fa Hianao, ary Hianao irery, Hianao no manana ny Tenin'ny Fiainana, amin'izao ora izao". Hitanareo? "Ary resy lahatra ny amin'izany izahay". Hitanareo, tsy afaka ny nanazava Azy ireo. Izy ireo…

tavela eny ivelany, izay misy fitomaniana, ireo fidradradradrana sy ireo fikotrohanify.

360 Ampio ny olona tsirairay mba hino, izao maraina izao, Ray ô; hesory ny saron'ny fitiavan-tena rehetra, ny saron'ny tsy finoana rehetra, ary mba hahita ny Mpandresy Mahery voaseho eo anoloan'ireo mpino. Satria: "Indro, Izaho momba anareo mandrakariva, ambara-paha-tongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. Vetivety foana, dia tsy ahita Ahy intsony izao tontolo izao; fa hianareo no hahita Ahy." Misehoa Hianao eo afovoanay, Tompo ô, tahak'izay efa Nataonao. Ary mitoera toy izany foana, mandrapisehonay hita eo Anoloanao, rehefa hisy ny fiovana amin'ny fanovan'endrika, ka tonga indray Hianao amin'ny maha-Zanak'olona, avy eo Zanak'i Davida. Ankasitraho izany, Tompo ô, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

Raha mbola miondrika ny lohantsika, aoka ho feno vavaka isika rehetra.

361 Manontany tena aho, ankehitriny, raha misy iray eto izay… ato anatiny na any ivelany. Tsy misy fomba hanasana ireo olona mba handroso amin'ny alitara, eto, satria tsy ampy ny toerana. Kanefa manontany tena aho, amin'ny fahatsorana, mino ve hianareo fa Fahamarinana izao? Mino ve hianareo fa amin'izao andro izay iainantsika izao, ao anatin'izao fapotehana rehetra izao, ao anatin'izao taonan'ny fahalalana tahaka ny tamin'ny andron'i Noa izao, tamin'ny andron'i Mosesy, tamin'ny andron'I Kristy, fa Andriamanitra, ny Rain-tsika rehetra, be voninahitra, izay ao Aminy amin'ny alalan'ny fahaterahana, dia mitsangana eo anivontsika ankehitriny?

362 Io Andry Afo hita izay voaporofon'ny manam-pahaizana, efa taona maro lasa, raha mbola zatovo aho, niresaka tamiko Izany, ary nilaza tamiko fa honina aty mihitsy aho, ary koa ny zavatra izay hitranga. Efa niresaka an'izany taminareo aho, ary koa Izany… Indray andro, teo amin'ny renirano, talohan'ny nanombohan'izao fanompoana izao, tamin'ny fotoanan'ny fifohazana voalohany, niseho tamin'ny lanitra Izy, nanambara ny Tenany Izy ary nanolotra ny asa anirahana. Nandritra ireo taona rehetra ireo, notazoniko niafina tato am-poko izany, nanarona an'i Kristy, ilay Andry Afo tsy miova izay mandika ny Teny, toy izay efa nampanantenaina. Amin'ny andro farany isika, mialoha kely ny fahatongavan'ny Tompo. Ary raha mbola mijanona ivelan'ilay fisaronana hianareo, -fa ny fijanonana eny ivelany, dia fahafatesana, -tianareo ve, amin'ny alalan'ny finoana, izao maraina izao, hilaza hoe: "Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra. Miaraka amin'ny Fanampianao, Tompo ô, te-hamaky an' io fisaronana io aho. Te-hiditra ao amin'izay misy Anao aho, mba hahita ny Tenin'Andriamanitra rehetra"?

363 Aza mitady ny mba ho lasa Mosesy. Aza mitady ny mba ho lasa Arona. Tsia. Mitoera fotsiny amin'izay maha-izy anareo, kanefa aoka ho kristiana.

364 Tianareo ve, eo am-panondrehana ny lohanareo, atsangano amin'Andriamanitra ny tànanareo, ary milaza: "Tompo Andriamanitra ô, ampio aho mba hiditra ao anatin'ilay sarona"? Hitahy anareo anie Andriamanitra. Hitahy anareo anie Andriamanitra. Izany dia... Jereo ireo

fisin'Andriamanitra. Mitohy ny varotra lavanty, Tompo ô.

354 Andriamanitra Ô, mandrosoa Hianao! Azo antoka fa hanao izany Hianao. Iraho ho anay io mpaminany io, Tompo ô, izay mandray an'io taho fitendrena io, izay mandray an'ity Teny ity ka maneho fa Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay. Betsaka amin'ireo, Tompo ô, no mahafoy ny ainy, hanaisotra ireo fombafomba taloha, hamotika ireo sarona. Mila an'Izany ireo, Tompo ô. Vonona ny hanome ny rehetra, ny rehetra, raha toa ka homena azy ireo Jesosy.

355 Tompo ô, heveriko fa efa voaporofonao tamin'ireo Izany, ankehitriny. Avy amin'ny toerana maro izy ireo. Mandany ireo fananany. Manao izay zavatra rehetra azony atao izy ireo mba hafahany ho tonga amin'ireo fivoriana, mba hanao izay rehetra azony hatao, satria nahita an'ity Perla lafo vidy ity izy ireo. Ka lasa maivam-bidy aminy ireo zavatra hafa. Tahio ireo, Ray ô.

356 Eto amin'ity pilopitra ity, izao maraina izao, Tompo, dia misy mosara betsaka. Mety hanainga androany ireo olona sasany, alohan'ny fivoriana ho fanasitranana androany hariva. Ô ry Andriamanitra Mandrakizay, haidino ny fijerinao. Fantatro fa eto Hianao, voasarona Hianao. Ary alefako ireto lamba madinika ireto, Tompo, izay antsoina hoe "mosara", sy ireo "akanjo" madinika, ary ireo "kiraro" kelin'ny zazakely. Alefako ireo ho solon'ireo lamba kely, mba hilaza fa voatory teo amin'ireo ny Teninao izao maraina izao, ary, amin'ny maha-mpino, mametraka ny tànako eo amin'ireo aho, ny tenako, mba haneho fa izaho, dia mino Izany. Ary, amin'ny alalan'ny finoana, ny olona tsirairay izay ato anatin'ity trano ity dia hanao toy izany, Tompo. Mba hiverina amin'ny laoniny anie ireo marary.

357 Hianao dia afaka andefa ireo Tànanao amin'ny-ny Teny eto, Tompo, mitovy tamin'ny nataon'ilay zatra mpitendry lokanga tamin'ny lokanga; ho toy izany anie, Tompo ô. Ataovy manatanteraka ny feo marina izy, ny taho fitendrena eo amin'ny tànan'ny Mpahay an'izany, ary dia ho hitantsika Izy mitsangana eto, eo imason'ny rehetra.

358 Fa ny zavatra mety nandalo tamin'ny fisainan'ireo olona, tamin'izany andro izany, raha toa ka tsy sahy nanolotra mihitsy ireo, fa tsy nanana natolotra mihitsy ireo tamin'ilay lokanga tranainy. Tsy nilain'izy ireo izany. Tsy tian'izy ireo hatao an-trano. Fa vao noraisin'ilay olona mahay mitendry tsara an'ilay zava-maneno tamin'ny tànany izany, teo vao namidin'izy ireo ny zavatra rehetra izay nananany, mba hahazoana izany. Nifanditra izy ireo ary nifamaly mba ahazo an'izany. Tamin'io fotoana io dia efa diso tara loatra.

359 Hitovy amin'izany indray andro any, rehefa haneno ny Trompetran'ny Tompo, fa tsy hisy andro intsony. Ireo izay tsy naratsina sy izay nadalaina, izay nitsangana teo anoloan'ny fisokafan'ny sarona, ka nahita ny Tenin'Andriamanitra voaseho. Hiantsoantso ny sasany, hitady ny mba hahazo Azy, kanefa, toy izay efa Nolazainao: "Amin'io fotoana io dia ho diso tara loatra"; efa lasa any amin'ny Fampakaram-bady izy ireo, fa ireo hafa kosa

Ny Finoana, tsy hay hazavaina izany. Zavatra izay inoanareo, ka tena tsy voaozongozona no sady tsy misy zavatra afaka ny hisolo an'izany.

Noho izany, nahafantatra izy ireo fa ny Teny voasoratra ho amin'ny taona izay niainan'ireo, ny taona Mesianika, izay nifanaraka tsara Taminy. Ary inona no zavatra azon'ireo natao? Hiverina any amin'ireo fiangonana mangatsiaka, ara-pombafomba, izay nivoahany ve? Nilaza ireo hoe: «Andeha aiza moa izahay?» Hitanareo? "Izahay dia resy lahatra tanteraka fa Hianao no manana ny Tenin'ny Fiainana". Hitanareo? Ary ireo–ireo dia tsy afaka ny nanazava Azy, kanefa nino Azy foana. Hitanareo?

31 Jesosy niteny an'izany mba hanintsana ny vahoaka-be izay nanaraka Azy, Hitanareo, mba ahafahany manambatra ny Azy. Ary tamin'ireo olona rehetra ireo-ireo... Ny iraika ambin'ny folo tamin'ireo ihany, tamin'io fotoana io, no tena nahafantatra tsara hoe Iza moa Izy. Fantatr'ireo fa Andriamanitra Izy, Ilay Andriamanitra tokana. Ankehitriny…

32 Ny loha-hevitro, izao maraina izao, dia ny hanambara, na ny haneho an'io Andriamanitra io.

33 Hatramin'izay Andriamanitra dia, isaky ny taona nifandimby, niafina foana tao ambadiky ny fisaronana, tamin'ireo taona rehetra, nefa na izany aza dia Andriamanitra ihany Izy. Hitanareo? Nefa nitoetra niafina tamin'izao tontolo izao Izy, fa niseho kosa tamin'ireo olom-boafidiny, ohatra ireo Apostoly, tamin'io fotoana io. Nefa, Andriamanitra no niteny, tao amin'i Kristy.

34 Eny, hatramin'izay ny olona, ao amin'ny toetran'ny olona, nitady ny hahita (azo tsapaina) an'io Andriamanitra io. Nila ny hahita Azy foana izy. Ny olona dia nanao ireo sikotra ho mitovy Aminy. Mieritreritra ireo fa... Ireo Indianina dia nanompo ny masoandro. Ary-ary hitantsika, any Afrika, karazan'endrika biby maro, sy ny sisa. Ary etsy ambony… ny andry totemika any Alaska, ary-ary ireo endrika maro izay, hoy ireo, mampiseho an'io Andriamanitra io. Tahaka izay voalazan'i Paoly, tao Atena, tamin'io kosa, teo amin'ny Areopago; nolazainy fa ireo dia minomino foana an'io Andriamanitra tsy fantany io, izay nahalala ihany fa teo Izy kanefa tsy fantatr'izy ireo.

35 Ary koa, mahita isika, na dia tamin'ny fotoana lavidavitra toy ny tamin'i Joba aza. Fantatr'i Joba ny fisian'Andriamanitra. Fantany Izy. Ary tsy misy olona iray-iray-iray, manana ny lohany rehetra, izay tsy mahafantatra fa tsy maintsy misy Zavatra any ho any. Ary... Noho izany, dia te-hiresaka Taminy Joba.

Ary tiako ny manamarika aminareo hoe endrika manao ahoana no nofidin'Andriamanitra mba hiresahany tamin'i Joba. Voasarona Andriamanitra raha niresaka tamin'i Joba. Niafina tao amin'ny tadio Izy. Nidina tao amin'ny tadio Izy. Mino ve hianareo fa mbola afaka ny ho tonga ao amin'ny tadio Andriamanitra? ...?... [Namaly ny fiangonana: Amen-Mpandika]

36 Betsaka ireo izay mipetraka eto, maromaro hianareo, niaraka taminay

indray andro iny, rehefa niseho tamin'ny alalan'ny tadio Izy. Nolazainy taminay izany indray andro mialoha, Rahalahy Banks Woods sy ireo hafa, rehefa nilaza Izy hoe: "Alaivo io vato io, toray eny amin'ny rivotra ary lazao hoe: 'HOY NY TOMPO! Tsy ho ela dia hahita hianareo.' '' Ary nalaiko ilay vato, teo an-tampon'ny tendrombohitra, natorako teny amin'ny rivotra izany, ary… toy ny rehetra, teo am-pidinana, lasa nanaitra ny tadio izany, hitanareo, ny fitohizan-javatra naterak'izany.

37 Tsy maintsy manao zavatra hianareo, mba hitrangan'ny zavatra hafa mitohy amin'izany. Jesosy dia naka tapa-mofo, ary nozarainy izany, avy eo dia nataony ny fampitomboana avy tamin'ilay tapa-mofo. Nandray ny rano Izy, nampidiriny tao anaty tamara izany. Elia dia nandray sira, nataony tao amin'ny lovia; nanapaka tapa-kazo izy, ka natsipiny tao anaty rano izany. Zavatra natao ho tandindona izany.

Ary raha nalaina ilay vato ka natoraka teny amin'ny rivotra, teo am-pidinana dia niteraka tadio izany.

38 Ny ampitson'iny, teo àry, nisy mpitory teny iray niaraka taminay, tamin'ny fotoana nandehanana nihaza. Teo akaikiko izy, ary hoy izy tamiko hoe: "Manome ireo fahitana ve ny Tompo, amin'ny toeran-kafa, toy izao, ry Rahalahy Branham?"

39 Hoy aho: "Eny, fa matetika aho no tonga aty mba hiala sasatra." Ary tamin'izany fotoana izany, tonga ilay fahitana.

40 Ary Rahalahy Borders, mieritreritra aho fa any ivelany izy amin'izao, niaraka taminay izy. Rahalahy Banks Woods, mino aho, ary, ô, betsaka izy ireo no tany, valo na folo. Ary Rahalahy Banks niandry tsara izany. Teo an-tendrombohitra, teo anilan'ny, marimarina, tokony ho eo amin'ny antsasaka "miles" [0.8 Km Mpandika] ny toerana izay nisehon'ireo Anjely Fito, rehefa niala teto aho tao amin'izany tanjona izany mba handeha ho any, ary koa niverina aho ary niteny aho… Ny momba ireo Tombo-kase Fito. Tokony ho eo amin'ny an-tsasaka "miles" [0.8Km Mpandika] niala teo.

41 Ary koa, ny ampitson'iny, nandritra ny nandalovan'izany zavatra izany, izao izany… Niteny tamin'ny rahalahy aho, tamin'io rahalahy io, hoy aho: "Ny olanao, dia manana aretina tsy fahatantesan-javatra hianao ao amin'ny masonao. Ny mpitsabo niezaka hanala an'izany nandritra ny taona maro, fa tsy nahavita zavatra izy ireo. Niteny izy ireo fa hianao… Hamotika ny masonao izany." Ary nilaza aho: "Fa aza matahotra hianao, ny Tompo Jesosy efa nankasitraka ny finoanao". Ary navelany latsaka ny basiny. Ary niteny aho: "Ny reninao", mitovy tanteraka ny amin'ny momba azy sy ny olana teo aminy.

Ary nilaza izy: "tena marina izany".

42 Rahalahy Roy Roberson, amin'ny fiangonana, eto, teo izy tamin'izany, mino aho fa fantatrareo rehetra izy. Noho ny fahalalako fa miaramila tranainy izy, ary koa ny fahalalako ny zavatra hitranga, nataoko teo an-tsorony ny tànako; nilaza aho: "Ry rahalahy Roberson, mitandrema tsara, miambena

348 Marihonareo, marihonareo izao. Indray andro, tamin'ny fanaovana lavanty iray, nisy nanolotra lokanga tranainy iray. Efa henonareo matetika izany tantarana izany. Ilay lokanga tranainy; ary hoy ilay mpiandraikitra ny lavanty: «Homenareo ohatrinona aho ny amin'ity?» Mety tsy voatantarako tsara araka ny tokony ho izy izany, toy ny tantara. Efa ho, ho taona maro izay, kanefa tonga ato an-tsaiko izany. Noraisin'izy ireo ilay lokanga tranainy, ary tsy dia tena tsara izy; toa nanana endrika malotoloto izany, sy hafa koa. Tsy mba nisy akory sahy nanolotra vidiny. Ny niafarany, mieritreritra aho fa nisy nanome iray dolara ho vidiny, na zavatra tahak'izany.

349 Ary nisy olona iray teo izay tsy nanaiky ny hivarotra an'io tamin'izany vidiny izany, koa dia nanatona izy ka noraisiny ilay izy. Nalefany teo amboniny ny tànany, nandray ny taho fitendrena izany izy, nofafany kely izany ary dia nanao feon-kira izy. Ary, tamin'izany fotoana izany, nitomany ny olona rehetra. Mbola tsy naheno feon-kira toy izany izy ireo tamin'ny fiainany.

Koa dia hoy ilay mpiandraikitra lavanty: "Homenareo ohatrinona aho?

350 "Roa arivo! Dimy arivo! Folo arivo!" Hitanareo? Inona ary izany? Ny tànan'ny mpahay izany no nanambara ny zavatra izay voasarona tao anatin'ilay zava-maneno tranainy.

351 Mitovy amin'izany ankehitriny! Ilay Boky tranainy, efa tonta Izany, natao fihomehezana Izany, nodorana Izany, nanaovana fanaratsiana Izany. Kanefa tonga ny fotoana, nanao lavanty araka ny anaram-piangonana izy ireo, ny Fiombonan'ireo Fiangonana maneran-tàny. Namidin'ireo Izy, tahaka ny tsy nikasika olona izany. Ny lavanty ampahibemason'ny anaram-piangonana no hibahan-toerana.

352 Kanefa, tsarovinareo, any ho any ao anatin'ilay Boky tranainy, dia misy fampanantenana fa indray andro any hisy tànana iray voafidy, voatendrin'Andriamanitra, ho tonga handray Izany ary mba hanao ny Tenin'ity Boky ity, amin'ny alalan'ny fo izay efa voalahatra, ho amin'ny andraikitra izay efa nanaovana azy, -hanambara ireo fampanantenana izay mirakitra ao Anatiny. Mety hanana endrika, ô, toy ny atokon'adala tranainy izany, na zavatra toy izany; kanefa ny zavatra tokana ilaina, dia ny tànan'ilay Mpahay izany, ny Teny eo amboniny, mba hanambara an'io Teny io, ary eo dia lasa mihoatra noho ny adala izany. Zavatra mitranga amintsika izany, ny tsirairay amintsika, tsy izany ve, ry sakaizako? Tsy antokon'olona minomino tsy amin'ny antony. Izany rehetra izany dia miankina amin'ny tànana izay mitazona an'ilay taho fitendrena.

Hivavaka isika.

353 Ry Rainay any an-danitra, ankehitriny, amin'ny finoana, mahita aho ny Mpahay an'ilay Boky tranainy izay natakalon'ireo tamin'ny fombafomba. Natakalon'ireo Izany tamin'ny anaram-piangonana. Niezaka izy ireo nanakalo Izany, amin'izao fotoana izao dia natakolony amin'ny-ny Fiombonan'ireo olona maneran-tàny Izany, ireo fiangonana, toa ho lasa kominista, tsy mino ny

341 Miresaka ny amin'ny Fanambarana aho, izay tsy maintsy Ataony, izay no mikasika an'Izany. Fa ankehitriny, satria voambara koa ny Apokalypsy 10, voaseho ireo zava-miafin'Andriamanitra, nabaribary, tahak'izay efa nampanantenaina tao anatin'ny Boky voa-tomboka Tombo-kase Fito.

Ankehitriny, aoka ny finoanareo Azy, izay Teny... Raha ny marina, ao amin'ny Apokalypsy 10, dia voasoratra…

342 Na marimarina kokoa, ao amin'ny Apokalypsy 19, ny Apokalypsy 10 no voasoratra eto, teo ampandraisana izany; kanefa tsy ny faha-10, fa ny faha-19. Rehefa hiverina Izy, dia hantsoina hoe "Ny Tenin'Andriamanitra", mitaingina soavaly fotsy, ary ireo Mpianany tao an-danitra hanaraka Azy.

343 Potehonareo ny saron'ny fampianaram-piangonana! Potehonareo ny saron'ny fombafombam-piangonana! Potehonareo ireo sarona ireo izay manakona Azy eo imasonareo! Potehonareo ireo saron'ny fireharehana ireo, hianareo, vehivavy. Hianareo dia-hianareo dia zanakavavin'ny Mpanjaka; asehonareo izany amin'ny alalan'ny fitondran-tenanareo, asehonareo izany amin'ny alalan'ny fiainanareo? Potehonareo ny fisaronana rehetra, na inona na inona lazain'ny dokoteran'ny filozofia sy ny dokoteran'ny lalàna. Raha mifanohitra amin'ny Baiboly, vakionareo izany fisaronana izany!

Raha ny marina, tafafindra ao ambadik'ilay fisaronana efa rovitra isika. Ao ambadika isika ankehitriny, ao ambadika. Ary hahita hianareo, raha toa ka manao an'izany, raha potehanareo ireo fombafomba taloha, sy ny sisa, ka manantona Azy hianareo, dia hahita Azy mitsangana eto, Ilay Mpandresy Mahery, ny Teny fampanantenana ho an'izao taona izao, voaseho. Ho hitanareo Ilay Andriamanitra Mahery voaseho, hahita Azy hianareo eo anivontsika, eto, voaseho, Ilay Andriamanitra Mahery, izay tsy mbola resin'ireo fombafomba.

344 Niezaka izy ireo ny hanafina Azy tao ambadika tao; nataon'ireo izany, nandritran'ny taona maro, kanefa nanakaiky ny fotoanan'ny fampanantenana. Nanangana an'i Mosesy Andriamanitra, tamin'ny fotoana iray, ary izy no nanafaka ireo zanaka tamin'ireo zavatra ireo. Ary Izy dia mbola… Tsy mety resy Izy. "Ny Tany sy ny Lanitra ho levona, fa ny Teniko tsy mba ho levona." Izy no tsy miova omaly, anio ary ho mandrakizay.

345 Hoy izy ireo: "Tsy mety ho tanteraka izany zavatra izany". Kanefa nitranga ilay zavatra. Avy teo, taorian'ny nitrangan'izany, nilaza indray izy ireo hoe: « Avy amin'ny devoly izany»

346 Kanefa izany dia tsy manova mihitsy ny Tenin'Andriamanitra. Mijanona ho «Andriamanitra» foana Izany, ho an'ny mpino, «Ilay Mpandresy Mahery, Ilay tsy miova omaly, anio ary mandrakizay », amin'ny Fombany, amin'ny Teniny, Hebreo 13.8.

347 Hilaza izao aho eo am-pamaranana, satria efa amin'ny roa ambin'ny folo latsaka dimy, hilaza an'izao fotsiny aho. Mbola manana eo ho eo amin'ny folo, roa ambin'ny folo pejy aho. Handray an'izany aho amin'ny manaraka, angamba androany hariva.

hianao, misy zavatra izay eo an-dalam-pahatongavana."

43 Niverina tamin'ny toerana izay tokony hisy ahy aho, ary nisy tadio iray izay niforona teny amin'ny rivotra, nilatsaka izany ka namakivaky lava-drano iray, tena vaventy ilay izy ka nahavaky vatolampy, tamin'ny halalina im-balo na im-polon'ny fanondro [20 na 25 cm Mpandika], teo an-tampon-tendrombohitra, ary nazerany ireo vato ireo teo amin'ny roan-jato akiho [183m] niala teo. Naneno in-telo izy, tahak'izao, ary nisy Feo nivoaka avy taminy. Hitanareo?

44 Ary teo izy rehetra. Rahalahy Banks, izay eto amin'izao fotoana izao, tonga tamiko izy ary nilaza: "Izao ve ilay zavatra voalazanao tamiko omaly?"

Namaly aho: "Eny tompoko, izao izany."

Nanontany izy: "Kanefa, inona no zavatra voalazan'Izany?"

45 Nilaza aho: "Izany, izaho ihany no tokony hahalala an'izany, ry Rahalahy Banks, hitanao, satria izany dia… Hampitomany ireo olona izany".

46 Nefa nanaraka ny làlany Izany, zavatra izay nitranga kely fotsiny… izay nifindra nankany avaratra. Kelikely, andro vitsy taty aoriana, nivarina tany amin'ny ranomasim-be izany, ary hitanareo ny zavatra nitranga tamin'ny faritra Fairbanks. Famantarana ny amin'ny fitsarana izany. Ankehitriny mahita isika fa-fa Andriamanitra, ary koa anio… Hitanareo, ho azon-tahotra ireo olona. Koa, noho izany, tsy maintsy ho… zavatra tsy maintsy ho tonga izany, hitanareo. Tsy maintsy ho tonga izany, izay fotsiny. Ireo zavatra izay tsy maintsy ho tonga, dia tsy maintsy tonga na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana. Hitanareo, tsy maintsy ho tonga foana izany.

47 Indray mandeha, naniry ny hahita an'Andriamanitra i Mosesy, ary Andriamanitra niteny taminy mba ho eo amin'ny vatolampy. Ary, teo amin'ny vatolampy, nitsangana teo Mosesy ary nahita an'Andriamanitra nandalo izy, ary ny Lamosiny dia tahaka ny lamosin'olona. Andriamanitra dia tao anatin'ny tadio, ary Andriamanitra... Nandritra ny nitsanganan'i Mosesy teo amin'ny vatolampy.

48 Mino aho fa nahita ny sary hianareo rehetra tamin'iny indray andro iny, nitsangana nanakaiky an'io vatolampy io izahay. Ary nisy Fahazavana, teo, ny Anjelin'ny Tompo, tamin'ilay toerana izay nanenoan'ilay Feo. Teo… Io ilay Izy, eo amin'ilay solaitra-be fanaovana filazana, amin'izao fotoana izao.

49 Marihonareo, Jehovah tao amin'ny Testamenta Taloha dia Jesosy ao amin'ny Testamenta Vaovao. Hitanareo? Izy ihany Ilay Andriamanitra, izay miova endrika fotsiny.

50 Indray andro, teo, dia nisy olona niteny, mpi-mpi-mpitory teny batista iray, tao Tucson: "Ahoana no ilazanareo fa-Jesosy sy Andriamanitra dia Olona iray ihany?"

51 Niteny aho: "Izao fotsiny, tena tsotra indrindra, raha afaka miala amin'ny fisainanao manokana hianao ka mandinika an'izany amin'ireo filazan'ny Baiboly azy. Iray Izy ireo ary Tena iray ihany. Andriamanitra dia Fanahy;

Jesosy, dia vatana izay nanarona Azy. Hitanareo?" Niteny aho hoe: "Ohatra, ao amin'ny tokan-tranoko. Ho an'ny vadiko, dia vadiny aho, ary manana zanaka vavy aho, Rebekah, rainy aho. Ary manana zafi-kely aho, antsoina hoe: Paul, raibeny aho. Izaho dia vady, ray ary raibe. Ny vadiko dia tsy manana zo amiko amin'ny maha-ray ahy, na amin'ny maha-raibe ahy; tsy manana zo amiko izy afa-tsy amin'ny maha-vady ihany. Ary ny zanako vavy dia tsy manana zo amiko amin'ny maha-vady, na koa raibe; izy dia zanako. Hitanareo? Kanefa, ireo olona telo ireo, izy ireo dia olona iray ihany. Hitanareo? Koa, Andriamanitra, ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina, izy ireo dia karazana zo izay mifandraika amin'ny làlam-pamonjena samihafa." Andriamanitra dia tsy miova, Andriamanitra Izy ihany.

52 Namadika ny fisehoany Andriamanitra; miova endrika Izy. Raha mahatsikaritra hianareo, ato amin'ny Filipiana, nilaza Izy: "Tsy nataony ho zavatra nofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny Tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo."

53 Nefa, ny teny Grika, eo, momba ny endrika, nandany andro iray mihitsy aho omaly mba hijery an'izany, mba hahafantatra ny tena dikany, nahita aho, ary ny farany dia tonga tamin'ny teny hoe "fiovam-batana" aho. Izany dia tononina hoe f-i-o-v-a-m-b-a-t-a-n-a. Nitady tamin'ny teny grika aho, mba hahitako hoe inona no mifanaraka tsara amin'ny hoe fiovam-batana… Mety tsy voatoniko amin'ny maha izy azy izany, ka noho izany no nanononako tsirairay ny teny, mba, rehefa mivoaka ny horonam-peo, dia ho fantatr'ireo olona, ireo mpandinika mba hahafantatra ny ti-tiako ambara. Izy, raha ny "fiovam-batana", izany dia midika fa Izy tenany ihany no niova. Izy-Izy dia nidina. Nefa, ny teny grika, eo, midika fa: "Zavatra iray izay tsy afaka ny ho hita, kanefa eo ihany, ary avy eo dia miova izany zavatra izany, ary afaka ny hahita azy ny maso." Hitanareo?

54 Tahaka an'i Elia, tao Dotana, hitanareo, ny-ny mpanompo dia tsy afaka ny nahita ireo Anjely rehetra izay nanodidina, ary Andriamanitra dia nanova fotsiny… Tsy nandatsaka Anjely indray Izy, fa novainy fotsiny ny zavatra izay hitan'ilay mpanompo. Ary teo, feno Anjely ireo tendrombohitra, sy afo, sy ireo soavaly afo, ary ireo kalesy afo, nanodidina ny Mpaminaniny. Hitanareo, izy ireo... Izy no nanova ny zavatra izay hitany. Ny-ny zavatra dia efa teo.

55 Noho izany, izany no zavatra tiako ho lazaina, dia ilay Andriamanitra, izay efa nisy hatramin'izay... eto Izy. Ny zavatra tokana izay nataony rehefa tonga olona Izy, dia ny nanova saron-tava. Hitanareo? Izy-Izy, izany ny fiovam-batana: Izy dia nanova ny Tenany, tamin'ny maha Izy Azy taloha amin'ny maha Izy Azy ankehitriny, na nanolo ny Saron-tavany Izy, asa hafa indray.

56 Ohatra, ao anatin'ny tantara an-tsehatra lehibe iray. Nilaza an'izany aho androany maraina, mba nanao fianarana kely tao amin'izany, Shakespeare. Efa ela izany. Kanefa rehefa nanoratra ny-ny-ny tantara an-tsehatra i

Smith, Knox, rehetra, tafintohina tamin'izany izy ireo.

335 Kanefa inona ny zavatra tokony hatao amin'ny andro farany? "Manambara", inona izany? "Mamokatra!" Inona no tokony hataon'ny Malakia 3? Manala ny olona amin'io vato mahatafintohina io, mamotika ireo fombafomba, ary manambara ny Mofo, amin'ny alalan'ny Voninahitry Shekinah. Jereonareo Izany fa manamasaka sy mamokatra mitovy tanteraka amin'izay efa voalaza fa hovokariny, ô! La la! ny Mofo aseho ho an'izao taona izao. Ho an'ireo anaram-piangonana, vato mahatafintohina izany, "olona efa misy fahavoazana". Fa ho antsika izay mino!

336 Fa ankehitriny, tahaka izay efa nampanantenain'ny Apokalypsy 10, "Ny zava-miafin'Andriamanitra rehatra, izay voafina tao anatin'ireo pejy, nandritra an'ireo taona rehetra ireo, dia ho tonga amin'ny fahamasahana, dia ho voaseho ao amin'ny taonan'ny Hafatry ny anjely faha fito." Tsy marina ve? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.]

Inona ny zavatra izay Nolazainy, iray taona sy enim-bolana izay, efa ho roa taona amin'izao? "Mandehana any Tucson; ho any avaratry Tucson hianao, fipoahana lehibe iray," ary ny zavatra hitranga, "Hosokafana ireo Tombo-kase," ireo Tombo-kase, izay manambara an'ireo zavatra ireo. Niverina aho, mitovy tanteraka tamin'izay Nolazainy.

Midika inona izany? Izany dia maneho fa tsy avy amin'olona Izany. Tena marina izany, tena ao tanteraka, izany foana. Inona àry izany? Tànan'Andriamanitra izany, hitanareo, manoloana antsika. Koa satria ao amin'ny antokon'olona vitsy izany, voafina ao anatin'ny nofon'olombelona, izany dia voafina amin'ireo izay eny ivelany. Miafina Izy amin'ireo izay eny ivelany. Miseho kosa Izy amin'ny zaza madinika, izay vonona ny hianatra. Hitanareo? Marina izany.

337 Ireo rehetra, hitanareo, ireo fanoharan'ny Baiboly rehetra, ireo tandindon'ny Baiboly rehetra, dia samy voaseho eto anoloantsika avokoa. Ilay Andriamanitra tsy miova, ao anatin'ny Andry Afo, Izay nanoratra ny Baiboly, ny Testamenta Taloha ary koa ny Vaovao, dia tena eto, eo ampanehoana an'Izany, mampiseho mazava ny naha-izy an'Izany, ka Izy ihany no mnolotra ny dikan'Izany, ary koa manamarina fa tena fandikana marina izany.

338 "Manana ny fandikana isika!" Raha toa ka izany, dia hojerentsika raha tanteraka ilay zavatra. Hitanareo, izay no izy, hojerentsika raha tanteraka ilay zavatra.

339 Voaseho! Hoy Jesosy: "Raha tsy manao ny asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy" Hitanareo, tsy maintsy voaporofo izany.

340 Kanefa, ankehitriny... Ankehitriny, tsy voaporofo, tahaka ny tamin'i Jesosy, raha nodidinin'izy ireo ny Lohany tamin'ny-tamin'ny tapa-damba ary nokapohin'izy ireo ny Lohany, ka nilaza ireo: «Raha mpaminany Hianao, lazao anay izay nikapoka Anao.» «Ary raha Zanak'Andriamanitra Hianao, hovao ireto mofo ireto. » Hitanareo, izany, dia ny devoly. "Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any an-…"

manambara fa Izy dia olona telo? Hitanareo? Ahoana no ahafahan'ny Voninahitry Shekinah manambara Azy ao amin'ny batisan'ny olona amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka ary ny Fanahy Masina" kanefa tsy nisy na olona iray aza tao anatin'ny Baiboly natao batisa tamin'izany fomba izany? Ahoana no afahan'ny Voninahitry Shekinah mametra Azy ho toy ny apostoly iray, kanefa Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay? Hitanareo?

329 Ny Voninahitry Shekinah no maneho Azy, Izy. Mamokatra ny Teny nampanantenaina Izy, mivantana eo anoloanareo. Noho izany antony izany no tsy maintsy Nanaromany ny tavan'i Mosesy, satria tao aminy no nisy ny Teny. Nanarona an'i Jesosy Izy, tamin'ny endrika Olona tsotra kely, mba hanakanana ny olona tsy ahita an'i Jehovah. Ary voasarona koa Izy ankehitriny, ao anatin'ny ireo siny tany, miaraka amin'ny Shekinah. Aty ivelany, dia toy ny antokon'olona misy fahavoazana izany, ireo hodi-biby taloha, fa ao anatiny kosa no miafina ny Voninahitry Shekinah.

Izy no nanamasaka ny Mofo aseho izay ankafizintsika, ary izay anaovantsika aman-jatony kilometatra amin'ny fiara, avy amin'ny ilany ka hatramin'ny faran'ny firenena. Hitanareo? Izany dia sakafon'ireo mpino. Izany dia natokana ho an'ny mpino irery ihany. Tsarovinareo, ny Mofo aseho dia natokana ho an'ny mpino irery ihany, ireo ihany, hitanareo, ny Voa-Mofo aseho. Marionareo. Inona no ataony? Io Voninahitry Shekinah eo ambonin'ilay Mofo aseho, Io no nanakana Izany mba tsy ho lò.

330 Tsarovinareo, ny mana izay latsaka avy tany an-danitra, voatahiry izany teo amin'ny Voninahitry Shekinah nandritry ny taranaka nifandimby. Fa ivelan'izany, nisy holitra niditra tao anatiny mandritra ny alina, ka lò ilay izy. Tsy marina ve? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.]

331 Ivelan'ny Voninahitry Shekinah, "ny andron'ny fahagagana dia efa lasa. Hitanareo, izany rehetra izany, dia fahadalana" Fa ny ao anatiny kosa…

332 Jereo fa, nisy nahita voan'ny "tournesol" tao anatin'ny fitehirizam-bokatra tao Egypta, tavela tao ireo tamin'ny andron'i Josefa, efa ho efatra arivo taona lasa. Josefa no nametraka ireo tao an-tsopitra. Nambolena indray ireo. Ary dia velona. Nahoana? Nisy aina tao anatiny.

333 Io Voninahitry Shekinah io ankehitriny, inona izany? Ny fidirana ao ambadiky ny fisaronana, ahitana hoe Iza Andriamanitra, eo anoloanareo, ahita hoe Izy Andriamanitra, eto anoloantsika, ny-ny Andry Afo. Voafina ao anatin'ny nofon'olombelona Izy. Fa inona no ataon'ny Shekinah, inona no nataony? Ny Voa-Mofo aseho, ny Teny, izay tsy maintsy hohanintsika amin'izao andro izao, amin'ny alalan'ireo fampanantenana, ny Voninahitry Shekinah izay manamasaka an'io Mofo aseho io, izay miteraka ny fatanterahany, izay manao ny Mofo ho an'ny mpino; izay teo, ao anatin'ireo pejin'ny Baiboly, taona maro nifandimby, ny Teny ho an'izao taona izao.

334 Ireo anaram-piangonana, ho an'ireo, dia vato mahatafintohina Izany. Ireo anaram-piangonana, tafintohina ny amin'Izany izy ireo. Nandritr'ireo taona rehetra ireo, Luther, Wesley, Martin Luther, sy ny rehetra, Santé, Finney, John

Shakespeare, ny… Ho an'ny Jacques mpanjakan'ny Angletera, raha izy… Ny olona nandray anjara tamin'ny Macbeth. Hitanareo, tsy nino ny amin'ny mpamosavy i Shakspeare; kanefa tao amin'ny tantara, satria ny mpanjaka, izy, nino ny mpamosavy izy, noho izany dia tsy maintsy nampidiriny tao amin'izany ireo mpamosavy. Hitanareo? Ary, eny, noho izany, novain'izy ireo ny fitsinjarana ireo asa.

57 Becky, izay eto, tao amin'ny Carmen, nilalao an'izany ireo tao-tao an-tsekoly izay vao nakany ny mari-pahaizany, efa ho herinandro maromaro izay. Teo, ny olona iray dia afaka naka andraikitry ny olona roa na telo. Noho izany, ma-manova saron-tava izy. Indraindray, mivoaka izy, karazan'olona iray nisehoany; ary manaraka avy eo, rehefa mivoaka indray izy, dia lasa endrik'olona hafa indray. Kanefa olona iray ihany tamin'ny fotoana rehetra.

58 Tahak'izany ny amin'Andriamanitra. Nanova ny Tenany Izy, avy ta-tamin'ny Andry Afo, mba ho tonga Olona iray. Manaraka, avy teo dia niova endrika indray Izy, niverina ho Fanahy indray Izy, mba hahafahany monina ao anatin'ny olona. Andriamanitra, miasa ao anatin'ny olona, maneho ny tena maha-Izy Azy. Jesosy Kristy, dia Andriamanitra niasa tao anatin'ny Olona, tao anatin'ny Olona iray. Tao anatin'ny Olona iray, izany no maha Izy Azy. Avy tao amin'ny Andry Afo, dia niova endrika Izy, ary dia niditra tao Izy; ary izany, dia fisaronana iray tany an'efitra, izay nahatonga an'Andramanitra ho takona tamin'ny Isiraely. Mosesy dia nahita ny endriky ny Vatany, kanefa raha ny tena marina, niafina foana tao ambadik'io Andry Afo io Izy, izay Fiandohana [Logos-Mpandika] nivoaka avy tamin'Andrimanitra.

59 Ankehitriny dia hitantsika eto fa nanomboka tamin'ny Pentekosta, ankehitriny, Andriamanitra dia tsy miasa ao amin'ny olona intsony, na miasa… ankehitriny dia miasa amin'ny alalan'ny olona Izy. Hitanareo? Taloha niasa tao anatin'ny Olona iray Izy, Jesosy. Ankehitriny dia miasa amin'ny alalan'ireo olona izay nofidiany ho amin'izany tanjona izany Izy. Andriamanitra tahaka ny endriky ny olona; nanova ny Tenany Izy, avy tamin'ny endriky ny-ny… Andriamanitra, ho amin'ny endrik'olona.

60 Tao ambanin'ireo anarana telo no nahatongavany, tamin'ny anarana Zanaka in-telo. Tonga Izy tamin'ny anaran'ny Zanaka… ny anaran'ny-ny Zanak'olona, amin'ny Zanak'i Davida, ary amin'ny Zanak'Andriamanitra; anarana telo amin'ny Zanaka.

61 Nefa, tonga aloha Izy tao amin'ny Zanak'i Da- … Zanak'Olona, satria Mpaminany Izy. Nefa, Jehovah Tenany mihitsy no niantso an'i Ezekiela sy ireo mpaminany, "zanak'olona, inona no hitanao?" Mbola tsy niteny mihitsy Jesosy fa Izy no Zanak'i Davida; nilaza Izy fa Izy no Zanak'olona, satria ireo-ireo Soratra dia tsy azo foanana.

Tsy misy singany amin'ireo Soratra mety ho foana. Ny Teny tsirairay dia tokony ho toy izany ihany. Toy izany no finoako an'Izany. Toy izany no tokony ho izy, tsy hoe satria izany dia hinoako, fa satria Izany no Tenin'Andriamanitra.

62 Ankehitriny, raha mahatsikaritra hianareo, tamin'ny fiandohana, Teny iray, ao amin'ny pejy voalohany ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny Genesisy 1, hitantsika fa ny rehetra… Ireo aretina rehetra, ireo tebiteby rehetra, ireo alahelo rehetra, ary ny zavatra izay mbola tsy tonga tamin'ny olombelona, dia tonga satria olona iray no tsy nino ny amin'ny Teny iray, izany no nahatonga izao zavatra rehetra izao. Izany, dia ao amin'ny voalohan'ny Baiboly. Amin'ny farany ao amin'ny Baiboly, Apokalypsy 22, io Andriamanitra io ihany no nilaza: "Na iza na iza manaisotra ny iray amin'ny Teny amin'Ity, na manampy teny iray amin'Ity". Hitanareo, tsy maintsy Teny eo amin'ny Teny, tahaka ny maha-Izy an'Izany.

63 Koa, noho izany, ary raisonareo fotsiny, ohatra, ny zavatra kely izay izaho… nisy olona nanao fanamarihana tsy ankijanona tamiko, momba ny vehivavy, ny amin'ny fanapahany ny volony. Nefa, raha amiko manokana, raha mbola manao an'izany izy, amiko na dia tahaka ny ahoana aza ny fahamasinany eo amin'ny fitondran-tenany, ary ny fahalalana rehetra izay mety ananany, meloka foana izy. Manao pataloha fohy izy sy ireo akanjo mitovitovy amin'izany; na toy inona na toy inona ny zavatra ataony amiko, na toy inona no fahafahany mihira, na tahaka ny afaka mitory teny tsara izy, ny zavatra rehetra izay azony atao, ary na inona na inona fomba fiainana izay afaka ho entiny, mijanona ho voadika foana ny Teny. Hitanareo? Hitanareo, fa tsy maintsy ny Teny tsirairay. Tsy hoe fehezan-teny, fa Teny iray, Teny iray monja! Noho izany, ny Baiboly dia tsy mila fandikana manokana. Fa tsy maintsy Teny eo amin'ny Teny, tahaka ny nanoratana Azy. Tokony hino Azy isika.

64 Ary tsy hoe mino Azy fotsiny, fa miaina Aminy mihitsy. Raha tsy hivelomantsika Izany, dia tsy mino Azy isika, milaza isika fa mino Azy, dia izay. Tahaka ahy… Raha miankina amin'izay zavatra noteneniko, ny hoe tsy nahay nanazava Azy ireo mpianatra ireo, kanefa nino Azy fotsiny ireo; ka nanao fanekem-pinoana, ary nivelona nifanaraka tamin'izany. Raha vao nanalavitra Azy ny hafa rehetra, izy ireo, nijanona teo Aminy ireo! Nino Azy ireo! Izany koa no ataontsika. Izany no tokony ataonareo. Na inona na inona zavatra mety ataon'ny hafa, mino Azy isika, ary avy eo isika dia mifanaraka amin'Izany. Fa raha tsy mifanaraka amin'Izany hianareo, dia tsy mino Azy hianareo.

65 Ankehitriny marihonareo, eo, fony tonga Izy, dia tsy maintsy tonga tamin'ny maha-Zanak'olona, satria ny Soratra Masina dia milaza fa hanao an'izany Izy, fa "Andriamanitra dia hanangana Mpaminany ho an'ireo". Noho izany, tsy afaka ny ho tonga Izy ka hilaza hoe Zanak'Andriamanitra, satria tsy vanim-potoana ho amin'izany no nisy teo. Zanak'olona Izy tamin'izany, izay naminany, mba hanatanteraka, ary nanambara tamin'ireo ny zavatra rehetra izay efa tanteraka sy naneho tamin'ny endrika ny maha-Izy Azy. Tamin'izany fotoana izany, teto an-tàny Izy amin'ny maha-Zanak'olona Azy.

66 Jereonareo ilay vehivavy Syro-Foinika izay nihazakazaka nanatona Azy, niantso izy: "Ry Zanak'i Davida ô, mamindra fo amiko!" Tsy mba

tandindona rehetra dia tsy maintsy tanteraka. Ary Andriamanitra Izy Tenany mihitsy no niseho tamin'ny endrika olombelona, tamin'ny voan'i Abrahama ara-nofo, talohan'ny fandringanana; ary Jesosy nilaza fa mitovy tamin'izany ny an'ny Voa-mpanjaka mialoha ny fiverenan'ny Zanaka nampanantenaina.

323 Marionareo, ny sarona taloha izay nanarona ny Voninahitra. Ireo hodi-biby taloha, ny endriny dia tsy nisy mate-ho tia; ny Nofony ihany koa. Izany no nahatonga ny olona nilaza hoe: "Karazan'Olona vohoka, tahaka an'io ve?" Tokony telo-polo taona teo Izy, ny volony fotsy, ary ny volom-bavany koa, tsy nisy zavatra nahasintona ny fijerin'ny olona Taminy. Ny Baiboly dia milaza fa: "Raha nijery Azy isika, dia tsy nisy hatsaran-tarehy haniriantsika Azy." Tsy nanana endrika Mpanjaka Izy, ilay hodi-biby taloha, kanefa, ô, ny zavatra tao anatin'izany!

324 Ary andian'olona vitsivitsy "misy fahavoazana", miaraka mipetraka amin'ny toerana feno hafanana tahak'izao; toy izany no fiantsoan'ny olona azy ireo, tsy dia misy zavatra mahafinaritra ao amin'ny endriny, fa ny zavatra misy ao anaty! Azoko antoka fa takona amin'ny fo maro izany, hitanareo. Hitanareo? Eny.

325 Aty ivelany, tsy nisy n'inona n'inona, fa ny zavatra rehetra dia tao anaty. Raha vao tafiditra ao anaty hianareo, eo hianareo vao tena mahita Azy. Ahoana no hidiranareo Ao? Amin'ny fandraisan-tànana, amin'ny maha-pikambana? Tsia. Teraka Ao hianareo. Amin'ny fahafatesana, amin'ny hanesoranareo ny hodi-bibinareo taloha, hitanareo, ny izaho-zaho-nareo taloha, mba hiditra ao amin'ny vaovao. Hitanareo? Fialana amin'ny hodi-biby taloha.

326 Ny Fahazavan'ny Shekinah dia tsy… Henoinareo, ry mpitoriteny! Ry mpitoriteny, tiako mba henoinareo Izao. Raha vao tafiditra indray ao anatiny… Ankehitriny tsy handeha haingana mihitsy aho, eto, mba ho azoko antoka fa voarainareo Izany. Raha vao tafiditra ao anatin'ilay sarona, eo ambanin'ny Voninahitry Shekinah, ny Fahazavan'ny Shekinah dia tsy mandray ny Tenin'Andriamanitra ka manambara fa Jesosy dia "mpilaza angano", tsia, toy izay ataon'ny anaram-piangonana ankehitriny, "Eritreritra mifanojo, lasa adala, Belzeboba." Tsy izany no ambaran'ny Voninahitry ny Shekinah mikasika Azy.

327 Fa ny Voninahitry Shekinah dia manamasaka ny Voa izay nampanantenaina ho an'ny ora, ny Teny, manambara fa Izy dia mbola Lisin'ny Lohasaha. Izy no maneho an'io Voa io, ny Lisin'ny Lohasaha, ny Mofon'aina, ny Alfa sy Omega, ny tsy miova omaly, anio ary ho mandrakizay. Izy no ampahany amin'ny mpino. Ny Voninahitry Shekinah manambara amin'ny mpino fa Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay.

328 Tsy hoe: "Ireo andro ireo, Izy, efa lasa ny amin'izany, maty Izy, ary dia vita." Noho izany, ry sakaizako, raha mino izany hianareo, raha mino izany hianareo, dia tsy mbola tafiditra akory tamin'ny fifandraisana amin'ny Voninahitry Shekinah. Ahoana no ahafahan'ny Voninahitry Shekinah

romana ary nantsoin'ireo ho fetin'ny andriamanitra masoandro izany, ary avy eo dia nolazainy izany fa fetin'ny Zanak'Andriamanitra. Tsia, tsia. Izy dia Zanak'Andriamanitra. Nifanaraka tamin'ny zava-boary rehetra ny Fitsingerenan'ny Taonany. Tena marina.

Ankehitriny marihonareo koa zavatra hafa iray, mitohy ihany isika; fotoana kely sisa no tavela.

318 Ankehitriny, mba hahatongavana amin'ny fahatanterahana. Taorian'ny niforonan'ilay taho; taorian'ny niforonan'ilay sampana; taorianan'ny niforonan'ilay voany teo amin'ilay sampanana farany; tsy maintsy tonga avy eo amin'ny fahatanterahana izany, maka indray ny endriky ny voa tena izy.

Ary, tsarovinareo, tokony hiray amin'ny zavatra hafa ilay voa. Hitanareo? Raha tsy izany dia tsy ho velona izy. Hitanareo? Ny zavatra rehetra izay tsy nikambana tamin'ireo hafatra ireo dia tsy ho tonga mihitsy amin'ny Fiainana. Tsy maintsy misy firaisan'aina, mba hahafahana miova amin'Izany. Kanefa, tsarovinareo, io Aina io izay tao anatin'ny taho no tao anatin'ny voany. Eo andàlana fahamasahana indray izany, hitanareo. Niseho Izy amin'ny maha (inona?) Zanak'olona, ilay voa izay natao tao amin'ny tany. Azonareo ve ny Hafatra? [Namaly ny fiangonana hoe: "Amena"-Mpandika.]

Hoy ny Grika Taminy: "Ta-hahita an'i Jesosy izahay."

319 Hoy Izy: "Raha tsy latsaka amin'ny tàny ny voa-katsaka" Hitanareo? Eny àry.

320 Ankehitriny, toy inona no Nisehoany avy teo? Amin'ny endrika isan-karazany; ny taho, ny sampana, ary ny sisa, ireo raviny rehetra, sy hafa koa. Avy teo niseho Izy ho toy ny (inona?) Fanahy iray ihany, fa tamin'ny endrika tsy mitovy. Hitanareo? Kanefa inona no hiafaran'io katsaka io? Mandray ny endriky ny voa voalohany izy. Tsy marina ve? [Namaly ny fiangonana "Amena" –Mpandika.]

321 Ary ny Asany dia nandalo tamin'ireo fanamboarana, mba hamerenana indray ny endriky ny Teny voalohany. Ny Teny dia tonga amin'ny mpaminany. Ary efa nampanantena an'izany Izy, ao amin'ny Malakia 3: "Ary, hamerina ny finoan'ny olona amin'ny fetran'ny voa voalohany." Izay natao tao anatin'ny tany, izany no hita eto, mitovy izany. Ny voa dia nandalo tamin'io fetra isan-karazany io. Niseho Izy tamin'ny maha Zanak'Andriamanitra, ankehitriny miseho Izy eto amin'ny maha Zanak'olona, ary avy eo miseho Izy amin'ny maha Zanak'i Davida, eo amin'ny Seza Fiandrianana. Hitanareo, ireo zanaka telo, dia tena mipetraka tsara. Ô! La la! Toy ny tamin'ny voalohany indray!

322 Ankehitriny, ny fetran'asa tanteraka, an'Izy tenany; tsy olona, tsy ny anaram-piangonana, izay nanana ny asany tamin'ny taonany, teo, hitanareo; fa fisehoan'Izy Tenany mihitsy; miseho Izy araka ny fampanantenana, manamarina ny fahamarinan'ny Lioka 17.28, Malakia 3, sy ny sisa, Hebreo 13.8. Izany fotoana izany, dia ho fotoana misy inona? Izay hiandrasan'ny Voa-mpanjaka an'i Abrahama ny Zanaka nampanantenaina. Ary ny

nanandratra ny lohany akory Izy. Tsy manana zo Taminy ravehivavy ny amin'ny maha zanak'i Davida Azy. Vehivavy jentilisa izy. Tahaka ny zanako vavy dia tsy manana zo amiko amin'ny maha vady; na vadiko, fa toy ny zanaka. Izy anefa dia zanako vavy foana ary ny vadiko, zanako vavy izy ao amin'ny Filazantsara, kanefa, raha ety an-tàny, tsy manana zo mihitsy izy ny hiantso ahy ho-ho rainy. Hitanareo?

Ankehitriny marihonareo, ity vehivavy jentilisa ity, tsy nanana zo Taminy ny amin'ny maha Zanak'i Davida Azy izy. Fa Bartimeo jamba kosa, izy, eny, hitanareo, Jiosy izy. Noho izany, tonga Izy amin'ny maha Zanak'Olona Azy.

67 Tokony ho fantatrareo ireo teny ireo sy ireo zavatra ireo. Jereonareo Hattie Wright, tamin'izany fotoana izany, rehefa nisy ny Fisintonana Fahatelo. Tadidinareo izany. Ny amin'ny zavatra rehetra mety ho teneniny, io vehivavy io dia niteny ilay zavatra marina. Hianareo dia Tokony hilaza an'io teny marina io, ilay zavatra marina, amin'Andriamanitra.

68 Marihonareo, noho izany, tonga aloha Izy amin'ny maha-Mpaminany Azy, ary nohomboin'ireo Izy. Ireo Azy no nanombo Azy. Tonga Izy tamin'ny maha Zanak'Olona Azy.

69 Manaraka izany, taorian'ny fahatongavan'ny Fanahy Masina, teo Izy dia

Zanak'Andriamanitra. Andriamanitra dia Fanahy. Izy no ilay Fanahy Masina, ilay Zanak'Andriamanitra. Namakivaky ny taom-piangonana Izy tamin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy.

70 Ankehitriny, ao amin'ny fanjakana arivo taona, dia ho lasa Zanak'i Davida Izy, mipetraka eo ambonin'ny Seza Fiandrianan'i Davida rainy. Izy no Zanak'i Davida.

71 Ankehitriny, ary tadidionareo, fa eo anelanelan'ny Zanak'Andriamanitra… Ao amin'ny taonan'ny fiangonana Laodikia, navoakan'izy ireo any ivelany Izy. Ary, ao amin'ny Lioka, nilaza Izy fa hiverina indray amin'ny maha Zanak'olona Azy, ny Mpaminany, mba hanatanteraka ny zavatra izay sisa tavela. Hitanareo? Mifanaraka tsara ireo Soratra. Zanak'Olona, Zanak'Andriamanitra, Zanak'i Davida. Inona àry ireo. Izany dia Andriamanitra tsy miova nandritra ny fotoana rehetra, niova endrika fotsiny Izy, fiovam-batana. Nanao an'izany fiovana izany fotsiny Izy. Fa Aminy, dia tantara an-tsehatra lehibe iray io, ary Izy no milalao ao.

72 Tonga Izy tamin'ny maha Zanak'Olona Azy, ny Mpaminany. Izany mihitsy no nataony. Na dia ilay vehivavy izay tao anatin'ny fahotany rehetra aza, teo, teo amin'ny fatsakana, dia nahalala Azy. Nilaza izy hoe: "Fantatray fa tsy maintsy ho tonga ny Mesia, Izay antsoina hoe Kristy, ary hanao izao zavatra izao Izy." Hitanareo, nahalala izy, satria Voa voafidy izy. Koa izy…

Kanefa ireo sasany, tsy nahalala Azy. Tsy nisy zavatra tao anatin'ireo mba halalany. Izy ireo dia tao anatin'ny fahotana hatramin'ny voalohany.

73 Tamin'ny-tamin'Ireo asany, niova endrika Izy. Avy teo dia, tonga Izy

tamin'ny endrika Zanak'olona.

Tamin'ny taonan'ireo mpamerina amin'ny laoniny [Réformateurs-Mpandika], Wesley, Luther, ary nandritra izany; avy eo dia hitantsika fa nafangaron'ireo ny zavatra rehetra, tsy misy hafa tamin'ny zavatra izay nataon'ireo Isiraelita ireo, ka noho izany, rehefa niseho teo aminy Izy, amin'ny andro farany, tamin'ny taonan'ny pentekotista, amin'ny maha Fanahy Masina Azy, nolavin'ireo Izy. Nanao zavatra mitovy toy izay efa nataon'ny Isiraely izy ireo.

Ary ankehitriny, inona àry no ataony? Miverina indray Izy amin'ny maha Zanak'Olona Azy. Ary avy eo, miala eo ho amin'ny maha Zanak'i Davida Azy. Hitanareo ve fa efa tena manakaiky an'izany isika? Zanak'Olona, Zanak'i Davida, Zanak'Andriamanitra. Miseho Izy, amin'izao andro farany izao, amin'ny maha Zanak'Olona Azy, araky ny Malakia 4 [Malakia: 3:23-24 amin'ny Baiboly malagasy-Mpandika], ary ny amin'ireo faminaniana rehetra izay mifanaraka tsara amin'izao ora farany izao. Ary tsy hifampiraharaha amin'ny fiangonana intsony Izy, taorian'Izy… navoakan'izy ireo ivelan'ny varavarana Izy; any ivelany Izy, mandondona eo am-baravarana Izy. Mbola misy an'ireo voa voafidy ao anatin'izany. Tsy maintsy mahazo an'ireo Izy.

74 Andriamanitra, dia nirotsaka tao anatin'ny olona. Ao amin'ny Joela 2.28; hitantsika fa nilaza Izy hoe: «Handatsaka ny Fanahiko Aho, amin'ny andro farany». Ankehitriny, raha voamarikareo ny teny, eo, ny teny grika. Mety ho diso aho, kanefa izay hitako dia…

75 Tokony hitandrina tsara amin'ireo teny. Amin'ny Anglisy, matetika, misy dikany roa. Ohatra, ny teny izay lazaintsika: "andriamanitra". Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany, Genesisy 1. Kanefa, eny, ao amin'ny Baiboly, dia voalaza: "Tamin'ny voalohany, Elohim." Nefa, Elohim, amin'ny teny anglisy, dia atao hoe "god" [amin'ny teny frantsay, dieu-Mpandika], nefa raha ny tena marina, Elohim, dia tsy izany akory. N'inona n'inona dia mety atao ho andriamanitra, raha raisina ny teny hoe andriamanitra; azo antsoina hoe andriamanitra ny sampy; azo antsoina hoe andriamanitra io zava-maneno io; azo atao hoe andriamanitra n'inona n'inona.

76 Kanefa tsy mety atao izany rehefa mikasika ny teny hoe Elohim. Izany dia midika: "Ilay miforona amin'ny alalan'ny tenany ihany" Hitanareo? Io zava-maneno io dia tsy afaka hiforona amin'ny alalan'ny tenany ihany, ary ny zavatra hafa rehetra dia tsy afaky ny hisy amin'ny alalan'ny tenany ihany. Noho izany, ny teny Elohim dia midika: "Ilay efa nisy foana hatr'izay". Andriamanitra, izany dia mety hilazana n'inona n'inona. Hitanareo ny maha-hafa an'io teny io? [Namaly ny fingonana: "Amena" – Mpandika].

77 Nefa, raha milaza, eto, fa nirotsaka Izy, na niparitaka, ankehitriny, isika, mety ho tonga ao amin'izao fisainana izao, fa hoe "nandoa" Izy, - Ny teny anglisy emptied [amin'ny teny frantsay, déversé-Mpandika, amin'ny teny Malagasy –mirotsaka-Mpandika], -na hoe naparitany ny zavatra izay avy tao Aminy, hitanareo, ny hoe zavatra hafa izay tsy mitovy Aminy no nivoaka avy

Izany, dia Luther. Taho izany. Tsara izany.

Nitombo ny taho ary, tampoka teo, dia nanome sampana izy. Hitanareo, izany, dia fifohazan'ny wesleyana; tsy nitovy tamin'ilay iray.

Avy teo, nisy koa ny fifohazana pantekotista, hitanareo, izay niteraka ny batisan'ny Fanahy Masina. Tsara izany.

Inona no zavatra nitranga? Nisy holatra teo amin'ny taho. Nanomboka nisy tsininy ny fiseho ivelany. Ity zavatra ity, iry zavatra iry, toa dia tsy mitovy amin'ny Teny, tsy mitovy amin'ny Teny hafa rehetra. Toa tsy mitovy tamin'ny Voa voalohany izay natao tao amin'ny tany.

314 Kanefa mbola eo Andriamanitra mba hamokatra an'izany-izany na dia izany aza. Marihonareo, inona no zavatra miseho? Miafara amin'ny fahazoany indray mandeha ny endriky ny Voa voalohany. Fa tonga Andriamanitra tamin'ny endrika Martin Luther, tonga koa Izy tamin'ny endrika John Wesley, tonga koa Izy tamin'ny endrika Pantekoty, tsy maintsy miseho indray Izy, mitovy tamin'ilay voa izay natao tao amin'ny tany, ny Zanak'olona. Niseho Izy tamin'ny maha Zanak'Andriamanitra, tamin'ny taonan'ny taho, sy ireo hafa, fa amin'izao taona farany izao, tsy maintsy miseho indray Izy amin'ny maha-Zanak'olona. Azonareo ve? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.] Tena tsara. Tahaka ny tamin'ny voalohany, nomena endrika.

315 Ary inona no mitsiry amin'ny faran'ny taho? Misy fitomboana mitohy. Mitsiry ny taho kely, kanefa mbola tsy mitovy tamin'ny voa voalohany izany. Ny hafatr'i Luther koa, tsia, ireo-ireo hafatra hafa dia tonga, Finney, Sankey, Knox, Calvin, sy ny sisa, tsy nisy tamin'ireo. Na izany aza dia hafatra izy ireo, fa ny zavatra nisy, dia tsy nahazo ny Fanambarana feno izy ireo tamin'Izany, satria mbola tsy tonga ny fotoana. Tsy afaka hametraka ny tahony eo amin'ny katsaka hianareo, raha mbola tsy tonga ny fotoanan'izany. Hitanareo? Avy eo, amin'ny farany, ny Voa voalohany izay natao tao anatin'ny tany dia miverina indray.

316 Hitanareo, Andriamanitra dia miasa mifanaraka tanteraka amin'ny zava-boary. Hitanareo, teraka zanak'ondry Izy, izany no nahatonga Azy teraka tao anatin'ny vala. Ireo zanak'ondry, dia tsy teraka eo ambonin'ny farafara. Hitanareo, notarihana teo Kalvary Izy. Ny zanak'ondry, ireo ondry, tarihana ireo. Marina izany. Ireo osy dia mitarika an'ireo any amin'ny famonoana, fantatrareo izany, amin'ny toerana famonoana biby. Osy no mitarika azy ireo, fa tsy maintsy tarihina izy ireo. Ah! Marina izany. Noho izany, nentina teo amin'ny famonoana Izy, hitanareo, satria Zanak'ondry.

317 Ny zavatra rehetra amin'ny zava-boary dia nanambara Azy. Izany no nahatonga Azy teraka tamin'ny volana marsa na avrila, fa tsy tamin'ny desambra; tsy afaka nanao izany Izy, misy indroa-polon'ny tongotra [6 metatra-Mpandika.] ny orapanala any, amin'io vanim-potoana-amin'ny taona. Tsy andriamanitra masoandro mihitsy Izy, fa Zanak'Andriamanitra. Hitanareo? Ny andriamanitra masoandron'ny romana, ny amin'ny faha dimy amby roa-polo desambra, rehefa tonga amin'ny faritra iray ny fihodinan'ny masoandro, eo, lasa izy ireo eny amin'ny toerana manokana filalaovan'ny

Shekinah io izay vokatry ny fahamasahan'ity Teny ity, izay mino Izany. Amena! Ora mahafinaritra manao ahoana izao hivelomantsika izao! Hitanareo, ny Shekinah dia teo amin'ny Teny, ary teo ambaniny, dia nisy ny Mofo. Ary nisy ny Rà, voafafy, izay manome rano an'Izany. Ny Fanahy no manome aina ny Teny. Ary…

Firy no namaky, nihaino ny horonam-peo ny amin'ny Fitsarana? Betsaka aminareo, mino aho. Hitanareo, eo, tsy maintsy…

Ity Teny ity dia tokony mitombo. Mba hahafahana mitombo, dia tokony ao anatin'ny tany tsara Izany. Hitanareo? Ary, mampanantena Andriamanitra, rehefa mahakasika ny fo izany, dia tsy mety ho diso.

308 Roapolo amby zato taona no niandrasan'i Noa. Niandry dimy amby roapolo taona i Abraham tamin'ny fahatongavan'ny zaza. Efa niteny taminy Andriamanitra, ka dia efa vita izany. Hitanareo? Inona izany? Ny Teny dia teo, voatondraka tamin'ny alalan'ny finoana, ny finoana an'Izany, no niteraka ny vokatra. Izany no niteraka zanaka; izany no niteraka orana; izany no niteraka safo-drano; izany no nahatonga virijina iray ho nanan'anaka.

309 Nisy mpaminany nilaza: "Hanana anaka ny virijina." Tsy misy fisalasalana fa efa nanomana ankanjon-jaza ny tanora vehivavy rehetra. Eny àry, io mpaminany Isaia io; dia mpaminany voambara, nohamarinin'Andriamanitra. Ary ny Tompo nilaza: "Hanana anaka ny virijina. Homeko famantarana mahagaga ireo, famantarana lehibe: hanana anaka ny virijina"

310 Teo, ireo olona rehetra ireo, ireo mpino, izy ireo dia tena tahaka anareo koa. Naheno an'io mpaminany io nilaza izany izy ireo, koa ny tovovavy rehetra... Nilaza ireo lehilahy rehetra: "Zanako vavy izany. Azo antoka." Ny rehetra, samy nandeha nividy kiraron-jazakely, ary lamban-jaza, sy hafa koa, niomana izy ireo, satria nahalala fa hahazo an'io zazakely io izy. Lasa àry izany taranaka izany, ary nanontany tena ireo: "Io mpaminany voambara io, nohamarinin'Andriamanitra, nahoana no nahafahany nilaza zavatra diso? Tsy maintsy tahaka izany foana!"

311 Tonga anefa izany valon-jato taona taty aoriana, ka niteraka zaza izy. "Ny tany sy ny lanitra ho levona, fa ny Teniko tsy mba ho levona."

312 "Ary ho tonga izy, amin'ny andro farany," hoy Andriamanitra. Hitanareo, eo isika izao, ny-ny Fahazavana eo amin'ny Teny. Mitovy amin'ny fahazavan'ny masoandro manova ny voa, avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra, isika koa dia efa lasa, isika dia lasa miha-manam-pitoviana Aminy foana, raha mbola mivelona ao amin'ny Fanatrehany isika; manam-pitoviana Aminy, tonga mifanaraka tsara amin'ny Endriny voatahy, raha mbola miara-mandeha Aminy isika.

313 Dinihonareo ny ataon'ny masoandro. Mamboly voa hianareo, inona ny zavatra miseho? Lò ilay voa. Ao anatin'ilay voa, dia misy aina. Mivoaka ny aina, ary manome taho izy. Nefa, mbola tsy mitovy tamin'ilay nisy azy voalohany izy.

tao Aminy. Kanefa ny teny kenos, amin'ny grika, tsy azo lazaina fa "nandoa" Izy, na zavatra… Niala ny tànany, na niala ny masony, lasa olona hafa.

78 Izany hoe nanova ny Tenany Izy, Izy no "Niparitaka tao amin'ny" (Amena!), ao anatin'ny saron-tava hafa, ao anatin'ny endrika hafa. Tsy hoe olona hafa, antsoina hoe Fanahy Masina, no nivoaka avy tao Aminy, fa Izy Tenany mihitsy. Azonareo ve? [Namaly ny fiangonana, "Amena"-Mpandika]. Izy Tenany mihitsy no niparitaka tao anatin'ny olona. "Kristy ao anatinareo!" Tena tsara be izany, sady mahafinaritra, ny mieritreritra fa Andriamanitra Izy Tenany no niparitaka ao anatin'ny olona, ao anatin'ny mpino. "Miparitaka!" Izany dia mbola an'isan'ny fampisehoana nataony, ny fanaovana an'izany.

Andriamanitra, ny fahafenoana rehetra, ny maha-Andriamanitra an'Andriamanitra ara-batana rehetra dia nipetraka tao anatin'io Olona io, Jesosy Kristy. Andriamanitra Izy, Andriamanitra tokana. Tsy olona fahatelo iray, na olona faharoa iray, na olona voalohany iray, fa ilay Olona, Andriamanitra voasarona tao anatin'ny nofon'ny olombelona iray.

79 I Timoty 3.16: "Ary iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, dia ilay, A - n - d - r - i - a - m - a - n - i - t - r - a, Elohim" , A - sora-baventy - n - d - r - i - a - m - a - n - i - t - r - a, ao anatin'ny Baiboly. Hamarino izany, na iza na iza. Ny teny, tamin'ny voalohany, izay voalaza, dia: «Elohim». «Tamin'ny voalohany, Elohim». Hitanareo? «Ary Elohim, ary iaraha–manaiky, fa ny zava–miafin'ny Elohim dia lehibe; eny fa, Elohim dia tonga nofo, ary nahatsapa Azy isika.» Elohim, voasarona tao anatin'ny nofon'olombelona iray! Ilay Jehovah Lehibe izay nanerana ny toerana rehetra, ny fotoana, sy ny rehetra, tonga Olona Izy. Nahatsapa Azy isika, Elohim. «Tamin'ny Voalohany, Elohim. Ary Elohim dia tonga nofo, nonina tamintsika Izy».

80 Inona àry izany? Fomba fanaony izany, ireo andraikitra ao amin'ny fampisehoana. Izany no fomba tokony fanaovany ireo andraikitra, fomba Fisehoany amintsika izany toy ny olona samihafa. Afaka ny ho faty isika, ary fantany izany. Ary ny fahalalantsika dia mijanona toy ny an'ireo mety maty. Mahalala toy ireo mety maty isika. Tsy mahalala afa-tsy izay zavatra ampahafantarin'ny taovam-pandrenesana izay ananantsika, ary ny ambiny, tokony hinoantsika amin'ny alalan'ny finoana. Milaza isika fa misy Andriamanitra, tsy maintsy; na hitantsika Izy na tsia, mino izany foana isika. Hitanareo? Na misy iray izany na tsia, mino Azy foana isika, satria Andriamanitra no niteny an'izany.

81 Fa tahaka an'i Abrahama, tsy afaka ny nahita an'ilay zaza izy, tsy nisy famantarana, tsy nisy vohoka tao-tao amin'i Saraha, tsy nisy na dia ny fadim–bolana, na hafa, kanefa kosa, Andriamanitra efa niteny an'izany. Ny fanantenana rehetra, ny–ny kibony aza efa maty, ary ny aina, tao amin'ny lahy, tsy nisy intsony izany, ary, ny–ny faniriana tao aminy aza dia efa maina, ary ny-ny ainy, tao amin'ny vavy, dia efa karakaina. «Kanefa, tsy niahanahana, ny amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, tamin'ny tsy finoana

izy, fa nampaherezin'ny finoana, ka nanome voninahitra an'Andriamanitra, ka natoky indrindra fa izay nolazain'Andriamanitra dia hainy hatao koa.»

Fa toy izany no tokony hinoantsika an'io Teny io ankehitriny. Ahoana no ahatongavan'izany zavatra izany? Tsy mahalala aho. Andriamanitra no efa niteny fa ho tonga izany, ka noho izany dia efa vita.

82 Iza àry io Olona lehibe izay tsy hita io? Iza àry Ilay hitan'i Abrahama tao anatin'ireo fahitana? Kanefa, tamin'ny fotoana farany, niseho tamin'ny alalan'ny nofo Izy, talohan'ny fihavian'Ilay Zanaka. Andriamanitra Izy Tenany mihitsy no tonga teo amin'i Abrahama tamin'ny endrika olona, tamin'ny fotoana farany. Voaseho! Indray mandeha, nahita Azy izy tao anatin'ny Fahazavana kely, nahita Azy tao anatin'ireo fahitana; naheno ny Feony, ireo fanambarana betsaka. Kanefa talohakelin'ilay zanaka nampanantenaina, nahita Azy tamin'ny endrika olona izy, ary niresaka Taminy, ary nanome hena Azy sy nanome Azy zavatra hosotroina. Hitanareo? Marihonareo, Andriamanitra Izy Tenany mihitsy voasarona tao anatin'ny nofon'olombelona.

83 Izany dia mbola ampahany amin'ny Fomba Fanaony. Izany fomba izany koa no Hisehoany amintsika, ny Hanehoany ny Teny mandrakizay, Andriamanitra, Jehovah tonga nofo. Tahaka ny ao amin'ny Jaona 1: "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny teny tao amin'Andriamanitra, ary ny… Tamin'ny voalohany Elohim, ary Elohim dia… dia tonga Teny, ary ny Teny dia Elohim. Ary ny Teny dia tonga Elohim". Hitanareo? Zavatra mitovy ihany, fa voaseho, tsotra fotsiny.

84 Izany dia tahaka ny toetra anaty, hitanareo, efa tao amin'Andriamanitra izany. Ny toetra anaty, dia ny eritreritrareo. Andriamanitra, tamin'ny voalohany, Ilay Mandrakizay, mbola tsy Andriamanitra akory Izy tamin'izany. Fa Mandrakizay Izy. Mbola tsy Andriamanitra akory Izy tamin'izany; Andriamanitra, dia zavatra tompoina, na zavatra tahaka izany. Hitanareo? Noho izany, mbola tsy izany akory Izy tamin'izany. Elohim Izy tamin'izany, Ilay Mandrakizay. Kanefa tao Aminy, nisy ireo eritreritra izay Tiany ho tonga zavatra ka azo tsapain-tànana. Ary Inona no Nataony? Ary nanonona Teny Izy, ary ny Teny dia tonga zavatra azo tsapain-tànana. Maneho ny solaitra-be rehetra izany, tao amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalipsy. Tsy misy zavatra mipika. Fa Elohim no tonga zavatra azo tsapain-tànana, mba ho afaka ny ho voakasika, ny hitondra ny fahalemen'ny sasany. Ary ao amin'ny Fanjakana arivo taona, misy Elohim, mipetraka eo ambonin'ny Seza Fiandrianana, hitanareo, marina izany, miaraka amin'ireo izay an'Azy manodidina Azy, izay efa Nofidiany talohan'ny nanorenana izao tontolo izao.

85 Fa tahaka ny olona iray izay nanamboatra lakolosy maro voalamim-peo, na manao lakolosy voalamim-peo, ny mpandrendrika. Ny lakolosy tsirairay dia tokony hamoaka feo hafa tsy mitovy amin'ireo sasany. Fitaovana mitovy no nanaovana ireo, saingy vy toy izao ny habetsany, toy izao ny vy miaro arina, toy izao ny varahi-maitso, mba hanomezany an'io «Feo miavaka» io.

asa ataoko no hataonareo koa," izay manatanteraka ny Lioka 17.28-29: "Amin'ny andro farany, hiseho ny Zanak'olona," Hitanareo, Hitanareo, Malakia 3: "Indro, Izaho haniraka an'i Elia, mpaminany ho aminareo, izay hamerina ny Finoan'ny olona amin'ny Teny Voalohany." Hitanareo? Amin'ny fomba ahoana… Hitanareo? ô! La la!

303 Maty Izy mba hiseho amintsika. Ankehiriny aoka isika ho faty amin'ny tenantsika mba haneho Azy amin'ny hafa. Aoka ho faty amin'ireo fombafomba, sy ireo hafa, mba haneho Azy amin'ny hafa. Aoka ho faty amin'ireo anaram-piangonana mba haneho Azy amin'ny hafa.

304 Marihonareo, ny tempoly taloha dia nanarona ny Voninahitry ny Shekinah, ary ny Fahazavan'ny Shekinah dia teo amin'ny Teny, -ny Teny dia Voa iray, -Izy no namokatra ireo mofo aseho, natokana ho an'ny mpino irery ihany. Ny rà koa dia teo amin'ny fanekena; ary ny Rà, dia ny rano, ny rano izay manome aina ho an'ny voa, amin'ny vary, amin'ny voa, izay Teny.

305 Toy izay voalazan'i Jesosy: "Ary tahaka ny nanandratan'i Mosesy ny menarana varahina", ary nilaza koa Izy, "Toy izao no nitiavan'Andriamanitra an'izao tontolo izao nomeny ny Zanany Lahy tokana; izay mino Azy dia tsy ho faty mihitsy." Nikapoka ny vatolampy i Mosesy tany an'efitra, mba hanavotra vahoaka iray izay ho ringana, na mba hamoaka ny rano. Nokapohin'Andriamanitra koa Jesosy, mba hamoaka ny Fanahy avy tao Aminy, ho an'ny vahoaka iray izay ho ringana. Nivoaka avy tao Aminy ny Rà, izany hoe "ny rano fanadiovana avy amin'ny alalan'ny Teny". Ary ny rano no manome Aina ny Voa. Ary izany no namoaka ny Voninahitry ny Shekinah; izay namirapiratra teo amin'ny Teny, izay niteraka an'ireo mofo aseho. Ary ireo mofo aseho, dia natokana ho an'ny vahoaka voafidy ihany. Eny. Tsy marina ve izany? [Namaly ny fiangonana; "Amena"-Mpandika.].

306 Ankehitriny, ny fidirana ao anatin'ny fisaronana, ao ambadiky ny fisaronana, ao amin'ny Fanatrehany, izay misy ny Teny, -tsy ny fombafomba, ny Teny, -eo, ny mahita ny Voninahitry ny Shekinah, ny Shekinah, ny Hery, ny Fanahy Masina izay mamirapiratra eo amin'ny Teny, izay manatanteraka ny fampanantenana, izany no manambara fa ao ambadiky ny fisaronana hianareo. Amena!

Namaky ny fisaronana rovitra aho, eo no itoeran'ny Voninahitra tsy mety ritra, (Hm!)

Aleloia, Aleloia; mivelona ao amin'ny Fanatrehan'ny Mpanjaka aho.

Namaky ny fisaronana rovitra aho, eo no itoeran'ny Voninahitra dia tsy mety ritra,

Mivelona ao amin'ny Fanatrehan'ny Mpanjaka aho.

307 Ny hodi-biby taloha, ireo anaram-piangonana, efa nopotehina izy ireo. Niditra tao ambadika aho, tao amin'ny Voninahitry ny Shekinah, ary mahita ny Teny aho. Mahita ny Andry Afo izay mikisaka aho. Mahita ny Teny voaseho aho. Mahita ny fitombon'izay Nolazainy fa Hataony amin'izao andro farany izao aho. Mahita ireo zaza aho, izay mihinana an'io Mofon'ny

tamin'ny Andry Afo izy, izy tenany. Ary hevero izany, ny mitovy …

297 Josefa, teo, ny rehetra koa dia nanoratra izay zavatra nitranga, samy nanoratra ny tsirairay, tamin'ny androny. Fa rehefa tonga Mosesy, izy no nanana Fanambarana. Nifanena tamin'ny Andry Afo izy, ary nambara tamin'i Mosesy ny zavatra rehetra tao amin'ny Genesisy. Izy no nanoratra ny boky efatra voalohany tao amin'ny Baiboly, Mosesy no nanao an'izany. Tsy marina ve? Ny tena marina, nifanena tamin'Andriamanitra izy, tamin'ny endrika Andry Afo, voafina tao anatin'ny Andry Afo.

298 Rehefa nifanena Taminy i Paoly, teo amin'ny làlana… Ny mpianatra dia nanoratra fotsiny izay zavatra hitan'izy ireo Nataony, fa i Mosesy no nahazo Fanambarana; nandeha nankany Egypta izy, ary nijanona telo taona mba hianatra, ary nahita fa Andriamanitra tamin'ny Testamenta Taloha dia Jesosy tamin'ny Vaovao: ny Fanambarana! "Nankatoa ny fahitana avy tany an-danitra aho". Marina izany. Marina!

299 Ary, eritreretonareo Izany! Ilay Andry Afo izay nidina tao amin'ireo lehilahy izay nanoratra ny Baiboly, izany Andry Afo izany no mbola eto ankehitriny, eo am-pandikana ny Baiboly. Amena! Toy inona no Fisaorantsika Azy ny amin'izany! Mitovy! Fampiononana manao ahoana izany! Fitoviana manao ahoana izany! Tena faly tanteraka aho raha mitovy amin'izany, tsy fantatro ny atao! Aleoko ny hitovy amin'Izany, toy izay amin'ny batista rehetra, metodista, presbiteriana, loteriana, sy ireo hafa rehetra. Mitovy amin'ity Teny ity, izay misy ny Voninahitry ny Shekinah sy ny Fanambarana!

300 Ny Andry Afo, izay miseho hitan'ny maso eto anivontsika, manambara fa marina ny Hafatra, mitovy tamin'izay efa nataony teo amin'ny tendrombohitra Sinay. Tsarovinareo, talohan'ny nitondrana ny tena hafatra, nitory teny i Mosesy ary nitondra azy ireo ivelan'ny Egypta; kanefa teo, talohan'ny nanoratana ireo tena didy (ny nitondrana ireo Tombo-kase), Andriamanitra dia nidina teo anoloan'ny olona ary nanaporofo fa Izy no naniraka an'i Mosesy (tsy marina ve?); tao anatin'ny Andry Afo, izay nolazain'i Mosesy fa hitany tao anatin'ny roimemy, ary niresaka taminy.

301 Ô, amin'izao andro farany izao, ny mahita an'io Andry Afo io, tena eo, anivontsika, izay manambara Teny mitovy; tsy izany ihany, fa mandika Izany koa, amin'ny fanehoana an'Izany, ary amin'ny fanaporofoana fa Izany no Fahamarinana.

Noho izany, tsy misy antony mety tsy hinoan'ireo olona, raha tsy ohatra ka minia manao an'izany ireo. Ary, raha izany: "Ho an'izay minia manota, rehefa nanandrana ny Teny tsaran'Andriamanitra, dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota intsony."

302 Marihonareo, ilay Andry Afo izay nirahina tamin'i Mosesy sy tamin'i Paoly ihany, ireo izay nanoratra ny Baiboly, dia nirahina amin'izao fotoana izao mba hanambara Izany. Ny fahasoavan'Andriamanitra, Andriamanitra tsy miova, izay manatanteraka ireo fampanantenana ao amin'ny Matio 28: "Indro, Izaho momba anareo mandrakariva"; izay manatanteraka ny Jaona 14.12: "Ny

86 Tahak'izany no nataon'Andriamanitra. Nanao fanangaroana Izy, nandalo tamin'ny zavatra iray ity ho amin'ny zavatra iray ity, ho amin'ny zavatra iray hafa, ho amin'ny zavatra iray ity, ho amin'ny zavatra iray hafa, mandra-pahatongan'Izy nahazo ny zavatra izay tena Tiany. Tahak'izany no Nidinany. Andriamanitra dia naneho ny Tenany, tao anatin'ny Andry Afo, avy eo tao anatin'ireo mpaminany, rehefa avy teo Izy dia niditra tao anatin'ny Zanak'Andriamanitra, izay Andriamanitra. Hitanareo, Andriamanitra ihany io, izay nanambara ny maha-Izy Azy, ny tena marina, avy amin'ny fahatanterahana ho ao amin'ny fahatanterana, avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra. Tahak'izany koa ny zavatra mitranga ho an'ny Fiangonana.

87 Marihonareo, nandritra ireo taona, tamin'ny fomba mitovy, dia tamin'ny alalan'ireo Mpaminaniny ireo no Nisehoany. Raha ny tena marina, tsy tena hoe mpaminany loatra ireo, fa izy ireo dia andriamanitra. Izany no Nolazainy. Eny marina, fa ny zavatra izay notononin'izy ireo, dia Tenin'Andriamanitra. Izy ireo dia nofo izay nisikinan'Andriamanitra. Izy ireo dia andriamanitra. Jesosy Tenany mihitsy no nilaza, hoy Izy hoe: "Ahoana no ahafahanareo manameloka Ahy raha milaza Aho fa Izaho no Zanak'Andriamanitra, nefa ny lalànareo milaza fa ireo izay nahatongavan'ny tenin'Andriamanitra no natao hoe andriamanitra". Hitanareo?

88 Noho izany, Andriamanitra ihany, no naka Endrika tao anatin'ny olona atao hoe mpaminany. Hitanareo? Ary ny Tenin'ny Tompo dia tonga tamin'io olona io, noho izany dia tsy io mpaminany io, ny mpaminany dia fisaronana, fa ny Teny dia Andriamanitra. Ny tenin'io lehilahy io dia tsy ahavita an'izany asa izany. Azonareo ve ny zavatra tiako ho lazaina? Tsy afaka manao asa toy izany ny teniny. Kanefa amin'ireo fotoana sasany ireo, Andriamanitra izany. Hitanareo, Izy no Tenin'Andriamanitra, naka endrika olona, natsoina hoe "olona".

Marihonareo, tsy nanova amin'ny toetrany mihitsy Izy, fa endrika fotsiny. Hebreo 13.8 milaza fa «Jesosy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay.» Noho izany, raha tonga Izy, dia tsy mba nanova ny toetrany. Mbola io Mpaminany io ihany Izy, tamin'ireo taona nifandimby, zavatra mitovy: ny Teny, ny Teny, ny Teny, ny Teny. Hitanareo? Tsy afaka manova ny toetrany Izy, nefa niova endrika. Hebreo 13.8 "Izy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay". Nanova saron-tava fotsiny Izy.

89 Ohatra, izaho, nandalo tamin'ny maha-vady aho, rehefa teraka ny zanako, lasa ray aho. Rehefa teraka ny zafikeliko, dia raibe aho. Hitanareo? Kanefa tsy miova aho; fa izaho ihany–izaho ihany. Hitanareo? (Toy izany koa ny amin'Andriamanitra). Izaho dia miova fotsiny ho… Hitanareo, miova endrika isika, dia izay. Hitanareo?

Marihonareo. Ary ny toetra voa-janahary miteraka ny fiovana, mandalo amin'ny fahatanorana, ho amin'ny lehilahy matotra kokoa, ho amin'ny fahanterana. Ary izay, hitanareo, miova endrika isika, dia izay fotsiny.

90 Ankehitriny, tsy afaky ny hilaza hianareo amin'ny tanora iray, eto, izay enina ambin'ny folo taona, lazaina fa ho raibe izy. Tsy afaky ny ho izany izy. Tokony mbola hiova endrika izy. Taona maromaro no miteraka ny fiovana, ary avy eo dia lasa dadabe izy. Azonareo ny zavatra izay tiako lazaina?

91 Kanefa olona iray ihany izany, mandritra ny fotoana rehetra, olona iray ihany, Andriamanitra, isaky ny fotoana. Izany fomba izany no Hisehoany amin'ny Vahoakany, amin'ny fanaovana izany. Marihonareo, nandritra ny taonan'ny Andry Afo, niseho tamin'ny Vahoakany Izy. Tamin'ny ta-taonan'i Jesosy, niseho tamin'ny Vahoakany Izy. Tao amin'ny taonan'ny Fanahy Masina, amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra, Zanak'i Davida… Izany fomba izany ihany no Fisehoany tamin'ny Vahoakany, ny hitondra ireo olona mba hahalala Azy. Voafina tao ambadiky ny zavatra Izy, marihonareo, izany fomba izany ihany, na izany toetra izany ihany, isaky ny fotoana rehetra.

92 Andriamanitra, voasarona tao amin'i Jesosy, mba hanatanteraka ny asa fanavotana eo amin'ny hazo fijaliana. Andriamanitra tsy mety maty, amin'ny maha-Fanahy Azy. Izy dia Mandrakizay. Kanefa tsy maintsy manao saron-tava Izy ary naka ny andraikitry ny fahafatesana. Ka dia tena maty mihitsy Izy, kanefa tsy afaka ny nanao an'izany Izy amin'ny Endriny Andriamanitra. Tsy maintsy nanao an'izany Izy tamin'ny Endriny Zanaka, amin'ny maha-Zanak'Olona, tety ambonin'ny tàny. Hitanareo? Tsy maintsy tonga tamin'ny Endriny maha-Zanaka Azy Izy. Avy eo, raha niverina Izy, tamin'ny Pantekosta, dia tonga indray tamin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy. Azonareo ve ny zavatra izay tiako lazaina? Voarainareo? Izy dia …

93 Tsy maintsy tonga tao anatin'ny nofon'olombelona iray Izy, mba… ary, olona, tsisy faniriana ara-nofo. Satria, io koa dia porofon'ny fahalalantsika ny amin'ny voan'ny menarana, hitanareo, "ara-nofo", ny taova-pananahana, izany indrindra. Tsy ireo paoma; ny taova-pananahana! Marina izany. Azo antoka izany. Marihonareo, eto, hitanareo, satria n'iza n'iza olona tsotra… Jereonareo ireo mpaminany ireo, tamin'ny androny, kanefa Izy, dia tsy maintsy mihoatra noho ny mpaminany. Mba ahafahany manatanteraka an'izany, tsy maintsy nateraky ny virijina Izy, nanambara, io fahaterahan'ny virijina io no nanaporofo… Tsy maintsy nateraky ny virijina Izy, mba hanala ny ozona; fanafody izany. Hitanareo ve ny zavatra izay tiako lazaina? Noho izany, tsy maintsy tamin'ny taova-pananahana. Noporofoiny izany tamin'ny fahatongavany manokana; tonga Izy, tsy tamin'ny alalan'ny faniriana ara-nofo, fa teraka tamin'ny alalan'ny virijina. Nanova saron-tava Izy, avy tamin'i Jehovah dia lasa Jesosy Izy, mba hanatanteraka ny asam-panavotana, tao anatin'ny fampisehoana izay nanaovany io andraikitra io: Andriamanitra teo amin'ny hazo fijaliana.

94 Ireo Grika dia te-hahita Azy. Ao amin'ny Jaona 12.20, betsaka taminareo no naheno ahy nitory ny amin'izany teny izany: "Tompoko, te-hahita an'i Jesosy izahay". Tsikaritrareo ve izany?

95 Nefa ireo Grika, dia olona manan-tsaina, ireo dia olona fanta-daza. Ary

Amerikana aho. Marina izany.

291 Ary amin'ny maha-Kristiana, mitovy Aminy aho. Amena! Niaraka tamin'i Noa aho raha niditra ny sambo-fiara izy. Niaraka tamin'i Mosesy aho tamin'ny nivoahany tany Egypta. Amena! Niaraka tamin'i Elia aho teo an-tendrombohitra Karmela. Eny tompoko! Voninahitra ho an'Andriamanitra! Niaraka Taminy aho raha nanao izany izy. Azo antoka, niaraka Taminy aho, nitovy tamin'ny fahafatesany tao Kalvary aho, raha maty ny amin'ny zavatra eo amin'izao tontolo izao aho, ny amin'ny tenako manokana sy ny amin'ireo fombafomba rehetra. Nitovy Taminy aho. Nitovy Taminy aho, ny marainan'ny Paska, rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy. Nitovy Taminy aho, tamin'ny andron'ny Pantekotista, rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina tahaka ny rivotra mifofofofo. Nitovy Taminy aho. Ny maha-Izy Azy rehetra, dia izany koa aho, ny maha-izy ahy rehetra, dia izany koa Izy; Amena. Tamin'ny alalan'ny fahafatesantsika tao Aminy, dia nitovy Taminy isika. Ny maha-Izy Azy, dia izany koa aho. Amena!

292 Ny maha izy an'ity firenena ity, dia izany koa aho. Tena faly ny amin'izany aho. Vonona aho hitondra ny fahafam-barakany. Vonona aho hitondra ny henatra, mba ho Amerikana. Marina izany. Ary indroa noho izany no fahavononako hanao izany, ho an'i Jesosy Kristy! Ny naha-Izy Azy rehetra, dia izany koa aho. Tiako ny mitovy Aminy.

293 Ireo apostoly, rehefa niverina izy ireo, nahita ireo… nadalaina ireo, ary nomena karazana anarana rehetra ireo, nahita izy ireo fa voninahitra lehibe ny mitondra ny henatra noho ny Anarany.

294 Faly koa aho ankehitriny raha isan'ny iray amin'ireo, mitovy amin'ny Teny, izay Kristy. Mitovy Aminy! Ao Aminy amin'ny alalan'ny batisa, dia mitovy àry isika, mitovy, amin'ny Fitoviana Aminy, mitovy amin'ny Teniny, izay Izy Tenany ihany. Raha ao amin'i Kristy aho, dia Teniny aho; satria Izy dia Teny, ary ny maha-Izy Azy, dia izany koa aho. Amena! Azonareo ve izany? [Namaly ny fiangonana: Amena-Mpandika.] Tsara.

295 Ny Teny Voaseho, na Voambara, amin'ny alalan'ny Fanambarana izay ao, koa, mahatonga ahy ho inona izany? Raha Izy ilay Voninahitry Shekinah, dia ampahany amin'Izany koa aho. Amena! Ô! Amena! Marina izany. Ny Teny mihitsy, voambara, izay voambara.

Eritreretonareo izany! Ireo zava-miafin'Andriamanitra, izay ampahafantarina antsika amin'izao andro izao, amin'ny alalan'ny Mpitondra Hafatra avy tany An-danitra izay nampahafantatra ny tenany teo amin'ireo tamin'izany andro izany; marihonareo, ilay Andry Afo io ihany izay naniraka an'i Mosesy, ilay Andry Afo io ihany izay teo ambonin'i Mosesy, izay nanoratra ny Baiboly; ilay Andry Afo izay nifanena tamin'i Paoly, raha teo amin'ny làlana ho any Damaskosy izy.

296 Ary Paoly no nanoratra ny Testamenta Vaovao. Tsarovinareo fa, Matio, Marika, Lioka ary Jaona, dia samy nanoratra izay hitany fotsiny, fa i Paoly kosa no nahazo ny Fanambarana. Izy no namoaka Izany, satria nifanena

Teny, ho an'izany andro izany; Mosesy. Josefa dia Teny tamin'ny androny, izy dia endrik'i Kristy, marina izany. Hitanareo, ny tsirairay tamin'ireo dia Teny.

285 Ary rehefa tonga Jesosy, Izy no Teny tao anatin'ny Fahafenony, satria ny planin'ny fanavotana rehetra dia nipetraka tao Aminy. Ny planin'ny fanavotana rehetra dia tsy nipetraka tao amin'i Mosesy, tsy nipetraka tao amin'i Josefa, tsy nipetraka tao amin'i Elia. Hitanareo, ireo, ampahany tamin'ny Teny fotsiny izy ireo, nanambara mialoha Izay ho avy. Hitanareo? Ankehitriny marihonareo, tazomy an-tsaina ity hevitra ity; eto dia hanipy Zavatra aho, toy izay lazaiko. Hitanareo, ny planina feno dia tsy tao amin'ireo. Nanambara an'Ilay ho avy izy ireo.

286 Noho izany, tao Aorianany, ilay Fahafenoana, tsy afaka hilaza zavatra hafa ho tonga indray isika. Fa ny atao dia milaza kosa Ilay efa tonga, ny Teny [nandray ny Baiboly Rahalahy Branham.-Mpandika.] Ity no Fanambarana feno; tsy azo ampiana ary tsy azo anesorana ny Ao. Indro ny Fanambarana feno. Izany rehetra izany, dia tandindon'Ilay ho tonga, fa rehefa tonga Izy, dia Izy no Tanteraka. Hebreo 1: "Rehefa nampitenenin'Andriamanitra tamin'ny razana fahiny ny mpaminany," Niresaka tamin'ny alalan'ny sarona Andriamanitra, ireo mpaminany, "Fa, amin'izao andro farany izao, amin'ny alalan'ny Zanany Jesosy Kristy." Izay. Voaseho, teo Kalvary, ny Zanak'Andriamanitra, voaseho.

287 Marihonareo, "novelomina". Ary, ankehitriny, rehefa voaseho ao anatin'ireo siny olombelona ny Teny, ireo sarona, izany dia azo antoka fa maneho ny Teny izay tanteraka ao amin'izao andro izao, izay mifanaraka amin'Andriamanitra. Ny fidirana ao Aminy amin'ny alalan'ny batisa, mifanaraka amin'ny I.Koritiana 12, koa dia mitovy Aminy isika. Amena.

288 Nilaza aho fa ho an-tsasakadiny, nefa mety afaka mahazo fotoana mihoatra kely ve aho? [namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.] Hitanareo? Jereonareo, tsy afaka hamela an'ity fanamarihana kely ity aho. Marihonareo, mitovy Aminy!

289 Ankehitriny marihonareo. Firy ny mponina Amerikana eto? Atsangano ny tànana. Eny, Hianareo dia mponina amerikana, koa mitovy amin'ity firenena ity hianareo. Ny maha-izy rehetra an'ity firenena ity, dia tsy maintsy ho izany hianareo. Tsy marina ve? Ny voninahiny rehetra dia hianareo ary ny fahafaham-barakany rehetra dia hianareo. Mitovy aminy hianareo. Amerikana hianareo, koa dia mandray ny fitoviana amin'ny Amerika. Aleloia!

290 Niaraka tamin'i George Washington aho tamin'ny niampitany ny Delaware. Nitovy taminy aho. Marina izany. Niaraka tamin'i Abraham Lincoln aho, raha nikabary izy tao Gettysburg. Tao koa aho. Niaraka tamin'ireo miaramila tany Guam aho, hianareo, ry zatovo, rehefa nanangana an'io saina io hianareo. Teo koa aho. Amerikana aho; mitovy amin'izany aho. Amena. Ankehitriny, amin'ny maha-Amerikana, na inona na inona ny fahafaham-barakany nadritra ny Revolisiona, nentiko koa izany, satria

izy ireo nanana-izy ireo nanana ny-ny fieritreretana manokana momba an'Andriamanitra, tahak'izay efa notorian'i Paoly tamin'izy ireo tao Aeropago. Ary izy ireo dia, izy ireo-izy ireo no nitazona-izy ireo no nitazona ny laharana voalohany eran-tàny momba ny fahalalana sy-sy ny fanabeazana. Izy ireo dia olona fanta-daza. Fa kosa nanompo izy ireo sady nino ny amin'ny anganongano, sy maro hafa, ny bokin'ny kolo-tsaina sy ny kolo-tsaina tia karokaroka, ary ny hafa koa.

96 Kanefa ireo-ireo-ireo dia talanjona, ny amin'ity Lehilahy izay afaka nanasitrana ny marary ary koa nilaza mialoha ireo zavatra izay ho avy sady tena tonga mifanaraka tsara tamin'izany. Talanjona izy ireo, koa tonga mba hijery Azy. Ankehitriny, aoka hihaino tsara hianareo, eo, aza diso ny amin'izao hianareo. Hitanareo? Tonga izy ireo, ary nanao tamin'i Filipo avy any Betsaida hoe: "Tompoko mba ta-hahita an'i Jesosy izahay." Ary Filipo sy ny anankiray tamin'ireo mpianatra nitondra azy ireo hankany amin'i Jesosy, mba hijery an'i Jesosy.

97 Ankehitriny marihonareo ireo teny izay nentin'i Jesosy taminy, satria tonga izy ireo mba hijery hoe Iza moa Izy, ary izy ireo tsy afaka ny nahita Azy [nokapohan'ny rahalahy Branham in-telo ny pilipitra-Mpandika]. Nahita ny endrika izy ireo, kanefa Izy dia tao amin'ny Tempoliny. Andriamanitra dia tao anatin'ny Tempoliny, voasarona tao anatin'ny nofon'olombelona. Marihonareo ireo teny Nolazainy: "Raha tsy latsaka ao amin'ny tany ny voam-bary, hitanareo, ka tsy maty, dia mitoetra foana izy." Hitanareo? "Tonga ny fotoana, tsy ho ela dia ho eo izany, izay hankalazana ny Zanak'olona, hitanareo, tsy maintsy hasandratra hiala amin'ny tàny Izy. Ary raha tsy tonga izany ora izany; tsy afaka hahita Azy mihitsy hianareo". Hitanareo?

98 Raisonareo, nahoana izy ireo no tsy afaka nahita an'i Jesosy? Nisaron-tava Izy. Andriamanitra dia voasarona. Ireo Grika dia nitady Andriamanitra iray, ary dia teo Izy, kanefa tsy afaka nahita Azy ireo, noho ilay fisalobonana [Sikina-Mpandika]. Ary mitovy amin'izany koa ankehitriny, tsy afaka mahita Azy koa ireo, noho ilay fisalobonana. Natsipy eo amin'ny tavan'ireo izany. Ireo Grika ireo dia voatakona, na, voasarona Jesosy teo anatrehan'ireo Grika ireo."

99 Marihonareo, nilaza tamin'ireo Izy: "Raha tsy latsaka eo amin'ny tany io voam-bary io, dia mitoetra foana izy."

100 Ireo-ireo dia tsy afaka ny nahalala hoe nahoana, inona no antony tsy nahitan'izy ireo Azy. Olona iray no teo. Tonga izy ireo mba hijery an'Andriamanitra, ary olona hitany, hitanareo? Tsy afaka nahita an'Andriamanitra izy ireo, satria Andriamanitra dia voasarona teo anoloany. Ankehitriny, tazominareo tsara izany, Andriamanitra dia voasarona tao anatin'ny olona iray. Afaka ny nilaza izy ireo: "Tsy misy olona mahavita ireo asa ireo, raha tsy Andriamanitra ihany. Tsy misy olona afaka hanao an'izany, ary nahoana, misy olona eto, kanefa ireo asan'Andriamanitra dia miseho amin'ny Alalany!" Hitanareo, tsy afaka hahalala izy ireo fa voasarona

Andriamanitra.

101 Voasarona tao anatin'ny olona Izy, satria voasarona foana Izy hatramin'izay. Fa voasarona Izy teo anatrehan'ireo, tao anatin'ny Tempoliny olona. Andriamanitra dia tao anatin'ny Tempoly olona. Ankehitriny, tandremonareo tsara: nefa, Izy dia tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Hitanareo? Andriamanitra voasarona, miafina amin'izao tontolo izao, voasarona tao anatin'ny olombelona. Hitanareo? Teto, no nisy an'Ilay Andriamanitra! Ireo grika ireo dia nilaza: "Te-hahita Azy izahay".

102 Ary Jesosy nilaza: "Ny voam-bary dia tsy maintsy latsaka ary maty." Tsy maintsy maty amin'ny hevitrareo rehetra hianareo. Tsy maintsy arinareo ireo fisainanareo manokana.

Tahaka an'ireo mpianatra, tsy afaka ny hanazava ny amin'ny fihinanana ny Nofony ireo ary-ary ny amin'ny fisotrona ny Ràny, kanefa, hitanareo, maty tanteraka izy ireo tamin'izany zavatra izany. Maty izy ireo, ho amin'ny Tanjona iray, maty izy ireo, ho an'i Kristy. N'inona n'inona nanjo, na dia tahaka ny azo antoka ny Fahareseny, mbola nino Azy foana izy ireo, na izany aza. Hitanareo? Izy ireo dia afaka ny nahita ny zavatra izay tao anatin'io Olona: Olona iray izay nihinana, nisotro, nanjono, natory, sy ny sisa, izay teraka tety ambonin'ny tàny, ary izay niara-nandeha tamin'ireo, niresaka tamin'ireo, nitondra ireo fitafiana tahaka ireo hafa, nefa Andriamanitra io.

103 Noho izany, ireo Grika dia tsy afaka nahita Azy, satria voafina tamin'ireo Izy, tao anatin'ny olombelona iray. Marihonareo ny Teny izay nataony tamin'ireo: "Raha tsy latsaka amin'ny tany io voam-bary io".

104 Andriamanitra, voasarona, tamin'ny endriky ny olona, dia niafina teo imason'ireo, ny zavatra tokana afaka hitan'ireo, dia olona. Fa ireo izay efa voafidy mialoha kosa, Andriamanitra no hitan'ireo. Ny iray nahita olona, ny iray kosa nahita an'Andriamanitra. Hitanareo? Ary izany dia Andriamanitra, voasarona tao anatin'ny olombelona, noho izany izy roa ireo dia samy nanana ny marina; kanefa izany dia finoana izay anananareo ao amin'ny zavatra izay tsy hitanareo. Mino izany ihany anefa hianareo. Andriamanitra voasarona tao anatin'ny olombelona. Izy dia tao anatin'io nofo teo io, ary io nofo io no Fisikinany. Rovitra ilay fisikinana, hitanareo, mba hahafahan'Andriamanitra ho voaseho.

105 Tao amin'ny Testamenta Taloha, niafina Andriamanitra, -raha teo ambonin'ny Alitarany Izy, teo ambonin'ny alitara, -tamin'ny alalan'ny sikina. Tao amin'ny Testamenta Taloha, Andriamanitra dia tao amin'ny Tempoliny. Kanefa, ireo olona dia niditra sy nidera tahak'izao, kanefa, tsarovinareo, nisy fisikinana tamin'izany (Amena) izay nanafina an'Andriamanitra. Fantatr'izy ireo fa tao Andriamanitra. Tsy afaka nahita Azy ireo. Io Andry Afo io dia tsy niseho intsony teo. Tsikaritrareo ve izany? Na indray mandeha aza, ao anaty Soratra, nanomboka tamin'ny fotoana izay nidiran'Io Andry Afo io tao ambadik'ilay fisaronana, dia tsy niseho intsony Izany, mandra-pahatongan'Izany indray tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Andriamanitra dia

tsy hiala mihitsy amin'ity Teny ity. Fa hijanona tanteraka amin'ny Teny Izy; manajamba ireo sasany, ary manokatra ny mason'ireo hafa. Izany foana no hataony.

280 "Hianareo no epistily voasoratra, vakin'ny olona rehetra". Na, hianareo no… hadikako Izany, amin'ny fomba tahak'izao, hitanareo, jereo amin'ny fomba hafa Izany, tsotra hoe: "Hianareo no epistily izay efa voasoratra," satria tsy azo ampiana intsony Izany, "izay vakin'ny olona rehetra; ny Tenin'Andriamanitra voaseho", amin'ny fomba filaza hafa.

Petera sy Jaona, mba haseho anareo: raha nandeha tany izy ireo, hita fa olona tsy nianatra sady tsotra, tsy nanana fahalalana ireo, nefa fantatra kosa fa niaraka tamin'i Jesosy. Hitanareo? Tsy nianatra sady olona tsotra, kanefa epistily voasoratra izy ireo, hitanareo, vakina, mba hilazana fa niaraka tamin'i Jesosy ireo. Raha ny marina, Jesosy dia niseho tamin'ny alalan'ireo, Kristy voasarona tao anatin'ny nofon'ireo; voaseho, novelomina.

281 Mitovy tamin'Izy tao anatin'i Mosesy. Raha tao anatin'i Mosesy ny Teny, dia Andriamanitra tamin'ny nofo izy. Raha tao amin'i Jesosy Izany, dia Andriamanitra tamin'ny nofo Io. Hitanareo? Ny zavatra izay Nataony, dia nanova ny Saron-tavany, fa tsy ny Teniny, sady tsy ny toetrany. Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay. Nanova endrika fotsiny Izy. Nandalo tamin'i Noa ka tonga tamin'i Mosesy; nandalo tamin'i Mosesy hatramin'i Davida; tamin'i Davida, Josefa; ary toy izany foana, mandra-pahatongany tamin'ny fahafenoan'Andriamanitra ara-batana. Hitanareo?

282 Izany dia mbola Andriamanitra Izy ihany! Amena. Amena. Manantena aho fa voaray izany. Hitanareo? Izany dia Andriamanitra tsy miova, fa nitafy sarona hafa Izy, izay fotsiny. Hitanareo, nanisy sarona hafa Izy.

283 Nanao an'izany Izy tamin'ireo mpamerina amin'ny laoniny, nitafy sarona Izy, nitafy sarona, mandra-pahatongan'ny niafarany, rehefa avy namakivaky ny taonan'ny Luther, namakivaky ilay taona iray hafa, ny niafarany, Izay nipoitra avy ao, dia ny Fahafenoana. Mialoha kely an'izany, misy mpaminany miseho, indray mandeha. Izany, dia mba hilazana mialoha ny Teny, amin'ny fanehoana ny zavatra nisy, amin'ny fanambarana ny zavatra izay efa vita, ny zavatra izay mbola navela tsy fantatra, mba hahatonga ny fiangonana tsy… tsy ho amin'ny tsy fahalalana. Avy eo, rehefa mihena tsikelikely izany, dia, toy izay voalazan'i Jaona: "Tsy maintsy mihena aho, fa Izy kosa tsy maintsy mitombo", dia miditra ao Aminy ny rehetra ao amin'ny rehetra. Voaseho tanteraka Izy, -Niala avy tamin'i Luther Izy, Wesley, ny taona pantekotista, ary, avy tamin'iray nandeha tamin'iray hafa, avy tamin'iray nandeha amin'iray hafa, -Voaseho tanteraka Izy, hitanareo, ny fifampitohizana, ny fisehoana fotsiny, Andriamanitra maneho ny Tenany. Jereonareo Izy, ankehitriny marihonareo, fa voaseho tanteraka teo amin'ireo fampanantenana izay Nataony ho an'izao andro izao, tahaka ny zavatra efa nitranga tamin'ireo hafa.

284 Nefa Mosesy no Teny tamin'izany andro izany, satria nomena azy ny

amin'ny fomba hafa, hafa noho Izao, izay efa voasoratra, satria tsy azo ampiana sady tsy azo analana Izany. [Nipeka ny Baiboliny Rahalahy Branham.-Mpandika.]

272 Ary dokotera Lee Vayle dia eo ampanoratana an'io boky mahafinaritra io, tiako mba ho hitanareo izany, tsy ho ela. Rahalahy Vayle dia eto, eto an-toerana, any ho any. Nahita azy aho teny ivelany. Mieritreritra aho fa tsy tafiditra izy. Nefa eo ampanoratana boky iray izy, eo, ary-ary tena mahafinaritra izany, ny amin'ny taonan'ny Laodikia. Ary tiako raha hianareo… Tsy ho ela dia haparitaka izany. Noho izany, eo amin'ny fanitsiana farany amin'ny fizahana izahay, ary nanoratra izahay… mifanakalo hevitra ny amin'Izany izahay teo, hitanareo, ny…

273 Betsaka ny manatona mijery ahy, ka milaza hoe: "Rahalahy Branham, ireo kotrokorana fito ireo, rehefa nikotroka ny feo, ary hoy Izy: 'Aza soratana Izany, hitanao, fa asio tombokase'," hoy izy ireo, "izany, dia ireo kotrokorana fito izay ho voaseho amin'ny andro farany, hitanareo, kotrokorana fito izay hampahafantatra antsika ny amin'izany?" Moa ve tsy tsara ny fahenoana izany? Hitanareo? Kanefa jereonareo ny zavatra arosonareo raha milaza an'izany hianareo.

Hoy Izy: "Tandremo sao soratanao Izany" Hitanareo? Ireo kotrokorana fito ireo dia hampandre ireo feony, hitanareo, ary hoy Izy: "Aza soratana, hitanao ve, fa tsy maintsy atao tombo-kase ao anatin'ny Boky Izany mandrapahatongan'ny andro farany.

274 Nefa, ny olona, betsaka ny olona nilaza tamiko, ary ireo teolojiana nilaza tamiko: "Rahalahy Branham, raha ny Tompo Andriamanitra…" -Hoy izy ireo: " Raha-raha… Amin'ny fahatsapanao, izay nomen'ny Tompo anao, ho an'ny Vahoakany" milaza an'izao aho am-panetren-tena, hoy izy ireo, "Hianao manokana dia afaka tsara hanoratra ny-ny Baiboly, ny Teninao, raha Andriamanitra naneho Izany"

275 Hoy aho: "Mety ho marina izany." Hitanareo, nanandrana ny hamandrika ahy izy. Hitanareo? "Kanefa hitanareo, tsy afaka hanao an'izany aho"

Hoy izy; "Nahoana no tsia?" Mahafeno ireo fepetra rehetra hianao."

276 Hoy aho: "Jereo tsara fa, tsy misy Teny na iray aza afaka ny ampiana na analana" Hitanareo?

277 Ary nilaza izy: "Eny àry, koa, ireo kotrokorana fito, hitanareo," hoy izy: "Ireo kotrokorana fito izay haneno, moa ve tsy Fanambarana manokana izay homena ny olona iray izany?"

278 Hoy aho: "Tsia tompoko, izany dia manala zavatra kely Ao na manampy zavatra kely Aminy"

279 Ny zavatra rehetra dia efa voambara Ao Anatiny, ary ireo Tombo-kase Fito no nanokatra ny fanambarana an'Izany!… ?… Hitanareo, mbola ao anatin'ny Teny ihany izany. Hitanareo, tsy afaka ny hivoaka ivelan'ny Teny isika. Izany dia tsy miala amin'ny Teny. Ary ny Fanahin'Andriamanitra dia

voasarona!

106 Raha teto an-tàny Izy, dia nilaza hoe: «Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary hiverina amin' Andriamanitra.»

107 Avy teo Paoly, (taorian'ny Nahafatesany, sy Nandevenana Azy, ary ny Nitsanganany), teo amin'ny làlana ho any Damaskosy, io fa tonga teo indray Ilay Andry Afo. Inona àry Izany? Nivoaka avy tao ambadik'ilay fisaronana Izany! [Nokapohin'i Rahalahy Branham in-efatra ny alitara-Mpandika.] Voninahitra ho an'Andriamanitra!

108 Tao ambadiky ny fisaronana Izy. Nefa, tao ambadiky ny Inona Izy? Fisaronana hoditra iray. Hitanareo? "Ireo hodi-biby", tao ambadiky ny fisaronana. Ary rehefa rovitra ilay sikina, tamin'ny andro nanombohana Azy, fa ny sikina izay nanarona Azy dia rovitra, tamin'ny andro nanombohana Azy, ka dia azon'ny olona rehetra jerena ny alitara teo.

109 Nefa, ny jiosy dia tsy afaky ny hahazo fa hoe Andriamanitra dia afaka mamindra fo amin'olona mpanota sy tsy misy dikany tahaka antsika. Kanefa tsy afaka nahita an'Ilay namindra fo ireo, satria niafina Izy. Teo ambadiky ny alitara Izy, tao anatiny, niaraka tamin'ireo hody biby mihantona izay nanarona Azy. Taloha…

110 Taloha, raha misy olona, na iza na iza, miditra ao ambadik'io fisaronana io, tonga dia fahafatesana izany. Amena. Ô, hamoaka lesona isika ny amin'izany, afaka fotoana fohy, hitanareo, raha afaka-afaka hianareo hahalala ny amin'Izany. Ny fidirana ao ambadik'ireo hoditra… Na ny iray tamin'ny zanaky ny mpisorona aza mba nanandrana ny nanao izany, indray nandeha, dia maty. "Aza mandeha ao ambadik'Ilay fisaronana hianareo." Ny olon izay miditra tao ambadika… Nahoana? Mbola tsy nisy fanavotana teo. Teo ihany izany fa tsy tamin'ny endriny tanteraka. Fa zavatra mbola tsy ilay tena izy izany. Ary ny zavatra rehetra izay tsy tenan-javatra fa mandalo, dia mbola tsy ilay zavatra tena marina, hitanareo, izany dia mbola karazana tandindona fotsiny. Fanavotana izany… Norakofana ny fahotana, tsy hoe manaisotra… Navela, ny marimarina kokoa, tsy hoe navela. Navela, izany dia "nofoanana ary natao tsy hita". Ary, noho izany, ny ràn'ireo zanak'ondry sy ireo zanak'osy dia tsy afaka ny nanao an'izany, noho izany Jehovah dia niafina tao ambadikin'ny sikina iray. Nefa, tao ambadik'io fisaronana io, teo, izay toerana niafenany, ny fidirana tao anaty, dia lavo maty izany olona izany, ny manandrana miditra tao.

111 Kanefa, hatramin'ny Pantekosta, hatramin'ny nanombohana Azy, rehefa rovitra nanomboka teny ambony ka hatrany ambany ilay sarona, ho an'ity taranaka ity… Jesosy io Andriamanitra io, voasarona. Ary, rehefa maty teo Kalvary Izy, Andriamanitra dia nandefa afo sy tsela-baratra, ary nandrovitra an'ilay efitra lamba Izy nanomboka teny ambony ka hatrany ambany, mba hahatonga ny alitara ho voaseho ka azo jeren'ny olona rehetra. Kanefa izy ireo dia jamba loatra tamin'ny fahitana ny maha-Izy Azy. Tahak'izay efa nolazain'i Mosesy eto, na dia, na… Paoly no nilaza azy, raha namaky an'i

Mosesy: “Raha vakina ny tenin’ny Mosesy, ambaraka androany, misy fisalobonana manarona ny fony.” Ô, ry Rahalahy, ry Ranabavy, izay no nataon’ireo Jiosy ireo, rehefa rovitra Ilay efitra lamba ary Andriamanitra dia voaseho azo jeren’ny olona rehetra, niantona teo amin’ny hazo fijaliana. Nabaribary teo imason’ny rehetra, kanefa ireo tsy afaka nahita ny maha-Izy Azy.

112 Azo inoana ve fa nanao zavatra toy izany koa ireo izay ao amin’ny jentilisa? Andriamanitra ô! Nefa nanana ireo taonan’ny fiangonana izy ireo, ny Zanak’Andriamanitra; nefa noho ny saron’ireo anaram-piangonana sy ny rehetra ankehitriny, noho io saron’ny fombafomba io izay nananantsika nanomboka tamin’ny Pantekosta, noho ireo fahazaran’ny fiangonana izay samy efa rovitra, dia mbola izao ihany no lazain’ny olona: “Ireo andron’ny fahagagana dia efa lasa, ary ireo zavatra hafa”; Andriamanitra dia efa nanala ny fisaronan’izany rehetra izany, ary nabaribary teo imason’ny rehetra Izy, nefa izy ireo dia vonona ny hanombo Azy indray mandeha indray; [Nokapohin’ny Rahalahy Branham in-enina ny alitara-Mpandika.], mitovy tanteraka.

113 Ilay Andriamanitra voaseho, nabaribary eo imason’ny rehetra, tokony nahita Azy izy ireo, raha teo Izy. Kanefa tsotra loatra Izy, olona tahak’ireo hafa tsinona. Tsy afaka nahita an’Ilay Teo Aminy izy ireo. Hitanareo, teo nisy olona iray. “Eh eny”, hoy ireo, «io lehilahy io, sekoly taiza no nivoahany?» Kanefa, tadidionareo, rehefa tafiditra tao amin’ny Vatany ilay lefona, raha niala Taminy ny Fanahy, ny tempoly… ny toerana izay fanaovan’ny mpisorona fisoronana dia rava, ary ny tsela-baratra dia nikapoka tahaky ny karavasy teo amin’ny tempoly ary nandrovitra ny efitra lamba. Inona àry izany? Teo ilay Andriamaniny, niantona, teo kalvary, ary izy ireo dia jamba loatra ka tsy nahita Azy.

114 Nabaribary mba ho jeren’ny rehetra Izy, ary teo indray, mbola tsy nahita ny maha-Izy Azy ireo! Nohajambaina izy ireo. Andriamanitra, voasarona tao anatin’ny olombelona!

115 Mahatadidy hianareo, avy eo tonga tamin’i Paoly Izy, ary koa, sy tamin’i Petera, tao an-trano maizina, tamin’ny endrika Andry Afo. Tadidinareo ve izany? [Namaly ny fiangonana: “Amena” –Mpandika.]

116 Fa amin’ny andro farany, tsy maintsy hiverina indray Izy, fa ny Andry Afo dia tsy maintsy hiverina indray, mba haneho ny Zanak’olona, hitanareo, mba haneho ny Teny, ny Fahazavana. Ireo fombafomba, tamin’ny taloha, dia samy ho fongana. Ary tsy misy afaka hanakana an’Izany; ho tonga izany zavatra izany, na amin’ny fomba ahoana. Tena ho potehin’Andriamanitra tanteraka ireo anaram-piangonany sy ireo fombafombany.

Fanahy manao ahoana no hampiasainy hanao an’izany asa izany? Tahak’izay efa nataony tamin’ny voalohany. Jereonareo ny zavatra izay Nataony tamin’ny andron’i Elia, tamin’ny andron’i Jaona. «Aza manao anankam-po hoe ‘manana an’i Abrahama ho rainay izahay’, satria, amin’ireto

nilazany fa Izy no “nidina avy tany an-danitra”, ka “Izy-Tenany ihany no Teny”. Ary, tamin’io fotoana io, izany, dia henjana loatra ho an’ireo. Ka hoy ireo hoe: “Tsy misy olona afaka ny hahazo an’Izany”. Ary dia nandao Azy izy ireo. Ireo no ilay voafafy tamin’ny tsilo.

265 Toy izany ihany no mitranga: ao amin’ny fiangonana tsirairay, misy ireo mpino salan-tsalany, ireo tsy mino ary ireo mpino. Nisy an’izany foana, ny fiangonana tsirairay. Izany foana no hita. Ny sasany dia miseho tahaka ny tena mpino, izany, no tena karazany ratsy indrindra. Ary koa misy amin’ireo izay tena tsy mino; io, tsy hiteraka olana eo aminareo izy, mandeha fotsiny izy ka manivingivin-doha. Fa ireo izay toa mino, izay milaza fa ho mpino, io karazana io, io karazana io no ilaina araha-maso, ireo milaza ny tenany ho mpino. Ary koa misy ny mpino tena izy. Hitanareo izy telo, eo?

266 Nisy an’ireo tsy mpino tao. Ka raha vao nilaza Izy hoe: “Mihinana ny Nofon’ny Zanak’olona” oh, re olona ô, niaraka tamin’izany, dia tapitra!

267 Ireo sasany, ireo izay nilaza ny tenany ho mpino. Nijanona ireo mandrapahatongan’ny, tahak’izay nataon’i Jodasy, taloha kelin’ny farany.

268 Fa kosa, ireo tena mpino, ireo, tsy afaka ny nanazava Izany koa ireo, kanefa nino Izany foana. Nandroso hatramin’ny farany izy ireo.

269 Ny sarona, ny fombafomban’ireo tsy mino, esory, dia ho hitanareo Andriamanitra. Rehefa miala ireo saron’ny fombafomba, dia ho hitanareo fa Andriamanitra dia mbola Andriamanitry ny Teniny foana. Mbola mitazona ny Teniny Izy. Izy no-Izy no Andriamanitra, Mpanoratra ny Teniny.

Niafina Izy, tamin’ireo hafa, tao ambadiky ny fonosana hoditra. Eny, marina izany. Ho an’ireo izay tsy afaka ny hiditra ao ambadiky ny fisaronana, Izy dia mbola ao ambadik’ireo fonosana hoditra.

270 Marihonareo, koa isika-isika dia tokony ho Ampahany, satria hianareo no fonosana izay manarona Azy. Ampahany hianareo, raha toa ka ao anatinareo Kristy; tahaka an’i Kristy tamin’Andriamanitra, satria Andriamanitra dia tao Aminy, izay nahatonga Azy ho Andriamanitra. Ary koa Kristy ao anatinareo, fanantenan’ny Voninahitra, tokony ho ampahany amin’i Kristy hianareo: “Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa.” Hitanareo? Lasa ampahany amin’i Kristy hianareo, raha toa ka voafina ao anatinareo Kristy. Amin’izany fotoana izany, dia voasarona amin’ny tsy mino, kanefa fantatrareo fa ao anatinareo Izy. Hianareo no tempolin’i Kristy, izay ao ambadiky ny fisaronana, ny hoditra. Koa isika, noho… Ambadika, noho io fonosana io, mbola io sarona nofon’olombelona io, izay manafina an’Andriamanitra (ny Teny) amin’ny tsy mino.

271 Toy izay voasoratra, hitanareo: “Voasoratra, hianareo no epistily voasoratra”, hoy ny Baiboly. Kanefa, ny epistily, inona izany? Izany dia ny “teny voasoratra”. Ary hianareo no epistily “voasoratra”. Na koa, azo vakiana toy izao Izany: “Hianareo”, Izay voalaza, “hianareo no epistily voasoratra”, na “hianareo no Teny izay voasoratra, voaseho”, tsy afaka ampiana Izany. Tsy afaka hiteny hianareo hoe “Epistily voasoratra aho”, kanefa mbola miaina

259 Izy... Ny-Ny sarona dia efa nesorina tamin'ny Teny. Hitanareo? Marina izany. Efa voambara izany amin'ireo zaza madinika. Ny – ny sarona dia efa nesorina. Mahita ny zavatra Ao izy ireo. Ary ho tahaka izay efa voalaza indray mandeha… Marina izany. Koa ho tahaka izay efa voalaza indray mandeha: "Rehefa mahita hianareo," rehefa nesorina tamin'ny Teny io sarona io, ka ireo fombafomba dia nesorina tamin'ny Teny, toy izay voalazan'i Jesosy, indray mandeha, "raha mahita Ahy hianareo, dia mahita ny Ray" Hitanareo? Andriamanitra sy ny Teniny dia Iray. Ankehitriny azonareo? Rehefa voaseho ny Teny, inona izany? Hitanareo?

260 Hoy Jesosy "Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa… Nino an'Andriamanitra hianareo, mba minoa Ahy koa. Raha tsy manao ny asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy hianareo. Fa raha manao an'izany Aho, ireo asa ireo, Izaho sy ny Raiko, dia iray ihany. Raha mahita Ahy hianareo, dia nahita ny Ray"

261 Ary raha mahita ny Teny voaseho hianareo, dia mahita ny Ray, Andriamanitra, satria ny Teny dia ny Ray. Ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny voaseho, dia Andriamanitra Izy Tenany izay mandray ny Teniny ary maneho Izany amin'ireo mpino. Tsy misy afa-tsy ireo mpino ihany no afaka ny hamelona Izany, ireo mpino irery ihany. Izy dia tsy… Izy tsy…

262 Afaky ny handray ny vary hianareo ary hamboly izany ao anatin'ny-ao anatin'ny-ny karazana tany hafa, tsy haniry mihitsy izany. Fa, ny zava-misy, dia tsy maintsy misy karazana zezika ao anatin'ny tany, amin'ny fambolembary. Ary raha tsy misy ny-raha… raha ny zezika ao anatin'io tany io tsy-tsy, raha tsy namoa io vary io, mba hampiasa ilay zezika, tsy haniry mihitsy izy. Koa, amin'ny toerana izay hilatsahan'ny Teny, raha tsy latsaka ao anatin'ny fo izay efa voahomana Izany…

263 Nilaza an'izany Jesosy: "Ny sasany dia voafafy teny amoron-dàlana, tamin'ny toerana feno vato, ary avy ireo vorona, ka nandany azy". Avy teo nilaza Izy: "Ny sasany voafafy teny amin'ny tsilo sy ny songosongo, izay naniry ary nangeja azy", ireo fombafomba, ireo anaram-piangonana, ireo fiahiana an'izao fiainana izao no nanempotra Izany. Kanefa hoy Izy: "Ny sasany voafafy tamin'ny tany tsara, ary namoa avy zato heny", hoy Izy, "Izany, dia ny Fanjakan'Andriamanitra"

Zavatra mitovy ihany izany, hitanareo, tsy hino mihitsy ny sasany.

264 Ny sasany hino mandritry ny fotoana kely, tahaka ireo mpianatra. Nanaraka Azy izy ireo, betsaka tamin'ireo, ireo fito-polo dia nanaraka Azy aman-taonany, mba hijery ny amin'izany, iray taona sy tapany teo, na roa taona; mba hijery fotsiny ny fandehany, mandrapahatongan'izy ireo nahita zavatra iray tao Aminy, zavatra… toy ny, fomba izay Nananany, fahefana mba hanaovana ireo zavatra ireo, na, toy ny tongotra bitro, ataon'ny karazana mpanao fanova-maso, zavatra izay azony natao mba hahavitany ireo zavatra ireo, ahoana no ahafahany mahalala ny zavatra izay tao am-pon'ireo olona sy izay nieritreretin'ireo. Ary ny niafarany tamin'ny fahalalan'izy ireo ny

vato ireto, Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama.» Hitanareo? Aza mieritreritra akory hianareo hoe: «Satria efa mpikambana amin'ity aho sady efa mpikambana amin'iry koa aho.» Hitanareo? Andriamanitra, Izy dia mandrovitra ny fisaronana, hitanareo, mba haneho hoe iza moa Izy. Hitanareo? Dinihonareo ilay fisaronana, rehefa rovitra izany, eto, ankehitriny. Hitantsika ny maha izy an'izany, eto.

117 Eny, ary tamin'ny taloha, raha misy olona tafiditra tao anatin'io fisaronana io, tonga dia fahafatesana. Amin'izao fotoana izao dia fahafatesana ny tsy fidirana Ao! Amena. Raha tsy afaka hamotika an'io saron'ny fombafomba io hianareo, hamaky io rindrin'ny fampianaram-piangonana io, mba hahita an'Andriamanitra ao anatin'ny Heriny, dia fahafatesana izany. Kanefa tamin'izany fotoana izany, dia fahafatesana ny fidirana tao anaty, ankehitriny dia ny fijanonana aty ivelany no fahafatesana. Ny Alitara rehetra dia eo, nabaribary eo imason'ny rehetra, n'iza n'iza afaky ny mijery Azy, efa rovitra ny fisaronana. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Ny Alitara rehetra dia nabaribary ho azo jeren'ny rehetra.

118 Ahoana no ahafahan'Andriamanitra mamindra fo amin'ny mpanota ratsy tahaka antsika, raha niafina Izy, zava-miafina izany. Ary ankehitriny, dia nabaribary eo imason'ny rehetra Izany, na afaka hitan'ny rehetra, voaseho tamin'ny alalan'ny Teniny. Izany dia tsy maintsy Teny, izany foana, izay tsy iza fa Andriamanitra. Fa ny Teny no maneho ny zavatra. Raha mba nahalala ny Tenin'Andriamanitra mantsy ireo olona ireo, tamin'ny andro izay nahafatesan'i Jesosy, dia ho nahita ny Alitara ireo, ho nahita ny maha-Izy Azy izy ireo.

119 "Iza àry Izy-io? Nahoana no rovitra ny fisaronana?" Tsarovinareo, ny fidirana Tao, dia fahafatesana. Tsy nisy olona afaka ny nijery Azy. Nahita Azy Mosesy, tamin'ny endrika iray, izany dia tafio-… izany dia la-lamosin'olona iray. Eh eny, io Izy, ilay lamosina feno rà, ilay olona tsy miova! Inona àry no tamin'Izany? Andriamanitra te–haneho tamin'ireo ny Alitara. Andriamanitra te–haneho tamin'ireo hoe Iza moa Izy. Koa, ny saron'ny Tempoly, tamin'ny alalan'ny tànan'Andriamanitra, avy teny ambony, norovitiny izany teny ambony mandra-pahatongany tetsy ambany, izay nahatonga an'Andriamanitra ho voabaribary eo imason'ny rehetra. Jesosy Kristy izany, niantona teo amin'ny hazo fijaliana, ny Alitara. Ary Inona no nitranga? Ireo olona dia jamba loatra ka tsy afaka nahita Azy.

120 Ankehitriny, miverina indray mandeha indray izany zavatra izany, ireo fombafombany! Ny Teny, eo, izay tonga tamin'ny andro Pantekosta, ary izay tamin'ny endrika "Zanak'Andriamanitra". Ary namorona lamina ara-pivavahana izy ireo, tao Nicée, Roma. Ary, tena haingana, dia niampita tamin'ireo metodista, ireo batista, ireo presbiteriana, ireo pantekotista, sy ny rehetra. Izany dia fombafombam-piangonana, ka mahatonga ny olona tsy mahalala intsony ny toerana misy azy.

Kanefa, voninahitra ho an'Andriamanitra, nampanantena Izy, amin'ny

andro farany, ny amin'ny zavatra izay Hataony. Habaribariny ny Teniny ho eo imason'ny rehetra, voaseho eo anoloantsika indray mandeha indray, hitanareo, Izy no haneho Izany.

121 Raha mba nahafantatra ny Teny fotsiny izy ireo, dia ho nahalala ireo hoe Iza moa Jesosy. Raha mahafantatra ny Tenin'Andriamanitra ny olona iray, dia ho fantany ny amin'ny ora izay iainantsika sy ny zavatra izay eo andàlam-pandalovana. Mandà fotsiny izy ireo ny tsy hiaino an'izao Teny izao. Ireo fombafombany! Raha nahita ny zavatra toy izany koa ireo Jiosy, dia noho ny antony inona? Inona? Toa mba afaka nahita tsara ihany izy ireo, eny marina, satria ilay zavatra dia efa rovitra ary voaseho. Fa raha rovitra izany ka voaseho dia ho amin'ny tanjona iray.

122 Nahoana izao fifohazam-panahy izao no mbola mitohy ankehitriny? Ahoana no hananany fahombiazana? Ahoana no hazoany fitahiana? Tsy mampaninona ahy ireo hamaron'ny fakan-tahaka izay nivoaka avy tamin'izany, sy zavatra hafa koa, ary inona koa… Rehefa nivoaka i Mosesy, fikambanan'ireo olona isan-karazany no nivoaka niaraka taminy. Fa inona no antony nanaovana izany? Izany dia Jehovah Tenany mihitsy no manala ny fisaronan'Andriamanitra, mba hanehoana ny tsy fitovian'ny marina sy ny tsy marina. Iza amin'ireo, metodista, batista, presbiteriana, na iza, no ao amin'ny marina? Ny tenin'Andriamanitra ihany no marina! "Aoka Andriamanitra no ho marina, fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga." Tsy mila mpandika ny Teniny Andriamanitra. Izy Tenany ihany no manao fandikana ny Teniny. Tanterahiny Izany, ary… izany no manome ny dikany. Andriamanitra, izay Voaseho. Ô! La! La! Eo tanteraka, eo anivontsika, hitantsika ny Tànany lehibe izay manambara ireo zavatra ireo, izay manao ireo zavatra ireo.

123 Manana zavatra tenenina momba an'izany aho androany hariva, hitanareo, ny amin'ny fomba fanaraha-maso ny tànan'Andriamanitra, ny zavatra Ataon'ny Tànany. Ahoana no Fisehon'ny Tànany. Hitanareo?

124 Ary miteny ny olona: "Ô, fahadalana Izany. Finoanoam-poana izany, eny. Tsy misy vidiny izany. Fahadalana Izany. Belzeboba Izany. Devoly Izany. Zavatra momba an'Andriamanitra fotsiny izany. Izao izany." Hitanareo, mitovy tamin'ny zavatra izay nolazain'ireo mikasika an'Azy.

125 Ô ry Fiangonana, ary raha avela hivoaka ity horonam-peo ity, tsy afaka hahita ve hianareo, ry mpitory Filazantsara, fotoana manao ahoana no ivelomanareo? Tsy afaky ny hahita ve hianareo ny amin'ny ora izay misy antsika? Andriamanitra, izay maneho ny maha-Izy Azy, Izay manavaka ankilany… Jereonareo, ilay saron'ny Tempoly, nozarainy roa izany, mba hahafahan'izy ireo mahita an'Andriamanitra, voaseho ho jeren'ny rehetra, fa tena jamba loatra ireo ka tsy nahita Azy. Ary nanao toy izany koa Izy ankehitriny, tamin'ny fanehoana ny Teniny teo anatrehan'ny rehetra, ny zavatra izay efa Nampanantenainy. Ny Teny fampanantenana tsirairay, eo anatrehintsika mihitsy, mibaribary eo imason'ny rehetra.

126 Fantatrareo ve ny ataon'ny fiangonana ao amin'ny jentilisa? Mitovy

mirehitra, ary nandrovitra ilay fisaronana avy teny ambony ka hatrany ambany. Izany ihany no Ataony, mbola izany Sabatra izany ihany, ankehitriny! Tsy hoe "ny fampianarako, ny bokim-pampianarako, ny-ny katesiziko", fa ny Sabatrin'ny Tompo, hitanareo, rovitiny roa ny sarona, ary hitanareo Andriamanitra voabaribary amin'ny fijery rehetra, voaseho ao amin'ny Teniny. Fampisehoana be voninahitra toy inona izay tokony banjinina izany! Hitanareo? Eny. Ny Fanahy Masin'Andriamanitra sy ny Afo, ny Sabany, no mandrovitra ny fisaronana; ny Teny no mandrovitra ny saron'ny anaram-piangonana.

254 Eny àry, ary raha manonona "ny Teny" fotsiny hianareo, nefa tsy misy fiantraikany ny Teny? Inona no ilaina ny fananana Sabatra eto, ary hiteny hoe: "Tsy afaka handrovitra Izany"? Manao hoe: "Han!", nefa tsy naharovitra akory izany?

255 Kanefa raha apetrako eny ambony ity Sabatr'Andriamanitra ity, jereonareo ny fandrovitany, izy dia-izy dia tazomin'ny tànana izay efa voatokana sy nirahina mba hanao an'izany. Hitanareo, rovitiny roa ny fisaronana, ary indreo, eo Izy. Eo, afaka ny hita Andriamanitra, mazava tsara, voabaribary eo imaso, ilay Jehovah lehibe. Teniny voaseho izany, ny ampahany izay nampanantenaina ho an'ny andro izay voalaza. Moa ve azonareo? Hitanareo? Raha ny Sabatra, izay nampanantenaina ankehitriny, izay tokony ho tonga amin'izao andro izao, ka mandray ny Sabany Andriamanitra sady mandrovitra ny saron'anaram-piangonana ho roa sy manokatra an'izany, ary voaseho Izy no sady mampiseho fa eo, mbola io Andry Afo io ihany. Marihonareo: izany, dia ny Teny voaseho, ho an'ireo fampanantenana amin'ny ankehitriny.

256 Mahita Azy isika tahaka an'i Petera, raha nilaza izy hoe: "Tompo ô, ho amin'iza koa moa izahay, rehefa avy nahitana an'Izao?" Handeha aiza izahay? Fiangonana manao ahoana no mety hidiranay, rehefa tafiditra tato izahay tamin'ny alalan'ny fahaterahana? Hitanareo? Inona no azonareo… Anaram-piangonana manao ahoana no mety hikambananareo, taorian'ny nahafantaranareo ireto Fahamarinana ireto, hitanareo, kanefa, ny rehetra, samy mandà Izany? Izy rehetra! Tsy mahafantatra aho na iray aza mba afaka ny hiteny na hanao n'inona n'inona mba hanindry mafy an'Izao. Marina. Tena marina izany.

257 Raha nanomboka an'ireo famangiako aho, teo, fiangonana roa amby efa-polo no tokony hanatrika ny fivoriana tamin'ny faritra iray, ary rehefa tonga aho, tsy nanana na dia ny iray tamin'ireo intsony aza. Izy rehetra, nanao hoe: "Mino ny amin'ny antoka Mandrakizay izy." Izay nanintsana ireo 'legalista'. Hoy ny iray: "Manao batisa amin'ny anaran'i Jesosy izy" Izay nanala ny hafa rehetra, hitanareo, hoy koa ny iray tamin'ireo: "Mino ny taranaky ny menarana izy. Ny menarana dia tsy manana taranaka!" Izay…

258 Hoy ny Baiboly: "Hampifandrefesiko ny Taranany sy ny taranaky ny menarana." Hitanareo ve izany?

Ao Aminy isika. Ankehitriny dia mahazo tombony ny amin'izany isika. Ankehitriny dia mibanjina Azy isika. Mahita Azy isika izao, ny Teny, voaseho Izy. Izany dia voafina amin'ireo any ivelany, (nahoana?) satria voafina ao anatin'ny nofon'olombelona Izany. Hitanareo?

246 Ô, hoy ireo: "Ireto antokon'olona ireto, taiza ny sekoly nalehan'izy ireo? Inona-inona no fahalalana mba hananan'ireo? Aiza, avy-avy taiza no nivoahan'izy ireo? Mba inona-inona-inona no antoko misy an'izy ireo?" Hitanareo? Ah! Hitanareo, tsy mahalala izy ireo.

247 Nisy olona niteny tamin'ny olona iray, indray andro, hoy izy: "Ny fomba hahatongavana ho kristiana dia tsy maintsy tafiditra mpikambana amin'ny anaram-piangonana."

248 Hoy kosa izy: "Kristiana aho, tsy mpikambana na dia ny iray amin'ireny aza aho." Ah. Hoy izy: "Nesorin'Andriamanitra ny homa-miadana tao amiko." Hoy izy: "Ankehitriny inona no hevitrao ny amin'izany?" Mpitsabo izy io. Dia hoy izy: "Asehoy ahy iza amin'ireo anaram-piangonana no mahavita an'izany." Hitanareo? Eny àry. Hitanareo? Mbola voasarona ihany.

249 Ao anatin'i Kristy isika. Ankehitriny, toy ny tamin'izany andro izany, ireo tena mpino dia mahita Azy, Izy, ny Teny nampanantenaina ho amin'izany andro izany, miseho ankalalahana. Fanambarana lehibe izany, raha mba afaka ny ho vorainareo. Hitanareo? Hitanareo? Ireo rehetra tena mpino, izay ao amin'ny Teny, dia mahita an'Andriamanitra ankalalahana. Efa rovitra ny fisaronana, ary mitsangana eo Andriamanitra, ankalalahana, eo anoloanareo, voaseho. Hitanareo? Andriamanitra, voaseho, ankalalahana.

250 Mba hanatanterahana izany, ny sarom-pombafomban'ireo anaram-piangonantsika taloha dia tsy maintsy rovitina, indray. Mba hahafahana tena mahita ny amin'Izany, tsy maintsy mivoaka eo anivon'ireo zavatra ireo hianareo. Hitanareo? Tsy ho tonga any mihitsy hianareo, ho sintoniny io sarona io ho eo anoloanareo, tsy mijanona, isaky ny mihetsika: "Ô, tsy misy zavatra marina Ao." Nefa voasoratra ato Izany, ary koa voaseho eto, Hitanareo. Hitanareo?

251 Ankehitriny, inona no lazaina ho an'ny olona iray izay mandà ny hijery masoandro, izay hilaza hoe: "Ô, fantatro fa hoy Andriamanitra hoe, teo: 'Aoka hisy mazava', kanefa tsy misy an'izany, izay. Handeha hidina any ambanin'ny lavaka aho. Izaho-izaho dia mandà tanteraka ny hijery izany"? Adala izany olona izany. Misy zavatra tsy milamina ao aminy.

252 Misy zavatra tsy milamina ao amin'ny lehilahy iray na vehivavy iray izay afaka mahita ny fampanantenan'Andriamanitra ary, afaka mahita Azy voaseho, nefa mandà avy eo ny hino Izany satria ny anaram-piangonana mandatsaka ilay fisaronana. Hitanareo, voasarona!

253 Mba hanatanterahana izany, ireo saron'ny fombafomban'ireo anaram-piangonantsika dia tsy maintsy ho rovitina, amin'ny alalan'ny Afon'ny Fanahin'Andriamanitra sy ny Sabany, izay Teniny. Ny Teniny dia Sabany hatrany. Hitanareo? Tamin'izany andro izany, nandray ny Sabany Izy,

tamin'ny zavatra izay nataon'ny fiangona jiosy: jamba loatra tamin'ny fahitana Azy, izay fotsiny. Ny fisalobonana dia efa nanarona ny fon'ireo, tahaka ny tamin'izany andro izany.

127 Marihonareo, fa ny fanalavirana an'Izany ankehitriny, dia fahafatesana. Tokony hiditra ao hianareo avy amin'ny alalan'io fisaronana io, raha tsy izany dia tsy ho tafiditra ao hianareo. Andriamanitra, izay afaka ny namindra fo tamin'ireo, nefa tadidionareo ny amin'izany zavatra izany: Andriamanitra maneho ankehitriny ny zavatra izay tao ambadik'io fisaronana io. Jereonareo tsara ny tao ambadik'ilay fisaronana: ny Teny! Inona no zavatra nafeniny? Ny Teny! Inona izany? Tao anatin'ny fiaran'ny fanekena Izany. Ny Teny no nafenin'io fisaronana io. Hitanareo? Ary Jesosy io Teny io, ary Izy no Teny, ary ny saron'ny Nofony no nanafina azy.

128 Ary ankehitriny, mbola ny saron'ny fombafomba indray no manafina ny Teny, milaza ireo hoe: "Tsy marina izany." Kanefa tena marina izany! Andriamanitra no vavolombelon'izany, Izy no mampiely ny maha-Izy Azy, mamirapiratra tahaka ny masoandro, eo anatrehan'ny rehetra, ary tsy hitan'ireo Izy. Andriamanitra ô, enga anie mba hamindra fo aminay Hianao.

129 Ny tandindon'izany, Mosesy izay, rehefa avy teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, niverina niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra ho an'izany taona izany. Ankehitriny jereonareo tsara, eto, ao amin'ny Eksodosy 19 isika. Ankehitriny aza diso an'izao hianareo. Eksodosy 19, Mosesy izay niverina, rehefa avy teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, na 20 sy 21, 19.20 ary 21. Mosesy izay niverina, rehefa avy teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Niditra tao anatin'ny Teny izy. Voasoratra ny Teny. Ary izy, teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, niaraka tamin'ny Teny, izy no nanana ny Teny ho an'izany taona izany. Fa misy ampahan'ny Teny foana isaky ny taona tsirairay. Ary rehefa tonga i Mosesy, tena namirapiratra loatra ny tavany! Hitanareo? Tao anatiny ny Teny, vonona ny ho voaseho, mba homena ny vahoaka.

130 Ny tena Teny, Andriamanitra no nanoratra Izany, ary niaraka tamin'i Mosesy Izany. Marihonareo, niaraka tamin'i Mosesy Izany no sady vonona ny hiseho koa. Izy no Teny ho an'ireo, izy no Teny velona, voàfina. Nisalobona izy, tsy maintsy nanao fisalobonana tamin'ny tavany i Mosesy. Nahoana? Izy no ilay Teny. Amena. Raha mbola tsy voalaza amin'ny olona ilay Teny, dia tsy maintsy nisalobona foana i Mosesy. Amena!

Hitanareo ve izany? Ny Teny, n'aiza n'aiza no misy Azy, voasarona foana Izany.

131 Mosesy no nanana ny Teny. Ankehitriny tsarovinareo, rehefa vita ny fisehoan'ny Teny, niverina tamin'ny maha-Mosesy azy indray i Mosesy. Hitanareo? Fa raha mbola tao aminy ny Teny, mba hatolotra, dia Andriamanitra izy; eny, tsy Mosesy intsony izy. Izy no nanana ny Tenin'ny Tompo ho an'izany taona izany. Tsy nisy zavatra afaka nikasika azy, mandrapahatapitr'izany; nanana an'ilay Teny izy niaraka taminy. Ary, noho izany,

rehefa tonga izy, dia nanodina ny lohany ireo olona; tsy nahazo an'izany izy ireo. Niova izy ireo. Fa olona hafa io. Tonga niaraka Tamin'ny Teny izy. "Ary nanao fisalobonana izy", ny Baiboly miteny, "teo amin'ny tavany", satria nanana ny Teny izy. Ary izy no Teny ho an'ireo.

132 Ankehitriny jereonareo, raha Mosesy… Ô ry Rahalahy, mety hanidrona izao. Kanefa Mosesy raha… Tahak'izay nolazain'i Paoly eto, ao amin'ny II.Koritiana, toko faha–3. Raha tsy maintsy nanarona ny tavany Mosesy, niaraka tamin'ny Voninahitra toy izany teo aminy; hitanareo, fa satria momba ny amin'ny voninahitra natioraly izany, teo dia momba ny amin'ny lalàna natioraly izany. Ary raha Mosesy, raha nahafantatra fa hihalevona izany lalàna izany, kanefa lehibe loatra ny Voninahitra ka nanajamba ireo olona, noho izany dia tokony nanao fisalobonana ireo tamin'ny tavany, manatombo Izany ankehitriny? Ireo olona jamba ara-panahy! Eny. Nandalo iny Voninahitra iny, fa ity Voninahitra ity dia mitoetra. Hitanareo? Nanana ireo lalàna ara-nofo Mosesy, ny fanamelohana, tsy nisy fahasoavana, na hafa koa; nanameloka anareo izany, dia izay. Nefa Ity, izay lazaintsika… Tsy nisy famelan-keloka na iray aza tao amin'Ilay anankiray, milaza ny zavatra izay nataonareo fotsiny no nataony. Fa Ity iray Ity kosa dia manome anareo ny fomba mba hivoahana amin'izany.

133 Ary rehefa voaseho io Teny io, ô! La ! la ! karazana tarehy manao ahoana no asehon'Izany? Tsy maintsy voasarona Izany. Tsy maintsy saromana Izany. Ankehitriny dia marihonareo. Noho izany, ny Fanahy Masina dia voasarona tao anatin'ny tempoly olona, hitanareo, nanao izany Izy mba hanonona ireo teny natioraly amin'ny alalan'ny fisaronana natioraly.

134 Ankehitriny, Paoly no miteny eto, eo, ary amin'io dikany io, ny Teny-Fanahy: "Mpanompo izahay, tsy amin'ny soratra, amin'ny lalàna, fa efa natao ho mpanompo amin'ny Fanahy", ny Fanahy, izay mandray ny soratra ary maneho an'izany.

135 Izany, dia lalàna fotsiny, izay tokony hotandremana, izay nilaza hoe: «Aza mijangajanga, aza mangalatra. Aza mandainga. Aza manao ity, na izao na zavatra hafa.» Azonareo? Tsy maintsy notandremana izany.

136 Fa ity kosa, dia Fanahy, izay tonga amin'ny Teny nampanantenaina ho an'izao taona izao, ary misy vokany sy miseho, tsy vato fisaka roa, fa ny Fanatrehan'Andriamanitra velona. Tsy hoe angano-angano ara-tsaina izay notefen'ny olona iray, na toy ny Houdini iray, na fihetsiketsehana, fa fampanantenan'Andriamanitra mihitsy, voambara ary voaseho eo anatrehintsika. Ao ambadiky ny sarona toy inona àry no hisy azy? Ary ny-ny very an'izany…

137 Hitanareo, izany dia tena lehibe ka na dia ireo olona aza niteny, nilaza izy ireo, rehefa nahita an'i Jehovah nidina tao anatin'ilay Andry Afo, ary raha nanozongozona ny tany Izy, sy-sy ireo zavatra izay Nataony, sy ny tendrombohitra izay nirehitra afo. Ary na dia, n'iza n'iza olona nanandrana ny nanatona an'io tendrombohitra io dia levona. Tena nahagaga loatra izany ka

238 Marihonareo, ny voninahitra rehetra izay ao amin'Andriamanitra dia ao anatin'ny Teny. Ny fitahiana rehetra izay ao amin'Andriamanitra dia ao anatin'ny Teny. Voafina amin'ny tsy mino izany amin'ny alalan'ireo fombafomba. Hitanareo ve ny tiako lazaina? Fa izany rehetra izany dia ao amin'i Kristy. Ny maha-Izy an'Andrimanitra rehetra, nirotsaka Izy, "Kenos", ary niditra tao amin'i Kristy Izy, ary isika, izay ao amin'i Kristy, dia ao ambadiky ny fisaronana.

239 "Eny àry, ao amin'i Kristy aho", hoy hianareo. Ary rehefa avy eo hianareo dia mino fa misy Andriamanitra telo? Manao batisa amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka ary Fanahy Masina?" Mino an'ireo fombafomba rehetra ireo hianareo, sy ireo finoanoam-poana rehetra izay anananareo, avy amin'ny razana? Tsia, mbola ivelan'ny fisaronana hianareo. Hitanareo? Midira ao anatin'ilay fisaronana. Izy, Kristy, dia ny Teny.

240 "Ahoana? Tsy mino ny amin'ny fanasitranan'Andriamanitra aho. Tsy mino an'ireo fahagagana ireo aho, sy ireo zavatra toy Izany."

241 Eny àry, hitanareo, hianareo-hianareo dia tsy ao anaty, anatin'ilay fisaronana. Tsy misy zavatra fantatrareo Ao. Hitanareo? Kristy dia Teny! Ary raha ao anatin'ny Teny isika, dia ao amin'i Kristy izany. Ary ahoana no ilazako fa ao amin'i Kristy aho, nefa mandà an'i Kristy? Fa Izy no nilaza: "Tsy azo anampiana na dia litera iray aza Ao, ary tsy azo anesorana koa Izany." Koa, ahoana no ahafahanareo manala sy manampy? Hitanareo, izany dia maneho hoe fisaronana manao ahoana no mandrakotra anareo. Hitanareo?

242 Isika, ao Aminy! Avy eo, isika, satria ao Aminy, eo koa isika dia voafina amin'ireo olona mpivavaka sy ireo mpampianatr'izao tontolo izao. Hitanareo, ny Voninahitsika, izay ananantsika sy izay tiantsika, eo koa isika dia voafina amin'ireo any ivelany. Mihevitra izy ireo fa "adala" isika, io indray ilay "misy fahavoazana". Hitanareo? Hitanareo? Marina izany. Fa isika izay ao anaty, eto, ao amin'i Kristy, tafiditra ao Aminy amin'ny alalan'ny batisa (I.Korintiana 12), tafiditra ao Aminy, mpiray amin'io Voninahitra io isika. Hitanareo? Fa tsy hoe raha mbola aty ivelany: mijery ao anaty fotsiny hianareo, no sady mandà an'Izany. Hitanareo?

243 Noho izany, ankehitriny asaina isika rehetra mba hiditra ao Aminy, mba ho mpiray amin'ny maha-Izy Azy rehetra. Asaina isika rehetra mba hiditra ao Aminy, ary miafina amin'ny tsy mino izany zavatra izany, amin'ny alalan'ny sarona nofon'olombelona. Hitanareo? Mahalala an'io Voninahitra io izy ireo, mamaky ny amin'izay voalaza Ao, Izany dia ao amin'ny Teny, eto, "Ny Voninahitr'Andriamanitra", sy ny sisa. Ho an'ireo, dia teny tsotra izany. Fa ho antsika, dia fanehoana izany! Hitanareo? Tsy hoe teny intsony izany, fa zavatra azo tsapaina! Amena! [Rahalahy Branham niteha-tànana-Mpandika.]

244 Hoy Andriamanitra: "Aoka hisy mazava", izany, dia ny teny. Fa ankehitriny dia eo ny fahazavana. Tsy teny intsony izany, fa fahazavana. Hitanareo ve ny tiako holazaina?

245 Koa, ho antsika, dia tsy Teny voasoratra fotsiny izany, fa fahatanterahana.

Shekinah. Kanefa nafenina azy ireo Izany rehetra Izany. Niafina Izany zavatra rehetra Izany. Ny Voninahitr'Andriamanitra rehetra dia tao, ambadik'io hodi-biby taloha io, marina izany, izany rehetra izany dia voafina tamin'ny maso ara-nofo.

232 Mitovy amin'izany ankehitriny. Lazaina izy ireo fa: "Misy fahavoazana, mino mino foana," kanefa izy ireo tsy mahalala akory izay miafina ao ambadika. Izay no tsy fantatr'ireo. Hitanareo?

233 Koa, raha Andriamanitra, tao amin'ny Famindram-pony, no nandrovitra ny fisaronana mba ahafahan'izy ireo mahita, tena voatelin'ireo fombafombany loatra ireo ka… lasa voafina amin'ireo indray izany, ary mbola toy izany ihany ankehitriny.

234 Mitovy amin'izany ankehitriny! Ny Voninahitra, ny Herin'ny Fanahy Masina, ny Voninahitry ny Shekinah izay tonga eo amin'ny mpino, -miresaka ny tena mpino aho, eto, -izay mamokatra ny asan'Andiamanitra ary izay mampiditra ao aminy ny finoana, mba hahafahany mino ny Tenin'Andriamanitra, izany rehetra izany, dia voafina amin'ny mason'ireo olona ireo. Milaza ireo hoe: "Ireo zavatra ireo, dia efa lasa." Hitanareo, mbola mivelona ao ambadiky ny fisaronana izy ireo.

Tsy ambadik'io fisaronana io intsony hianareo, ry Zaza madinika, Andriamanitra dia efa nabaribary ho hitanareo rehetra.

235 Indray andro, Rahalahy Fred Sothmann, Rahalahy Tom Simpson … tsy fantatro na tonga ihany izy na tsia. Betsaka izahay tamin'ny fiangonana batista iray, ary ilay mpitoriteny dia nilaza zavatra izay mba nahafinaritra. Niteny izahay rehetra hoe: "Amena!" Ny rehetra, tao amin'ny fiangonana, nitraka, nitodika taty aoriana izy rehetra. Hitanareo! Hitanareo! Nahazo sombintsombiny kely izahay izay nivoaka avy tao ambadiky ny Shekinah, teo, fantatrareo, ary faly kely izahay raha nahazo izany. Hoy izahay, amin'ny fomba hafa: "Misaotra, Tompo ô! Hitanareo? Ary, tamin'izany fotoana izany, voasarona loatra ireo olona ireo ka nihomehy fotsiny. Tsy nahalala Izany zavatra Izany izy ireo. Hitanareo? Mbola voasarona izy ireo. Noho izany, ny sasany dia ao anaty, ary ny sasany kosa dia any ivelany. Noho izany… Kanefa Andriamanitra dia eo imasontsika rehetra, voafina. Mitovy amin'izany ankehitriny.

236 Koa, Andriamanitra, tao amin'ny Famindram-pony, raha nandrovitra ny fisaronana, teo dia voabaribary imason'ny rehetra Izy. Fa izy ireo dia voatelin'ny fombafombany loatra ka tonga voafina teo imasony indray Izy.

Mitovy amin'izany ankehitriny! Ireo voninahitra rehetra ireo, voafina, dia voafina ho antsika ao amin'i Kristy, ny Teny, izay Tempolin-tsika.

237 Ô, ankehitriny, tsy maintsy miditra lalina kely aho, eto. Mamela ahy hianareo amin'ny fihentseham-po betsaka amin'izao maraina izao, kanefa, ô, efa ela no nananako-tao am-poko no hitondra an' izao, za… mirehitra ato anatiko izany. Hitanareo?

na dia Mosesy aza dia nangovitra nanoloana ny hozongozona. Koa, raha tsy nanozongozona afa-tsy ny tendrombohitra Izy tamin'izany, amin'izao kosa dia ho hozongozonony ny tany sy ny lanitra.

138 Ahoana kosa ny amin'izao Voninahitra izao? Raha voasarona tamin'ny alalan'ny fisalobonana natioraly ny tamin'izany, ny amin'izao dia tena… voasarona amin'ny alalan'ny fisalobonana ara-panahy. Koa noho izany, aza mitady ny hijery ny natioraly hianareo; fa midira hianareo ao amin'ny Fanahy, ary jereonareo hoe aiza no misy anareo, jereonareo hoe ora manao ahoana no iainanareo.

139 Mba misy dikany ve izany, aminareo? Hitanareo, fisalobonana ara-panahy no eo amin'ireo olona, ny milaza: "Metodista aho, izaho koa tsara mihoatra ny hafa. Batista aho. Pantekotista aho." Tsy tsapanareo akory ve fa izany zavatra izany dia saron'ny fombafomba? Manakona an'Andriamanitra eo aminareo izany. Ireo zavatra ireo no manakana anareo ny ankasitraka tanteraka...

Ô, miteny hianareo hoe: "Mikiakiaka no sady mitsambikimbikina aho".

140 Nilaza Izy hoe: "Teny rehetra!" Tandremo fa Eva dia mba nino ny Teny rehetra, afa-tsy ny iray ihany. Hitanareo? Izany dia Tenin'Andriamanitra rehetra, ny fampanantenana amin'izao ora izao, izay miseho. Hitanareo?

141 Ankehitriny marihonareo, mbola hitohy handroso isika. Manana zavatra betsaka holazaina aho, eto, kanefa, amina-roapolo ny pejy ananako, nefa… ny-ny fanamarihana, kanefa tsy-tsy hanome an'izy rehetra aho. Hitanareo, fa handeha malakilaky aho.

142 Niafina izy, voasaron'ny fisalobonana natioraly, alohan'ny ahafahana manonona ny Teny amin'ireo olona. Ankehitriny, tsy maintsy voasarona Andriamanitra, toy izay efa nampanantenainy, ao anatin'ny nofon'olombelona. Andriamanitra! Azonareo ve? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.] Andriamanitra dia tsy maintsy voasarona ao anatin'ny nofon'olombelona-ary manisy fisalobonana ara-panahy eo amin'ireo (amin'ny filazany hoe: "Eh tsara, izaho kosa dia izao, ary izaho dia efa toy izao") -mba hahafahana miteny amin'ireo olona. Raha io fisaronana io, izay saron'ny fombafomba, no rovitra, dia… saingy izao hoy ireo: "Eny eh, ireo andron'ny fahagagana dia efa lasa."

143 Nisy olona iray niteny tamiko indray andro, ny-ny mpitoriteny Batista kely iray, tany, tonga izy nitady ahy, Rahalahy Green, ary nilaza izy: "Rahalahy Branham, ity misy zavatra izay mba anakianako anareo." Hoy izy: "Miezaka hianareo hitondra ny olona amin'..." Izany dia tao amin'ny fitoerana fisakafoanana tao Ramada, raha nanao fivoriana tany izahay. Nilaza izy: "Miezaka hianareo ny hitondra ny olona hino ny amin'ny taona apostolika, ny hiveloman'ireo ankehitriny toy ny tamin'ny taona apostolika." Hoy ihany izy: "Ny taona apostolika dia tapitra niaraka tamin'ireo apostoly."

Niteny aho: "Ah marina ve?
-Eny"

Niteny aho: “Iza no mpitondra ny Teny tamin’ny taona apostolika?”

Nilaza izy: “Ny apostoly roa ambin’ny folo tao amin’ny efitra ambony.”

144 Niteny aho: «Raha izany, tsy ao anatiny i Paoly.» Hoy ihany aho: “Ny mpitondra teny, dia Petera. Ary hoy Petera, tamin’ny andro Pantekosta, raha nahita ny zavatra rehetra izay nitranga ny olona, sy ny Fanahy Masina izay niasa, dia hoy izy: ‘Fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an’izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin’I Jehovah Andriamanitra hanatona Azy.’ Raha mbola miantso Izy, dia mbola eto izany zavatra izany. Oviana àry no nifarana ny taona apostolika? Mifarana ny taona Apostolika raha mijanona amin’ny fiantsony Andriamanitra.” Tsy nahaloa-bava izy, fa nandray ny satrony fotsiny dia lasa.

145 Tsy maintsy amin’ny alalan’ny Teny. Amin’ny Alalan’ny Teny. Hoy Jesosy tamin’ny satana: “Fa voasoratra hoe.” Hitanareo? Izany ihany: “Fa voasoratra hoe.”

146 Nilaza aho: “Petera nilaza fa tsy hifarana mihitsy izany. Na iza na iza hantsoin’ny Tompo, io Fitahiana io dia ho an’ireo. Ankehitriny dia miteny hianareo hoe: “Tapitra izany.” Oviana àry?

-Tsy misy alahelo tavela?”

Niteny aho: “Tsia, ramose, tena tsy misy. Ndeha àry.” Eny. Hitanareo?

147 Petera nilaza fa ho an’izay rehetra hantsoin’Andriamanitra, fa izy ireo no handray Fitahiana mitovy tamin’ny apostoly. Izany, dia-dia Tenin’ny Tompo. Hitanareo?

148 Ankehitriny, ilay fisalobonana natioraly. Andriamanitra, ny Teny, voasarona ao anatin’ny nofon’olombelona. Inona àry izany? Andriamanitra dia voasarona tao anatin’i Mosesy. Andriamanitra dia tao amin’i Mosesy, voasarona, ary ny fanatrehan’Andriamanitra dia tao aminy. Niaraka tamin’io Teny io tao aminy, toy izany, tonga tanteraka loatra izy ka tsy maintsy nisaron-tava. Izy dia mpaminany nohamarinina, izay naneho ny Teny sy nilaza tamin’ireo hoe: “Tsy mahazo manao an’izao hianao! Izao no ataonao! Ary tsy mahazo manao an’izao hianao!” hitanareo?

149 Mba handefasany ny Teniny ho an’io taranaka io, dia voasarona tao anatin’ny olombelona Izy, raha tsy izany dia nanajamba na dia ireo izay nantsoina hivoaka aza ny Teny. Hitanareo? Na dia ireo olona izay teo aza, dia tsy nahatanty ny nijery an’izany. Ao amin’ny-amin’ny Eksodosy, izay hitantsika, nilaza izy ireo hoe: “Aoka Mosesy no hiteny, fa tsy Andriamanitra.” Hitanareo ny antony tsy nisehoan’ny Andry Afo matetika intsony? Hitanareo?

150 Nilaza Andriamanitra. «Izany no ha-ha-hataoko. Hanangana Mpaminany ho an’ireo Aho.» Amena! “Hanangana iray ho an’ireo aho.” Ary dia tonga Izy, mifanaraka tsara. “Hanangana Aho, ary Izy dia hanana, ho Teny Izy”

151 Niteny Izy hoe: “Raha te-hahita ny amin’ny Teny izy ireo…” Hoy Izy: “Ankehitriny, ry Mosesy, efa niseho taminao Aho, teo amin’ny roimemy afo.”

224 Hoy izy: “Raby ô, Hianao no Zanak’Andriamanitra. Hianao no Mpanjakan’ny Isiraely.”

225 Marina fa, nisy ireo izay nitsangana teo, izay nilaza fa: “Belzeboba Io.” Hitanareo? Inona no nataon’Izany? Nanokatra ny mason’iray, nanajamba ny an’ny hafa. Inona no nolazain’ireo mpisorona? “Hitantsika, io Lehilahy io, belzeboba io!”

226 Ary ilay vehivavy kely: “Fantatro fa ho tonga ny Mesia, Izay antsoina hoe Voahosotra. Hitanao, ilay Voahosotra dia ho tonga. Tsy nanana mpaminany izahay… Tsy maintsy mpaminany Hianao. Kanefa ilay Voahosotra dia ho tonga. Miandry Azy izahay. Izany dia andro farany ho an’ireo jentilisa… na, ho an’ireo Jiosy.” Hoy ravehivavy: “Andro farany izany.” Hitanareo, ireo Samaritana koa mba niandry ny fahatongavan’ny Mesia toy ireo Jiosy. Hitanareo? Hoy izy: “Izao ny fotoana izay tokony hisehoany. Fantatray fa rehefa tonga Izy, dia hanao izany zavatra izany. Hilaza zavatra aminay toy izany Izy.”

Hoy Izy: “Izaho no Izy”

Nisokatra ireo masony; fa ny mpitandro filaminana … ireo pretra dia nohajambaina.

227 Izany foana no ataon’ny Filazantsara: Manokatra ny mason’ny sasany Izy, manambara ny fahamarinana amin’ireo, kanefa kosa manajamba ireo hafa Izany; manana fitodika roa Izany. Ny sasany, raha mandefa fijery amin’Ilay Zanaka, dia ho lasa jamba; ireo hafa, ny fanaovana an’izany, no hatonga azy handeha hiaraka Aminy. Izany no tsy fitoviana.

228 Tahak’izany ny zavatra nitranga tamin’ny taona rehetra, Andriamanitra voasarona tao anatin’ny nofon’olombelona. Marihonareo, izany no zavatra Nataony. Ireo mpaminany, dia ny maha an’Andriamanitra, voasarona. Izy ireo no Tenin’Andriamanitra (tsy marina ve?) voasarona tao anatin’ny nofon’olombelona. Noho izany, tsy nitandrina koa izy ireo na dia tamin’i Mosesintsika aza, hitanareo, Jesosy.

229 Marihonareo, voasarona tao ambadik’ireo hodi-biby tao anatin’ny tempoly taloha, nisy ny Teny tao, nisy ny Teny voaseho teo amin’ireo vato fisaka.

230 Ankehitriny, hiezaka aho ny hijanona ao anatin’ny roa-polo minitra, eto, raha azo atao, mba hahafahana mamarana amin’ny iraikambin’ny folo ora sy sasany. Marihonareo, raha mahatsikaritra hianareo, namadika ireo pejy aho, eto, hitanareo, mba tsy ho… mba tsy ho... Fintiniko izany… mba tsy ho lava loatra. Fantatro fa mafana hianareo, sady reraka.

231 Teo ambadik’ilay tempoly taloha, tao anatin’ny fisaronana, inona no nisy tao ambadika tao? Jehovah, inona izany? Inona no niafina tao ambadika tao? Inona no nafenin’ilay fisaronana? Ô! Haleloia! Inona no nafenin’ilay fisaronana? Nanafina ny Teny izany. Ny fisaronana, hodi-biby taloha, nanafina, nanafina ny Teny teo amin’ireo maso ara-nofo. Tao ambadika tao koa, dia nisy ny mofo aseho. Tao ambadika tao koa, no nisy ny Voninahitry ny

218 Ary hoy ingahy Goliata: “Mandefa alika ve hianareo mba hiady amiko?” Hoy izy: “Hotsindromiko amin’ny lefona hianao ary hahantoko eo ny fatinao, avela ho lanin’ny vorona.”

219 Hoy Davida: “Hianao manatona ahy ry filistina, amin’ny sabatra sy ny lefona, fa izaho kosa, manatona anao amin’ny anaran’i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely.” Jereonareo tsara ilay mpaminany, Davida, hoy izy: “Anio no hanapahako ny lohanao hiala amin’ny sorokao.” Amena, ô! La la! Fantany tsara izay nananany, hoe Iza no ninoany, ary nananany ny fandresen-dahatra tanteraka fa Izy io no manana hery hiaro ny ainy. Hitanareo? N’inona n’inona zavatra niseho, noho izany, dia tanteraka ilay zavatra.

220 Ilay fiteny taloha: «Ireo andron’ny fahagagana dia efa lasa», efa potika ireo rindrina ireo! Jehovah dia mbola eo foana, voabaribary eo imason’ny rehetra, maneho ny Teniny, Izay voambara. Marina izany. Marihonareo.

221 Ny fiangon’ireo jentilisa koa, mba nohajambaina, misy sarona hafa eo anoloany, taorian’ny fandrovitana ka namelany an’Andriamanitra ho hita, dia ny saron’ny fikambanam-piangonana. Ahoana izany? Satria ny Teny dia voasarona tao anatin’ny olombelona indray. Izany indrindra no zavatra tsy hitan’ny Isiraely. Raha Anjely io na zavatra hafa, mba nino ihany ny Isiraely. Kanefa satria… Tsy afaka ny ho Anjely mihitsy izany. Fa tsy maintsy ho olona. Amena!

Tsy afaka ny ho diso amin’ny Teniny Andriamanitra. Amin’ny andro farany, tsy maintsy zavatra mitovy ihany no miverina. Hitanareo? Inona no nanajamba ny Isiraely? Ilay Olona. “Hianao izay olona, manao ny tenanao ho Andriamanitra Hianao.” Izany no namonon’ireo Azy. Ary ankehitriny, satria ny Hafatra dia tonga tamin’ny alalan’ny olona fa tsy ireo Anjely… Hitanareo? Andriamanitra dia tsy afaka manova ny Fanaony, manova ny Teniny. Nilaza Izy fa Izy no tsy miova. Hitanareo? Marihonareo, fampanantenana izany! Ary ankehitriny koa dia jamba ireo jentilisa mitovy tamin’ireo Isiraely, nohon’ny (inona?) ny sarona. Andriamanitra voasarona ao anatin’ny olombelona. Izany no nanajamba ny Isiraely.

Marihonareo, toy ny mahazatra, ny iray dia jamba. Ny iray dia jamba tamin’ny alalan’Izany; ny iray hafa kosa, voaseho aminy amin’ny alalan’Izany ny Fahamarinana. Izany dia hanakipina ny mason’ireo sasany, fa hanokatra kosa ny mason’ireo hafa.

222 Jereonareo, nitsangana teo Jesosy ary hoy Izy: “Eny, ny anaranao dia-dia-dia Simona, ary ny anaran’ny rainao dia Jona.”

Hoy izy: ‘Tompo Andriamanitra!” Hitanareo? Filipo …
Hoy izy: “Taiza no nahalalanao ahy?”
Hoy Izy: “Indro ny Isiraelita, izay tsy misy fitaka.”
Ary hoy izy: “Raby ô, taiza no nahalalanao ahy?”

223 Hoy Izy: “Talohan’ny niantsoan’i Filipo anao, raha mbola nialoka teo ambanin’ny hazo hianao, dia efa hitako.”

Hoy Izy: “Hidina Aho hampirehitra an’ity tendrombohitra ity.” Hoy Izy. “Ho hitan’izy ireo fa nilaza ny marina hianao. Hiseho eto Aho amin’ny-amin’ny alalan’io Afo io ihany. Hiseho eto Aho ary hanaporofo amin’ireo olona, hohamariniko eo imasony ny fanompoanao.» Izany no nolazainy tamin’i Mosesy, teo, tamin’ireo teny ireo.

152 Marihonareo, hoy Izy hoe: “Ankehitriny Homeko-Homeko voninahitra hianao eo imason’ny vahoaka.” Hoy Izy: “Eny, nilaza tamin’ireo hianao fa efa nifanena Tamiko tàny, teo amin’ny roimemy afo, ankehitriny, dia hidina Aho, ilay Afo teo ihany, ary ataoko ho hitan’ireo olona fa tsy nandainga hianao ny amin’izany.” Afaka porofoinareo amin’ny alalan’ny fahalalana Izany, eny, raha tianareo. Hitanareo? “Hidina eo anivo mihitsy Aho ary hampahafantatra azy ireo.”

153 Ary rehefa nikotroka Izy, rehefa nanomboka nikotroka Jehovah, dia hoy ireo olona: “Tsia! Tsia! Tsia! Aoka tsy hiteny Jehovah; ho-ho faty izahay.”

154 Hitanareo, fa tsy maintsy voasarona Izy, noho izany Andriamanitra dia voasarona tao anatin’i Mosesy, ary Izy no nanome ny Teny an’i Mosesy. Ary raha nidina Mosesy ka nilaza ny Tenin’ny Tompo, dia niaraka tamin’ny fisalobonana teo amin’ny tavany. Tsy marina ve? Jehovah voasarona tamin’ny endrika mpaminany, satria izany dia tena… Ary nilaza Andriamanitra fa tsy hiresaka amin’ireo tahak’izany intsony Izy. Amin’ny alalan’ny mpaminany ihany no hitenenany amin’ireo. Io no fomba tokana izay noraisiny mba hitenenany nanomboka teo. Izany ihany no fomba tokana nalainy mba hitenenany. Marina izany. Tsy misy fomba hafa intsony. Tsy mandainga Izy.

155 Marihonareo, Mosesy ihany no nanana ny Teny. Fa, izany dia tsy an-andian’olona no nidina, izany dia tsy ireo fariseo koa, na ireo sadoseo, na koa tsy ka-karazana fampianaram-piangonana na antokon’olona. Fa Mosesy ihany! Olona iray ihany no Nalainy. Tsy afaka handray fisainana roa na telo samy hafa Izy. Fa olona iray ihany no Nalainy. Mosesy no nanana ny Teny, ary Mosesy irery. Na dia Josoa àry tsy nanana an’Izany. Ireo olona hafa koa dia tsy nahazo Izany. Amena! Josoa dia-dia jeneraly; Josoa no mpitari-tafika; Josoa dia mpino, Kristiana. Fa Mosesy no mpaminany! Tsy afaka ho tonga tamin’i Josoa ny Teny. Fa tsy maintsy Mosesy no nahatongavan’Izany. Izy no mpaminany lehibe tamin’izany ora izany. Marihonareo, mbola tsy tonga tamin’i Josoa mihitsy ny Teny, raha tsy lasa Mosesy. Tsia tompoko. Andriamanitra dia miara-miasa amin’ny olona iray foana. Andriamanitra dia iray. Hitanareo? Noho izany, Mosesy irery ihany no nanana ny Teny, tsy andian’olona.

156 Jereonareo, nampitandrina ny rehetra Andriamanitra, mba tsy hanandrana ny hanaraka an’i Mosesy ao anatin’ilay fisaronana; ireo mpakatahaka. Hitanareo? Vehivavy, lehilahy, pretra, n’iza n’iza izy, na toy inona fahamasinany, na toy inona ny maha-olona azy, na toy inona ny hajany, na dia toy inona izany; nampitandrina Izy: “Aoka ho tonga irery Mosesy! Ary raha misy olona, na biby koa, mikasika an’io, tonga dia atao maty.” Aza mba

miditra mihitsy ao ambadik'io fisaronana io. Io fisaronana io dia an'ny olona iray. Ity hafatra ity dia tokana. Hitanareo? Tao amin'ny tempoly, olona iray ihany no niditra tao, indray mandeha isan-taona, voahosotra ary efa niomana ny hiditra ao; tsy hoe mba hivoaka hiaraka amin'ny Teny fa mba hanatitra ny rà. Na dia ny miditra ao aza, manoloana Izany: iray ihany. Fa ny olona hafa rehetra dia maty. Hitanareo?

157 Ankehitriny dia maty ara-panahy izy ireo. Ity kosa dia fisalobonana ara-panahy. Hitanareo? Ilay iray dia fisalobonana natioraly. Fa ity kosa dia fisalobonana ara-panahy. Hitanareo? Mitohy miditra ao foana izy ireo amin'ny fahatokiana, n'inona n'inona ambaranao amin'ireo. "Ô, fantatro eh! Mahafantatr'izany aho, kanefa izaho…" Hitanareo, ndeha ihany, fa milamina tsara ny amin'izao, izany dia tsy manao afa-tsy ny maneho… Tsarovinareo, tao Egipta, ny loza farany, dia ny fahafatesana, talohan'ny fanafahana. Ny loza farany, ambonin'ny tany, dia ny fahafatesana ara-panahy, alohan'ny fanafahana. Ary ho lasa lavenona ireo ka hiverina amin'ny vovoka, ary ny marina dia handeha eo ambonin'ireo lavenony. Fa ny zavatra farany, dia ny fahafatesana ara-panahy, ny fandavana ny Teny.

158 Koa, Marihonareo, Andriamanitra dia nampitandrina ny rehetra, ny tsy hanandrana hanaraka an'I Mosesy ao anatin'ny fisalobonana Afo. Tsy maintsy voasarona Mosesy, tsy maintsy toy izany ny fivoahany avy tao. Mosesy, raha niditra izy, dia Mosesy, izay niditra tao anatin'io Andry Afo io; ary rehefa nivoaka izy, dia voasarona. Azo antoka, fa niditra Tao izy, efa nanaisotra ireo fombafombany, ireo fombafomba maha-loholona. Nahita ny Andry Afo izy, kanefa indro fa miditra ao anatin'ny Andry Afo izy eto. Hitanareo? Amena! Io àry izy fa mivoaka, voasarona. Ny Tenin'Andriamanitra tao anatin'ny olona iray, voafina! Indro fa mivoaka izy, teo ampandehanana, Ö! La la! afaka ny hitako izy. Nampitandrina Izy: aoka tsy hisy olon-kafa hanandrana, tsy misy olona afaka naka tahaka an'Izany. Tsaratsara kokoa ny tsy manao. Hitanareo? Na dia pretra aza, na olona masina, na iza na iza, na kardinaly, na eveka, na olona hafa koa, raha manandrana miditra ao anatin'ilay fisalobonana, dia ho faty izy. Andriamanitra dia nampitandrina ireo: tsy misy fakan-tahaka azo ekena.

159 Izay ihany no mahazo fanambarana ny amin'ny Teny. Tahak'izany foana, mpaminany iray no tonga miaraka amin'ny Tenin'ny Tompo, isaky ny taona tsirairay, izay foana, ao amin'ny Soratra. Ny Teny dia tonga amin'ny olona iray. Isaky ny taona tsirairay, dia mitovy ihany, na dia tamin'ny taonan'ny fiangonana aza, tamin'ny voalohany hatramin'ny farany. Ny sasany dia nanana ny toerany, marina izany, marihonareo, kanefa aoka hijanona lavitra an'io Andry Afo io hianareo. Hitanareo? Lesona manao ahoana voaraintsika eto! Hitanareo, ny olona rehetra dia te ho Mosesy avokoa, ary ny rehetra …

160 Tadidionareo ny nolazain'i Datana sy ireo sasany, tamin'izany? Hoy ireo: "Ndao, ry Mosesy, andraso kely aloha, eo! Betsaka loatra ny zavatra zakainao, hitanao. Andao isika, misy olona hafa koa eto izay nantsoin'Andriamanitra."

izay Nataony mba Hisehoana. Ary teo, nahafantatra i Abrahama: rehefa nahafantatra izay zavatra tao an-tsain'i Saraha Izy, izay tao an-damosiny, hoy izy, nantsoiny Izy "Elohim! Ny mpanomponao…"

212 Marihonareo, noho izany: mba hahafahany ho voaseho. Ny Teny, nandritra ny taona rehetra, nisy sarona teo Aminy, teo anatrehan'ny olona: " Zavatra tsy hay tanterahana izany."

213 Tadidinareo ve ny toriteniko, izay notoriko ny marainan'ny nandehanako, voalohany, mikasika an'i Goliata sy Davida? Hoy aho: "Jereonareo ilay ady fifanatrehana, teo, izay nilaza fa 'efa lasa ny andron'ny fahagagana'."

Arahanareo ireo horonam-peo ireo, tena mifampitohy ireo, jereonareo tsirairay, ary ho hitanareo fa mihamazava Izany; raha manana sofina mahay mihaino hianareo, hitanareo, maso mba hahita.

Inona àry izany? Hoy aho: "Misy an'ity tontolon'ny fikambanam-piangonana ity any, amin'izao taonan'ny fahalalana izao, izay milaza fa tsy ho tanteraka mihitsy izany zavatra izany. Kanefa hoy aho: "Andriamanitra…" Ao amin'ity Fahazanana ity, izay mbola tsy nalaina sary akory, raha tsy indray mandeha; mbola tsy azo sary mihitsy Izany tamin'izay fotoana izay. Teo amin'ny renirano, tàny; tsy azon'izy ireo sary Izany. Hitanareo? Hoy aho: "Nilaza tamiko Izy fa ho tanteraka izany zavatra izany; handefa ny Antsony Izy, ary dia hiparitaka amin'ireo firenena rehetra izany."

214 Na dokotera Davis aza, nilaza hoe: "Hianao ve, mpianatra tamin'ny kilasy faha-fito, tsy nianatra afa-tsy ny ambaratonga voalohany, ka handeha hivavaka ho an'ny mpanjaka sy ny mpanapaka, sy hiteraka fifohazam-panahy izay hiparitaka amin'ny firenena rehetra?

Hoy aho: "Izay no Voalazany."

215 Ary nitranga ilay zavatra. Hitanareo? Hitanareo, nitranga ilay zavatra. Io, izay, tsy mila fandikana hafa Izy na iray aza. Nataony izany. Hitanareo, Izy no nanao izany, sady, izany dia voadika fotsiny izao, hitanareo: miantso ireo Olom-boafidiny, hitanareo, avy–avy amin'ny toerana rehetra. Ankehitriny dia voaseho izany.

216 Nilaza aho fa Davida, teo izy, mahia kely sady mivokona ny lamosiny, antsamotady iray no teny an-tànana. Nefa, raha nijery azy i Saoly, izy izay lohany tamin'ny fikambana pastoraly, hoy izy hoe: "Ary hianao, tsy mba nahazo fanofanana akory!" hoy koa izy: "Ndao jerena raha afaka ny hanome anao mari-pahaizana momba ny filozofia aho, na zavatra hafa". Nampanaoviny fitaovam-piadina izy… Nahatsapa izy fa tsy mifanaraka amin'ny olon'Andriamanitra izany.

217 Izy nanao hoe: "Hesory amiko ireto" Hoy koa izy: "Tsy mahafatantra an'ireto zavatra ireto aho" sy hoe: "Avelao aho handeha eny miaraka amin'izay fantatro, miaraka amin'izay nandreseko ny liona, miaraka amin'izay nandreseko ny bera." Izy raha ny marina dia karazan'olona avy any anaty ala. Hoy izy: "Avelao aho handeha eny tahak'izao."

afaka hino Ahy hianareo, adinoy ny momba Ahy, ilay fisaronana, hinoanareo ny Teny izay nentina. Vavolombelona roa, fanamafisana izany.” Hoy Izy: Miteny Aho ary ny Ray no manambara Ahy.” Amena. Tena marina izany.

205 Milaza ny amin’ny Teny ho an’izao andro izao aho, ary ny Ray no manamarina Izany. Noho izany, ho anareo, fanamafisana ve izany? [Namaly ny fiangonana: “Amena”-Mpandika.] Izany dia an’isany, hitanareo. Izany fomba izany no tsy maintsy hatanterahan’Izany.

206 Jereonareo, ao amin’ny II.Korintiana, ankehitriny, eo… ao amin’ny II.Korintiana, toko faha-3, andininy faha-6, ny tempoly taloha no nipetrahan’Andriamanitra, nafenina tamin’ny fijerin’ny Jiosy ambadiky ny hoditra tranainy. Rehefa rovitra ny fisaronana taloha, mbola eo ihany ireo Jiosy… jamba tamin’ny naha-Izy Azy, ny maha-Izy Azy koa ankehitriny. Avy teo dia ny Pantekosta no nanambara hoe Iza ilay Andriamanitra velona sady marina, rehefa voazara roa ilay sarona, tamin’ny alalan’Andriamanitra, nanomboka tany ambony. Inona no antony nahatonga izany tamin’io sarona io? Inona no nahatonga izany?

207 Fa nahoana ankehitriny no tonga izao Hafatra izao, ka hanao ny zavatra izay efa Nataony? Nahoana no tonga Izany? Nahoana?

208 Nisy olona niantso ahy indray andro, te-hanakiana ahy ny amin’ny-ny taonan’ny fiangonana, ka hoe “Andriamanitra dia ao anatin’ny fiangonany masina,” sy ireo zavatra toy izany. Rehefa fantatro fa vehivavy mpitoriteny izany, dia nohadinoiko fotsiny izany rehetra izany. Hitanareo, raha mba lehilahy izay mba mendrika izany, dia ho zavatra hafa. Kanefa, kosa, mba inona no ilàna handehanana lavitra, amin’ny firenena hafa, eo, nefa tsy maintsy hilaozako ny fivoriana eto, mba hanao izany, hitanareo? Koa, avelako ihany ireo hanao izany. Jamba iray mitarika an’ireo jamba, ireo-ireo rehetra ireo dia samy hilatsaka any an-kady.

209 Koa, koa, ankehitriny, ao amin’izao taona izao, ny fisaronana taloha ny an’ny anaram-piangonana sy ny fombafomba, izay nanakona ny Tenin’Andriamanitra, dia efa rovitra, mba hahafahany ho voaseho! Azonareo ve ny zavatra tiako lazaina? Hoy ny fombafomba “Ireo zavatra rehetra ireo, dia efa lasa.” [Nijanona kely Rahalahy Branham.-Mpandika.] Aoka tena avelantsika hiditra Izany. “Ireo zavatra ireo dia efa lasa.” Kanefa, amin’izao andro farany izao, izany saron’ny fombafomba izany dia efa rovitra tanteraka, ary eto no hitoeran’ny Andry Afo. Hitanareo? Eto Izy, eo ampanehoana ny Teny ho an’izao andro izao. Rovitra ilay fisaronana.

Nefa, ny rehetra, mbola tsy mino an’Izany foana ireo. N’inona n’inona zavatra miseho, tsy mahita Azy izy ireo.Tsy mahita Azy izy ireo. Tsy nalefa ho an’ireo Izany.

210 Tadidionareo, tsy ny Zanak’Andriamanitra no niseho tamin’ireo tao Sodoma, fa anjely roa no nanao izany. Marina izany.

211 Kanefa, io... Andriamanitra io mihitsy, tao anatin’ny nofon’olombelona, no niseho tamin’i Abrahama, ilay Voafidy. Ary jereonareo tsara ny zavatra

161 Marina izany... Izy ireo, ny tsirairay tamin’ireo, mba nanaraka tsara, raha mbola nanaraka izy ireo, nefa raha nanandrana hitsangana ka handray ny toerana izay nomen’Andriamanitra an’i Mosesy ny iray tamin’izy ireo, -izay efa voafidy ary efa voatokana ho amin’io asa io, -niezaka izy ny haka izany, nilatsaka ny afo, nosokafany ny tàny ary niteliny indray mandeha izy ireo. Hitanareo? Hitanareo? Mitandrema hianareo. Hitanareo? Aoka ho kristiana tsara fotsiny hianareo, an’Andriamanitra, manana toe-panahy araka an’Andriamanitra, izay mino ny Teny. Hitanareo? Mijanona lavitra an’io Andry io hianareo. Lesona manao ahoana izany!

162 Niseho teo amin’ny roimemy afo tamin’i Mosesy aloha Andriamanitra, Andriamanitra dia voasarona tao anatin’ny Andry Afo. Ankehitriny aoka ihaino tsara hianareo, eo, mandritra ny fotoana fohy. Voalohany Andriamanitra, rehefa tonga Tamin’i Mosesy Izy, voasarona Izy. Andriamanitra dia tao anatin’ny Andry Afo, niafina tao amin’ny roimemy, hitanareo; tahaka ny tao ambadik’ireo hoditra, hitanareo, tamin’izany, teo amin’ny fanaterana fanatitra, teo amin’ny alitara. Hitanareo? Voasarona Izy. Voasarona foana Izy. Ary rehefa tonga tamin’i Mosesy Izy, dia tao anatin’ny Andry Afo, voasarona tao anatin’ny Andry Afo. Fa eto, nanoloana ireo olona, Andriamanitra dia nanamarina azy tamin’ny alalan’io Andry Afo io. Hitanareo? Hoy Mosesy…

163 Ankehitriny jereonareo tsara. Azonareo ve izany? [Namaly ny fiangonana: “Amena”.-Mpandika] Avelanareo ve ny fisainanareo handeha lavitra? Afaka ve hianareo? Afaka… “Aoka izay manan-tsofina hihaino” Hitanareo?

164 Rehefa niseho tamin’i Mosesy Andriamanitra, dia tao anatin’ny Andry Afo izany, raha niantso azy tamin’ny fanompoany Izy. Tonga Mosesy ka nilaza izany tamin’ireo olona. Tsy afaka hino azy izy ireo, kanefa nanao fahagagana sy ny rehetra izy. Nefa, tamin’izany, tena hita maso, ara-pahalalana, fa niseho Izy ary Izy no nanamarina ny asan’i Mosesy, manaporofo fa io Andriamanitra io ihany izay niteny taminy, satria niseho tamin’ny endrika Andry Afo Izy ka nampirehitra ny tendrombohitra. Tonga tamin’i Mosesy Izany tao amin’ny roimemy, ka niresaka taminy. Eny.

165 Ny voalohany nisehoan’Andriamanitra tamin’i Mosesy, dia tao amin’ny roimemy afo, ilay sarona. Teo anatrehan’ny olona, Andriamanitra dia mbola voasarona ary nanamarina an’i Mosesy Izy, tamin’ny alalan’ilay sarona, nisarona tamin’ilay Afo, ilay Andry Afo ihany no nidina. Ny-ny teo… Izy ireo, mba hahafahan’izy ireo mandre fotsiny ny Tenin’Andriamanitra. Azonareo? Ny Teny fotsiny, naheno ny Feony izy ireo. Azo antoka, Mosesy dia, ho an’ireo, dia Teny velona. Mosesy! Hitanareo, Andriamanitra dia tena nanaporofo an’io Teny io tamin’ny alalan’i Mosesy! Hitanareo, nilaza i Mosesy… Andriamanitra nilaza tamin’I Mosesy hoe: “Mandehana any. Homba anao Aho. Izy dia… Tsy misy hatohitra anao. IZAHO NO ILAY IZY.”

166 Lasa i Mosesy, ary hoy izy: “Mety tsy hino an’izany hianareo, kanefa Andriamanitra dia niseho tamiko tao anatin’ny Andry Afo, ary nilaza an’ireo zavatra ireo Izy.”

167 “Ô, misy zavatra toy izany betsaka koa mitranga amintsika.” Hoy Farao: “Andraso kely!” Hoy pastora Farao: “Eny eh, manana fihetsiketsehanan’ny mpanao fanova-maso hianao. Aoka kely, izaho koa manana ireo mpanao toy izany eto izay afaka hanova ny menarana ho… ny tehina-ny tehina havadika menarana. Avia eto hianareo, ry mpanao fanova-masoko.” Ary tonga teo izy ireo ary nanao zavatra mitovy.

168 Nahafantatra izany Mosesy. Tsy nisy zavatra nampivadi-po azy. Ny isan’ireo mpaka-tahaka izay nananan’izy ireo, tsy nanova zavatra mihitsy izany. Nijanona tsy taitra akory i Mosesy. Tampoka teo, nandeha samy nandady ireo biby ireo nandritra ny fotoana fohy, ary tamin’ny fotoana iray, natelin’ny menaranan’i Mosesy ireo hafa. Hitanareo? Nahoana? Izany dia tahaka ireo apostoly, izy ireo dia tsy afaka ny hanazava Azy. Tsy nahafantatra i Mosesy hoe ahoana ny fomba ataon’Andriamanitra, nefa nanao an’izany Izy.

169 Tsarovinareo, nilaza Izy fa hiverina i Jana sy Jambra, amin’ireo andro farany, hitanareo, ireo fakan-tahaka. “Ary raha azo atao, na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny”, Matio24.24 Hitanareo? Zavatra tena mitovy, fa izy ireo dia hanao karazana fahagagana mitovy sy hafa koa. Aoka tsy hiala amin’ny Teny ny masonareo! Aoka tsy hiala amin’ny Teny ny masonareo! Misy olona milaza fa nanao fahagagana izy, nefa mety mbola mino izy fa misy Andriamanitra telo, ary misy an’ireo zavatra hafa koa; mandosira hianareo amin’izany karazan-javatra tahak’izany. Fantatsika fa izany, dia-dia diso, hitanareo, tsy tena izany no izy. Azonareo? Ny Teny, Teny rehetra, Teny rehetra izay naloakin’ny vavan’Andriamanitra! Tao amin’ny Genesisy, Teny iray monja! Eto, voalaza fa: “Aza manaisotra, ary aza manampy teny iray.” Hitanareo, tsy maintsy io Teny io ihany, tsy miova. Hitanareo?

170 Marihonareo, nahita ireo olona ireo fa nisy zavatra nitranga. Voasarona i Mosesy, amin’ny maha… Mpaminany izy, ary Andriamanitra dia efa nanamarina ny Teniny teo, nandeha tany izy. Ary dia nahita ireo famantarana sy fahagagana. Avy eo, eny, nisaraka ireo olona ireo: ny fiangonana. Hitanareo, ny hoe fiangonana, ny dikan’izany dia “nantsoina mba hivoaka”. Hitanareo? Taorian’ny niantsoana azy ireo nivoaka tamin’izao tontolo izao, ary lasa vahoaka izy ireo, hitanareo, dia naneho ny maha Izy Azy Andriamanitra, ny nanehoany fa Izy ilay Andry Afo. Nohamarininy ny hafatr’i Mosesy. Hitanareo? Izy no Andry Afo. Mety afaka nandray sary Izany ireo tamin’izany, mieritreritra aho, raha nanana fakan-tsary izy ireo, satria Afo tanteraka izany rehetra izany. Kanefa izy ireo-izy ireo dia nanaporofo fa… Andriamanitra dia nanaporofo fa marina ny Hafatra. Teo ny Hafatra, teo ny rehetra, tsy ho ela izy ireo dia handeha amin’ny fanafahana. Nosaromany ny Mpaminany, ho an’io vahoaka ho amin’ny fanafahana io.

171 Ireo olona, eritreretinareo izany, nahita izy ireo fa nisy zavatra nitranga

Afo lehibe no nidina ary naneho an’ireo ny maha Izy Azy, fa Izy ihany io Andry Afo lehibe io, izany, mety mba ninon’izy ireo izany, ka raha nandehandeha teny rehetra teny Jehovah.

Kanefa, hitanareo, ny zavatra izay Nataony, mba hahafahana miodina an’ireo olona be fahalalana rehetra, hendry, niseho tamin’ny fomba tsotra Izy tahaka izay efa nampanantenainy an’i Mosesy, hitanareo: «Mpaminany no hitenenako aminy.» Ary izany Izy, Zanak’olona, Mpaminany iray. Ary ny sasany nahafantatra Azy, teo amin’ny iray ampaha-zaton’ny iray isan-jaton’ny olona no nino Azy, ireo sasany, tsia. Nefa izany foana no maha-Izy Azy.

196 Kanefa teo ilay Andriamanitra Mahery, voabaribary hojeren’ny rehetra, ilay Alitara! Maty Izy, nefa ireo Zanany nilaza… Teo ireo Zanany ary nilaza: “Tsy mila Azy izahay! Aoka Izy handeha! Ary dia nandrorany Izy.

197 Amin’ny tandindona, taloha lavitra be, Davida, raha nandao ny tempoly izy, mpanjaka iray izay nolavina. Nidina teny an-dàlana izy, ary misy karazana kilemaina iray nandalo, izay tsy tia azy mihitsy, nanao taminy hoe “mpihatsaravelatsihy” na zavatra toy izany, nororainy ny tarehiny. Ary ny mpiambina nanatsoaka ny sabany, dia hoy izy: “Havelako eo aminy ny lohan’io alika io, ary izy no nandrora ny mpanjakako?”

198 Hoy Davida: “Avelao izy, fa Andriamanitra no niteny taminy izany.” Ary mety tsy fantatr’i Davida akory ny zavatra nolazainy. Niakatra tao an-tendrombohitra izy, ary nijery lavitra, tamin-dranomaso.

199 Valonjato taona taty aoriana, indro ilay Zanak’i Davida niakatra teo amin’io tendrombohitra io, nitazana avy lavitra Izy, nitomany an’i Jerosalema: Mpanjaka nolavina. Ary nororain’ireo ny Tavany.

200 Tsy hitanareo ve? Zavatra mitovy izany. Hitanareo ity Teny ity izay mifamatotra, izay mbola mitohy ankehitriny? Tsy maintsy lavin’ny maro, hitanareo, ary hinoan’ny olom-bitsy.

201 Noho izany, hitanareo, tsy afaka ny hino an’Izany izy ireo. Ireo Grika ireo, dia tsy afaka nahita Azy, tao anatin’ny Tempoliny olombelona Izy. “Hitantsika,” hoy izy ireo, “Io lehilahy io, ny Anarany dia Jesosy; avy any Nazareta Izy.”

202 Nefa, tamin’izany andro izany, tsy nanana afa-tsy anarana iray ny olona. Ohatra “Jaona, Jim,” ary hoy ireo, “Jaona avy any Jeffersonville, Jim avy any New Albany,” na zavatra toy izany, hitanareo.

203 Hoy izy: “Io olona io dia Jesosy avy any Nazareta. Ny olona rehetra dia milaza fa bevohokan’ny miaramila ny Reniny.” Hitanareo? Koa dia, izany mihitsy no ninoan’ireo. Azo antoka! Ary, azo lazaina, fa hoy ireo, teo: “Ity dia Jesosy avy any Nazareta.” Hitanareo? “Iza àry Izy?” Hitanareo, tsy afaka hahafantatra an’Izany izy ireo.

204 Kanefa, fantaro, ny Teny tamin’izany andro izany, rehefa nitory Izy, dia nanao hoe: “Dinihonareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no anananareo Fiainana Mandrakizay, ary ireny no manambara Ahy. Raha tsy

no misy Azy? Hitanareo? Koa, hitanareo, hoy ireo: "Fiangonana manao ahoana no nisy Azy? Antoko-antoko manao ahoana? Fianarana manao ahoana no vitany? Taiza no nahazoany ny fampianarany? Eny eh, io lehilahy io dia teraka, araka ny fombafomba, araka ny-ny tantara izay mandehandeha ny amin'ny momba Azy, dia teraka ivelan'ny fanambadiana Izy io. Hitantsika, Izy... Tena azo antoka, avy ao amin'ny devoly Izy. Hitanareo, Izy-Izy dia avy amin'ny devoly. Teraka ivelan'ny fanambadiana Izy; nanambady azy fotsiny i Josefa mba hanakanana azy tsy ho voatora-bato, satria vehivavy mpijangajanga izy. Ary io Lehilahy io ve no tonga milaza amintsika ny tokony hatao, amintsika mpisorona?"

190 Ary teo Andriamanitra, nanambara an'ity Teny ity, nihiaka: "Andriamanitra ô! Nahoana no dia mahafoy Ahy Hianao?" Ireo fiderana izay nihiran'izy ireo tao amin'ny tempoly ihany, izay nataon'i Davida ho an'ireo taona maro taloha, ary izay nifandray tamin'i Kristy. "Mijery ahy ny taolako rehetra; nofantsihan'izy ireo ny tongotro sy ny tànako." Ary teo izy ireo, nihira an'izany, nefa ilay Olona voalazan'izany dia efa teo amin'ny hazo fijaliana ho faty. Ary raha vita ny nataon'ireo…

191 Rehefa maty Izy, nidina ilay Andriamanitry ny lanitra, toy izay efa nataony tao amin'ny tendrombohitra Sinay, niaraka tamin'ny Afo Masina, ary nodorany ny efitra lamban'io tempoly io, teny ambony ka hatrany ambany, norovitiny izany. Ary inona no zavatra afaka nataon'izy ireo? Mijery avy tamin'ny varavarankelin'ny tempoly, teo, teny Kalvary, ary teo Andriamanitra, voabaribary teo imason'ny rehetra, ilay Fanatitra.

192 Nefa ankehitriny dia mbola, tsy mahita an'Izany izy ireo. Andriamanitra, amin'izao andro farany izao, dia mandrovitra ireo fombafomba ireo, ary nasehony ny Teny ho an'izao taona izao hitan'ny rehetra, nefa mbola tsy mahalala an'Izany foana ireo. Tena tsy mahalala ny amin'Izany mihitsy ireo. Izany-Izany dia tena tsotra. Hitanareo, tsotra loatra, tena marina. Tena tsy mitovy mihitsy ny amin'ny zavatra eo amin'izao tontolo izao izany.

193 Indray andro nitory aho, tamin'ny fivoriana iray, ny momba ny hoe "Tonga adala." Indray andro any, te-hiresaka momba an'izany aho, ny "Tonga adala". Adalan'ny olona iray isika rehetra, koa-koa izaho, dia noho ny amin'i Kristy no maha-izany ahy. Nilaza i Paoly fa "noheverina toy ny adala" izy. Azo antoka izany, tsy maintsy. Hitanareo, tsy maintsy mila fanerena [Rahalahy Branham nampiasa ny teny anglisy "nut" izay midika écrou, kanefa kosa, manana dikany, "adala"-Mpandika.] mba hitazomana ireo zavatra rehetra amin'ny toerany. Azonareo? Marina izany.

194 Koa, jereonareo, ny fisaronana, ny nofon'olombelona. Tsia, noho izany, ny olona izay tia ny fahotana dia tsy afaka nahita an'izany. Ireo olona mpivavaka izay mifikitra tamin'ireo fombafombany, tsy afaka nahita an'izany izy ireo, satria olona Izy. Nahoana? Io nofon'olombelona io, izay nanafina an'Andriamanitra.

195 Nefa, raha toa ka Andry Afo lehibe no nidina, hitanareo, raha ny Andry

taminy. Ankehitriny dia hafa noho ireo Isiraelita rehetra izy. Olona hafa izy, ny hafatra nentiny dia hafa, hafa noho ny mpisorona izy, hafa noho ny rehetra izy. Hitanareo, olona hafa izy. Nahita ireo olona fa nisy zavatra nitranga. Andriamanitra dia voasarona tao amin'ny Mpaminaniny, mba hilaza amin'izy ireo ny Teniny. Izany no zavatra nataony. I Mosesy io Teny velona io, ho an'ireo olona, voasarona tamin'ny alalan'ny Andry Afo, nanambara ny zavatra izay ho voasarona tsy ho ela ao ambadik'ireo hodi-biby. Hitanareo?

172 Ny Teny dia tsy maintsy tonga tamin'i Mosesy, aloha. Hitanareo? Mosesy no nanana ny Teny. Andriamanitra no nanoratra Izany? Tsy misy olona afaka ny nandika Izany? Fa Mosesy no tokony handika Azy, aloha. Izany no antony nanaronany ny tavany, satria izy… Hitanareo Izany? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.] Hitanareo?

Eto Izany. [Nandray ny Baiboly Rahalahy Branham-Mpandika.] Afaka ny handray Izany isika, ny hitondra Izany, ary ireo sisa, eo, kanefa tsy maintsy ho voambara Izany. Mba hahafahany ho voambara, tsy maintsy tonga Andriamanitra i Mosesy ho an'ny vahoaka.

Milaza hianareo hoe: "Fahadalana izany."

173 Jereo àry, hoy Izy, Izy mihitsy no nilaza an'izao tamin'i Mosesy, Izy Tenany: "Ho Andriamanitra hianao, ary ho mpaminaninao i Arona!… ?…" Hitanareo? Koa tonga teo Izy, hitanareo, tsy maintsy voasarona Izy, satria Andriamanitra tsy maintsy ao ambadiky ny fisaronana. Ô! La la! Hitanareo ve Izy? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.] Andriamanitra dia niafina tamin'ny be sy ny maro.

174 Hoy Izy: "Ry Raiko, Midera Anao Aho, fa efa nafeninao tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany, ka nasehonao tamin'ny zaza madinika, amin'ireo izay te-hianatra." Hitanareo?

175 Andriamanitra niafina tao ambadiky ny fisaronana. Nanarona ny tavany Mosesy. Mosesy dia Teny Velona, voasarona, tamin'izany andro izany. Nahita an'io Andry Afo io ireo olona, dia hoy ireo: "Ankehitriny resy lahatra izahay." Hitanareo? "Aoka Mosesy no hiteny." Hitanareo? "Aoka tsy hiteny Andriamanitra, fa matahotra ny ho faty izahay." Mosesy dia niditra avy hatrany tao anatin'ilay Andry Afo. Hitanareo?

176 Ary hoy Izy, teo, hoy Izy: "Ankehitriny tsy-tsy hiteny amin'ireo tahak'izao intsony Aho. Homeko mpaminany ireo." Hitanareo? Ary toy izany foana no nataony. Hitanareo? Hoy Izy: "Ankehitriny, aoka izy ireo handeha." Fa ny mpaminany izay voalaza dia tokony hanana an'io Teny io. Raha voasarona amin'ny alalan'ny fombafomba izy, Andriamanitra tsy naniraka azy mihitsy. Raha voasarona amin'ny alalan'ny Teny izy, Andriamanitra dia hanamarina Azy. Andriamanitra no manatanteraka ny Teniny manokana. Mosesy nanonona an'Ireo; Andriamanitra kosa nanatanteraka Izany. Amena.

177 Niteny Mosesy hoe: "Ny Tompo no niteny an'izany!" Ary ny Tompo dia nanao araka izay Nolazainy. Izay no nanaporofo fa marina Izany.

178 Ankehitriny, hoy Izy: "Ankehitriny, ry Mosesy, fantatrao. Ireo olona dia

mahafantatra ankehitriny. Hitanao, nasehoko Hianao, nanamarina anao Aho." Andriamanitra dia voasarona tao anatin'io mpaminany io, mba hilaza ny Teniny amin'ireo olona. Mosesy tamin'izany dia Andriamanitra Velona, ho an'ireo, ny Teny Velon'Andriamanitra, voaseho. Noho izany antony izany no nanaronana ny tavany. Hitanareo?

179 Ary mba fantatrareo fa mitovy amin'izany koa ny momba ny Kristiana tena izy, fa izy dia voafina ankehitriny amin'ireo tsy mino? Raha mahita ireo vehivavy lava volo sy hafa koa, milaza izy ireo fa izany dia… "Jereonareo ireto ntaolo." Ny vehivavy izay manao bango tokana sady miorina amin'ny lohany, hoy ireo hoe: "Manana kodiara vaky hianareo, manana kodiara-fanolo eo ambonin'ny loha." Hitanareo, tena voafina tanteraka. Jamba izy ireo. "Ô", hoy ireo, "Manana fahalalana ambony amin'ny filôzôfia aho, ny…" Tsy misy dikany amiko izay anananao, mijanona tsy mahalala foana ny Teny hianao. Tena marina izany. "Ô, izany, izany, dia ambanin-javatra. Izaho…" Manomboha amin'ireo lesona moramora.

180 Inona no lazaina an'ireo olona izay milaza ny tenany fa voasarona tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, nefa mitory ny fombafombam-piangonana? Ô, mampalahelo, mahonena! Kanefa manampy sy manaisotra, sy ny sisa, fa izy ireo dia mampiditra ireo heviny manokana sy ireo fahalalany manokana, fa tsy ny Tenin'Andriamanitra; hitanareo, fisaronana manao ahoana izany? Izany, dia fananana saronan'anaram-piangonana. Andriamanitra dia efa nandrovitra tanteraka an'io fisaronana io!

181 Hoy ireo hoe: "Ireo mpaminany, tsy misy izany. Amin'izao andro farany izao, ireo apostoly sy mpaminany, tsy misy intsony izany. Ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, tsy misy izany. Ireo mpahita fahitana, tsy misy izany. Ny Marka 16 izay ho tanteraka amin'izao fotoana izao, tsy misy izany. Ny taonan'ny apostoly dia efa nifarana." Izy ireo no nanafina Azy tamin'ireo olona. Kanefa Andriamanitra dia tonga teo, niaraka tamin'ny Afon'ny Fanahiny Masina, ary Izy efa nandrovitra an'izany zavatra izany nanomboka tany ambony hatrany ambany. …[Elanelana tsy voarakitra tao anatin'ny horonam-peo-Mpandika.] Norovitin'Andriamanitra ny fisaronana.

182 Mosesy no sarona, ny Tenin'Andriamanitra Velona, voasarona tao ambadiky ny nofon'olombelona. Ny Andry Afo dia tao amin'i Mosesy, mazava ho azy, nanambara ny zavatra izay ho voasarona tsy ho ela ambadiky ny hoditra, hitanareo.

183 Noho izany, teo, ny Teny, nomena ny Teny, avy eo nosoratana Izany, avy eo nafenina Izany, ary mbola izany foana, voasarona, satria Andriamanitra dia tao anatin'io Teny io foana. Amena! Izy dia Teny, izany foana. Izy dia tao anatin'io Teny io. Noho izany antony izany no tsy maintsy nanaronana an'io Teny io.

184 Ô, ry Rahalahy, ry Anabavy, azonao ve izany? [Namaly ny fiangonana: "Amena"-Mpandika.] Jereonareo! Tsy hitanareo ve? Voafina Izany tamin'ireo taona nifandimby, mifanaraka tanteraka tamin'izay volazan'Andriamanitra, ary ho voaseho Izany amin'ny andro farany, ho sokafana ireo tombo-kase Fito ireo, ary ny zavatra rehetra dia habaribary amin'ireo olona, toy izay efa nitranga, tamin'ny taona rehetra. Amin'ny oran'ny Hafatry ny anjely fahafito, ny zava-miafin'Andriamanitra rehetra izay ho voaseho amin'ny alalan'io Elia io, amin'izao ora farany izao: Kristy, izay navoaka ivelan'ny fiangonany, ny Zanak'Andriamanitra; izay miseho toy ny Zanak'olona indray; ny Fiangonana, izay tokony halamina sy hafa koa, amin'ny andro farany, tsy misy fampianaran'olombelona, tsy misy anaram-piangonana, fa mijanona tanteraka amin'ny Teny, velona ao anatin'ny tsirairay. "Ny anankiray horaisiko, fa ny iray dia havelako. Horaisiko ity, fa havelako iry." Hitanareo? Misy fotsiny… Tsy misy famatorana, tsy misy anaram-piangonana, tsy misy fanerena, na inona na inona; fa ny fo mifamatotra amin'Andriamanitra, ary Aminy irery. Hitanareo?

185 Marihonareo, voasarona tao anatin'ny nofon'olombelona. Mosesy niaraka tamin'io Teny io, nanambara izay, tsy ho ela, hapetraka ao ambadiky ny hodi-biby iray. Mba hahatonga… Tahak'izany Kristy no Mosesintsika. Kristy no Mosesintsika. Izy dia Andriamanitra voasarona tao anatin'ny nofon'olombelona, voasarona tao anatin'olombelona, tao amin'ny nofo. Marina izany. Ary Izy no tsy miova omaly, anio ary mandrakizay. Izy dia voasarona tamin'ny alalan'ireo hodi-biby. Voasarona Izy. Ary tamin'io dia voasarona tao anatin'ny olona iray Izy. Hitanareo? Ankehitriny marihonareo, "Ilay tsy miova omaly, anio ary mandrakizay," Ny Teniny izay nampanantenainy ho an'izao taona izao. Mbola Kristy ihany Izy, ny Teny fampanantenana ho an'izao taona izao, voasarona ao anatin'ny nofon'olombelona. Ny Teny dia Andriamanitra.

186 Ny fanosorana dia amin'ny olona. Ny teny hoe Kristy dia midika olona iray izay voahosotra, hitanareo, "ilay voahosotra." Noho izany, Mosesy dia Kristy tamin'ny androny, izy no voahosotra. Jeremia dia Kristy tamin'ny androny, niaraka tamin'ny ampahan'ny Teny tamin'izany andro izany.

187 Kanefa rehefa tonga Jesosy, Voahosotra Mpanavotra no nahatongavany; ary teo, sady Mosesy no izay zavatra tao anatin'i Mosesy izany, ary ny Teny rehetra, ary ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra tao amin'ny vatana, izay tao Aminy. Noho izany antony izany no naharovitra tanteraka ny fisaronan'ny tempoly, ary koa ny alitara dia voaseho tanteraka mba ho hitan'ny rehetra: Izy no Voahosotra.

188 Marihonareo ankehitriny, ny fisaronan'ny nofon'olombelona, ny Teny fampanantenana ho an'izao taona izao koa dia tokony ho voasarona koa. Jereonareo. Ireo mpanota sy ireo mpiditra am-piangonana izay tia ny fahotana dia tsy afaka hahita an'Izany zavatra Izany, noho ny fisalobonan'ny nofony.

189 Izany no antony tsy nahafahan'izy ireo nahita Azy. Hoy ireo hoe:"Hitantsika, olombelona io. Taiza no nivoahany? Karatra fikambanana manao ahoana no ananany? Fiangonana manao ahoana no misy Azy?" Hiresaka ny momba an'izany aho androany hariva: Fiangonana manao ahoana